Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

Tari-Dalana ho an'ny Mpino Vaovao ao amin'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito

Manaraka an'i Jesosy sy ny Fampianarany
Ambaratonga 1: Manomboka ny Dia

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM

Ity loharanon-kevitra ho an'ny mpianatra vaovaon'i Jesosy ity dia natao ho fahatsiarovana an'i Dr. James Cress, izay nanana hafanam-po manokana sy fotoana nampiasaina ka nahatontosana ny famoronana azy ity. Antenainy fatratra ny hahitan'ny mambra tsirairay vao teraka ao anatin'ny fianakaviamben'ny fiangonana, fifandraisana mafana sy ahazoana valisoa miaraka amin'ny mpianatra hafa, eo ampiarahan'izy ireo mamakivaky ny làlan'Andriamanitra.

MANARAKA AN'I JESOSY

Miasa fatratra hatrany ny mpitondra mpizaha tany any Israely, Jordana, ary Syria mandritra ny taona, noho ireo Kristiana tonga avy amin'ny toerana rehetra manerana izao tontolo izao, hanara-dia ny dian-tongotr'i Jesosy, hijery ny toerana nanasitranany olona na nampianarany azy ireny, ary haka sary an-tsaina izany hoe fanatrehan'ny Zanak'Andriamanitra izany. Kanefa araka ny voalaza ao amin'ilay hira amin'izao fotoana izao manao hoe: "I Walked Today Where Jesosy Walked," (Anio Aho Dia Mandeha Amin'izay Nandehanan'i Jesosy), dia azontsika atao ny mandeha amin'izay toerana nandehanan'i Jesosy, amin'ny alalan'ny fananana fiainana tahaka izay niainany. Ny lesona mandritra ity telovolana ity dia mifantoka amin'ny fomba nanombohany ny diany teo amin'ny fiainany.

Ireo lesona dia natao manokana ho an'ireo izay miara-mianatra amin'ny namana Advantista na vao tonga mambran'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Ity lesona ity ihany koa dia hanampy ireo mambra "vao nanavao ny fanoloran-tenany", izany hoe ireo izay efa nihataka tamin'ny fiangonana nandritra ny fotoana fohy, na ireo mambra efa ao amin'izao fotoana izao ka manana faniriana vaovao indray handalina ny fifandraisany amin'i Jesosy.

Ny fanombohana ny dia miaraka amin'i Jesosy dia mametraka antsika amin'ny làlana mitondra ho amin'ny fitoviana Aminy. Eo amin'io làlana io no hahitantsika fifaliana, fahasitranana, fitomboana, ary antom-piainana. Mety atrehantsika eo ihany koa ny korontana toy ny fakam-panahy, alahelo, fifandraisana tapaka, ary sorona, satria isika manara-dia ilay Iray izay faritana amin'ny hoe "Lehilahy ory sady zatra fahoriana." (Isa 53:3) Ny fahafatesany teo an-kazo fijaliana no sorona lehibe indrindra. Amin'ny maha-mpianany, isika koa dia afaka manantena hiatrika dia ifangaroan'ny mangidy sy ny mamy toy izany. Ity "Tari-Dalana Fianarana Baiboly Ho An'ny Mambra Vaovao" ity dia ampiasaina ho toy ny mpanolotsaina mandritra ny dia.

Ny Lesona 1 sy 2 dia mamakafaka momba ny fanapahan-kevitra hanara-dia an'i Jesosy. Ny Lesona 3 sy 4 dia fiezahana mamantatra hoe iza moa i Jesosy. Ny Lesona 5, 6, ary 7 no manazava ny momba ireo olana sasany atrehan'ireo mpino vaovao rehefa manatontosa ny fiovana eo amin'ny fiainany izy. Ny Lesona 8 no manome toky ny mpianatra hoe mahari-po amin'izy ireo i Jesosy. Ny Lesona 9, 10, 11, ary 12 dia miresaka momba ny Baiboly: Ny fomba nampiasan'i Jesosy azy, ny fahefan'ny Baiboly, ary ny fomba fandalinana azy. Ny Lesona 13 no mamintina amin'ny alalan'ny tari-dalana fampivelarana fiainana feno fanoloran-tena.

Ankoatr'ireo endrika fanontaniana sy valiny fototra mahakasika ny fandalinana ny Baiboly, ny lesona tsirairay avy dia hahitana fizaràna fanampiny:

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy: hahitana tantara manokana mahakasika ny olona iray, izay tafiditra ao anatin'ny lesona Alahady. Na dia anaram-bositra aza no tena ampiasaina eto dia avy amin'ny fanandramana tena nisy avokoa ny tantara rehetra. Nezahana araka izay azo natao mihitsy ny mba hifanarahan'ny tantara tsirairay avy, amin'ny lohahevitry ny lesona.

Mijery Akaiky Kokoa: izy io dia ampahany mifantoka amin'ny hevitra ara-Baiboly, izay mety hahitana fanazavana na famakafakana fanampiny. Koa satria voafetra ny faritra fanoratana, dia fohy ihany ny fandalinana atao.

Ny Maha-Advantista dia ampahany fohy izay natao hanampiana ny mambra vaovao ahatakatra ny kolontsaina Advantista. Ao no hahitana ny famaritana ny teny izay manana ny heviny manokana amin'ny Advantista. Matetika ihany koa izy io no hahitana fitantarana fohy momba ny Fiangonana Advantista ary milaza momba ny foto-kevitra hifantohana manokana amin'izao fotoana izao.

Fitsapam-pahaizana: hita ao amin'ny fizaràna Zoma, taorian'ny herinandro nandalinana ny lohahevitra iray. Manohy ny fianarana io takila io, amin'ny alalan'ny fampiasana ny paikadin'ny lalao ara-Baiboly, fanontaniana, na hetsika izay mampifandray ny fanandraman'ilay mpianatra manokana amin'ny lesona, ary hetsika mampivelatra ny fahalalana.

Hevero Ity: mameno takila iray izy io, ary fizaràna ao anatin'ny lesona Zoma. Ny fizaràna "Hevero Ity" isan-kerinandro mazàna dia hahitana fampahafantarana tsy avy ao amin'ny Baiboly, mifandray amin'ny lohahevitra nandritra ny herinandro. Ireny fampahafantarana ireny dia mety ho avy amin'ny siansa ara-piarahamonina, tantara, sns.

Singa iray tena manan-danja ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra ihany koa ilay tranonkalam-pifandraisanam-pifandraisana vaovao ao amin'ny "internet", izay hahitana loharanon-kevitra isan-karazany. Koa satria ao amin'ny "internet" no hahitantsika azy io, dia azo atao ny manavao azy hatrany na manampy zavatra ao ihany koa.

Eo am-pandalinanao amim-pahatokiana ny lesona tsirairay avy mandritra ny herinandro dia iriana mba ho hitanao ny hevitr'izany hoe manara-dia an'i Jesosy ary hhahita fifaliana sy fiainana ianao mandritra ilay dia.

Lesona 1

MAMALY NY ANTSON'I JESOSY

Ahoana no fomba nahazoan'i Jesosy ireo mpianany voalohany?
Rehefa manasa ny olona iray ho tonga mpianany Jesosy dia inona no atolony azy?
Ahoana no fomba famalin'ny olona ny fanasan'i Jesosy?
Inona no antenain'i Jesosy amin'ny mpianany?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

" 'Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary indro Izaho momba anareo mandrakariva ambara-phahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.' " (Mat 28:19, 20).

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Mety ho nanao ahoana re izany nifanatri-tava tamin'i Jesosy izany ka nilazany hoe: "Manaraha Ahy"? ny lesona amin'ity herinandro ity dia handalina ny momba ireo olona izay nandalo izany fanandramana izany, ary hojerentsika hoe nanao ahoana no fomba namalian'izy ireo izany. Eo ampianaranao ny lesona sy iainanao izany mandritra ity herinandro ity dia mifidiana iray amin'ireto hetsika atao manaraka ireto ary miomàna hifanakalo hevitra momba ny zavatra hitanao, miaraka amin'ny tarika mpiara-mandalina aminao.

A. Amin'ny Talata no hianarantsika momba ny zavatra nampanantenain'i Jesosy hoe ho hitan'ny mpianany rehefa manara-dia Azy izy ireo. Rehefa manara-dia an'i Jesosy ianao mandritra ity herinandro ity dia mariho kely ao an-tsainao izay zavatra nianaranao momba Azy sy ny tenanao.

B. Anontanio raha toa ka misy namana na fianakaviana roa na telo izay efa niaina izany fanandramana hoe nia,niantso azy i Jesosy. Inona no fomba nampiasain'i Jesosy hiantsoana azy ireny ary ahoana no fomba namalian'izy ireny?

Miara-Mandeha Amin'i Jesosy Amin'ny Tontolo Tena Misy

Mandre ny Antson'i Jesosy amin'ny alalan'ny Namana

Tamin'ny volana Febroary tao anatin'ny taona namitan'i Kelly ny fianarany tamin'ny taona fahadimy tao amin'ny anjerimanontolo iray miankina amin'ny fanjakana, no nanaovany fikarohana tao amin'ny "internet" ka nanapahany hevitra fa mety tena hahaliana ny fitadiavana namana iarahana amin'ny Andron'ny Mpifankatia. Nitady tao anatin'ny fampahafantarana teo amin'ny seha-pikarohana "Yahoo" izy, ary nahita fomba nahafahana nifandray tamin'ny tovolahy iray nantsoina hoe Brian, izay nanamarika ny

teny hoe “Kristiana” tao anatin’ny mombamomba azy. Tsy nataon’izy io tao ny sariny, saingy niezaka nifandray taminy ihany i Kelly.

Fotoana fohy taorian’izay dia nasain’i Kelly hanatrika ny lasy fihaonamben’ny tanora teo amin’ny tanàna akaiky azy ireo izy. Tovovavy maro no niaraka tamin’i Kelly, ary indro izy nitondra fiara nandeha nihaona tamin’i Brian tao amin’ilay lasy fihaonamben’ny tanora. “Toa tsara tarehy tsy araka ny nampoiziko no fijeriko azy,” hoy izy. Ny ampitson’iny dia niara-nandany ny tontolo andro tany amin’ny toeram-pitsangatsanganana i Brian sy Kelly ary ireo tovovavy namany. Rehefa nifarana ny tontolo andro dia tsapan’ireto tovovavy ireto hoe tena nahazo aina tsara i Brian niaraka tamin’izy ireo.

Roa taona taty aoriana, vita mariazy i Kelly sy Brian.

Ankehitriny izy ireo dia miatrika fanandramana eo amin’ny fanambàrana fiainana roa avy amin’ny antokom-pivavahana samihafa be tokoa, kanefa izy roa ireo dia samy mitady zavatra mahitsy sy tena misy tokoa. Tao amin’ny tokantrano hentitra no nitomboan’i Kelly, amin’ny maha-zanaka pasitora azy. Hatramin’ny fahazazany dia efa nambara taminy ny hoe ny fitondrantenany no mamaritra hoe ho tia azy i Jesosy na tsia. “Ny fandinihako ny hoe ny fitondrantenako dia mety hisy fiantraikany eo amin’ny fihetseham-pon’i Jesosy, no manome ahy ny faniriana ny te-ho tsara fanahy ary hiezaka hanao izay hahafaly ny olon-drehetra. Manana heloka be dia be aho.” Eny fa na dia amin’ny maha-tanora azy aza dia tsy mahazo antoka izy hoe manaiky azy i Jesosy. Ny hany antoka ananany dia ny fampitandremana hoe: “Rehefa mbola mampiasa ny sainao ny momba ny fihevitr’Andriamanitra anao, dia ho voavonjy ianao.”

Na dia hitan’ny ray aman-drenin’i Brian aza hoe nanatrika ny Sekoly Alahady izy, dia tokantrano araka izao tontolo izao ihany no naha-lehibe azy, izay tsy hahitana finoana velona. Miteny aminy hatrany ny reniny hoe nandiso fanantenana azy aok’izany izy. Tao anatin’ny vondrona tanora nisy azy tao am-piangonana no nahitany sarimihetsika momba ny andro farany izay tena nampitahotra azy. Voatery nanaiky an’Andriamanitra izy, vokatry ny tahotra momba ny famaizana mandrakizay any amin’ny afobe. Rehefa vita ny fianarany tany amin’ny ambaratonga ambony dia nifindra tany amin’ny trano izay azy manokana izy ary niaina fiainana nandeha irery nandritra ny taona maro. Na dia nanana namana maro tsy dia tena nifankazatra taminy aza izy, dia tsy mba nanana na iza na iza hiresahina momba ny resaka matotra. Efa taloha elabe mantsy izy no niala tao amin’ny Sekoly Alahady.

Tsy ela akory taorian’ny nahavitan’ny mariazin’izy ireo dia nisy mpivady Kristiana nipetraka teo akaikin’izy ireo nanasa an’i Brian sy Kelly hanatrika ny fivorian’ny tarika madinika isaky ny Zoma hariva. Nihaona isan-kerinandro izy ireo nandritra ny roa taona, namaky sy nifanakalo hevitra momba ny boky. Nanomboka nahita an’Andriamanitra tamin’ny alalan’ny fomba fijery hafa i Brian sy Kelly. Tamin’ny alalan’ny finamanan’izy ireo tamin’ny Kristiana nikarakara ary tamin’ny alalan’ny boky novakiany no nandrenesan’i Brian sy Kelly an’i Jesosy niantso azy ireo hanara-dia Azy any amin’ny làlam-baovao sy feno fifaliana. Hoy i Kelly: “Nanomboka tsapako hoe manana ny valin’ny olana rehetra eo aminao i Jesosy, anisan’izany ny ahiahy sy ny fahatsapana ho meloka. Afaka manasitrana sy mamerina amin’ny laoniny indray Izy.” Izao kosa no

nataon'i Brian: "Manomboka manara-dia an'i Jesosy aho satria maniry ny hanao izany, fa tsy vokatry ny fatahorako ny famaizana mandraikizay kosa."

Alatsinainy: Ny Niantsoana Ireo Mpianatra Voalohany

Nandritra ny fotoana nanaovan'i Jesosy asa fanompoana ho an'ny olona tety ambonin'ny tany dia maro ny olona izay tonga nihaino Azy na hositraniny. Indray andro àry dia marobe ireo vahoaka ireo ka voatery niditra tao anatin'ny sambo kely iray fanjonoana Izy, ary natosika ho eny ambonin'ny rano mba hihataka kely amin'ireo vahoaka misisika be ary ahafahan'izy ireo mandre Azy tsara.

Nisy roambinifolo lahy nanana fifandraisana manokana tamin'i Jesosy anefa. Izy Roambinifolo Lahy na ny Mpianatra no niantsoana azy ireo. Avy amin'ny asa sy ambaratonga ara-piarahamonina samihafa no nihavian'izy ireo. Tsy haintsika ireo tranga mahakasika ny "fiantsoana" ireo mpianatra roambinifolo lahy rehetra ireo, kanefa voarakitry ny Baiboly kosa ny niantsoana ny enina tamin'izy ireo.

Ny fitantarana lava indrindra mahakasika ilay fiantsoana dia hita ao amin'ny Jaona 1:35-51. Teo amoron'ny Ony Jordana no nitrangan'ny tantara, izay toerana nanaovan'i Jaona Mpanao Batisa batisa ny olona. I Jaona Mpanao Batisa izany no "Jaona" resahina ao amin'ilay andininy voalohany io. Vakio ny **Jaona 1:35-51**. Alaivo sary an-tsaina eo am-pamakiana izay zava-nitranga tamin'izany.

Ireo lehilahy roa voalohany tao amin'io tantara io (Andrea ary i Jaona mazava ho azy, izay nanoratra ity Filazantsara ity ho boky) dia nanomboka nanara-dia an'i Jesosy, na dia tsy "niantso" azy ireo hanara-dia azy aza i Jesosy. Toa liana fatratra hianatra ny momba an'i Jesosy no fijery azy ireo. Inona no zavatra mety tena nahasarika azy ireo? Vakio ny **andininy 35-37**.

Nanasa ireo mpianatra roa ireo ho eo amin'ireo toerana izay nijanonany i Jesosy. Hafiriana no nijanonan'izy ireo niaraka tamin'i Jesosy? Jereo ny **andininy 39**.

● Ahoana no fomba ahalalantsika hoe faly aok'izany i Andrea tamin'ny fanandramana nitsidihany an'i Jesosy? Vakio ireo **andininy 41, 42**.

Ny andro manaraka an'io i Jesosy dia nanasa an'i Filipo mba ho tonga mpianany. Inona no valiny nitovy izay nasetrin'i Filipo taorian'ny fotoana nolaniany niaraka tamin'i Jesosy? Vakio ny **andininy 45**.

●Araka ny hevitrao, inona no antony nahatonga an'i Andrea sy Filipo naniry fatratra ny hilaza ny momba an'I Jesosy amin'ny hafa?

Hevero ny momba ireto fanontaniana ireto: Inona no fanandramana nolalovanao rehefa niha-nifankazatra tamin'i Jesosy? Moa ve izany tena manan-danja tokoa ka mendrika hozaraina?

Talata: Fanasana sy Fampanantenana

Ny iray tamin'ireo mpampianatra an'i Evelyn nandritra ny seminera dia namaritra andalana tsy miova avy ao amin'ny Soratra Masina, ho vakian'ny kilasy isan'andro mandritra ny herinandro, ka soratana isan'andro izay hevitra vaovao voaray tao amin'ilay andalana tamin'iny nandinihanao azy. Noheverin'i Evelyn hoe fanazaran-tena tsy misy fotony izy mandra-pahatapitry ny herinandro. Izay izy vao nanomboka nahatsapa hoe hay moa ny famerimberenana mamaky ilay andininy sy ny fiezahana mamantatra ny heviny dia tena ahafahana mandalina be kokoa raha mitaha amin'ny famakiana azy indray mandeha monja. Noho izany antony izany dia vakio indray ny Jaona 1:35-51 ary tadiavo ny valin'ireto fanontaniana ireto:

●Inona no zavatra nianaranao mahakasika ireo lehilahy roa voalohany izay nantsoin'i Jesosy ho tonga mpianany? Jereo ny **and. 35-42**.

●Mariho tsara ireo teny nampiasain'i Jesosy hiantsoany ny mpianany. Ireo teny izay nambaran'i Jesosy ihany lazaina.

and. 39
and. 43

Izao no teny nampiasain'i Jesosy tamin'ny fifanakalozan-kevitra voalohany niarahany tamin'ny mpianatra: "Fa ho hitanareo." Miasa ho toy ny teny fampanantenana ireo teny ireo. Inona no ampanantenain'i Jesosy ireo izay manara-dia Azy? Inona no hasehony azy ireo?

and. 38, 39
and. 50
and. 51

Alarobia: Iza no Namaly ny Antson'i Jesosy?

Haintsika fa ireo lehilehy roambinifolo izay fantatra amin'ny anarana hoe izy Roambinifolo no hany mpianatra roambinifolo nanara-dia an'i Jesosy akaiky nandritra ny telo taona. Mbola nanana mpianatra hafa fanampin'ireo anefa i Jesosy. Araka ny hita ao amin'ny Lioka 10:1, dia nanofana vondrona mpianatra 70 na 72 teo ho eo Izy. Nisy vondrona mpianatra vehivavy ihany koa nanara-dia Azy ary nanome izay nilainy (Mat 27:55).

Nisy vahoaka be ihany koa nanaraka Azy. Tsy mpianatra izy ireny, kanefa tanjon'i Jesosy kosa ny hanao izay hhahatonga azy ireny ho mpianatra. Vakio ao amin'ny Matio 9:35-38 ity famaritana momba an'i Jesosy sy ny vahoaka ity. Inona no zavatra tena nanahiran-tsaina Azy momba azy ireo?

Na dia mazo aza ny olona nifidy ny hanara-dia an'i Jesosy dia maro ihany koa no tsy mba nanao izany. Vakio ny momba ny fanasana nataon'i Jesosy tamin'ny lehilahy roa ary raiketo an-tsoratra ny valintenin'izy ireo.

●"olon-kafa":
Antso (**Lioka 9:59)**
Valiny (and. 59)

●Zatovo mpanapaka mpanan-karena:
Antso (**Mat. 19:21**)
Valiny (**and. 22**)

●Inona no mampitovy na maha-samihafa ireo valin-teny ireo amin'ny valin-teny izay asetrin'ny olona ny fanasan'i Jesosy amin'izao fotoana izao?

Koa satria efa an-taonany maro ny vahoaka Jiosy no nanantena ny Mesia, izay mpanafaka hanafaka azy ireo amin'ny fanandevozan'ny Romana ary hitondra fandrosoana tsy mbola nisy toy izany, dia voasarik'io lehilahy nantsoina hoe Jesosy io izy ireo, izay nanasitrana ny olona ary afaka namoky olona an'arivony. Izy angamba no Mesia.

Nifangaro tamin'izy ireo anefa ny Teniny indraindray ary nahatonga azy ireo hiodina Taminy. Inona no nambarany tamin'ireo olona izay nisalasala ny amin'ny fanarahana Azy? Vakio ny **Marka 8:34, 35.**

Alakamisy: Ny Andraikitra Napetrak'i Jesosy Ho An'ny Mpianany

Nanditry ny telo taona no niarahan'i Jesosy tamin'Izy Roambinifolo, nanomanany azy ireo ho amin'ny andro izay tsy hiarahany amin'izy ireo intsony. Nianatra avy amin'i Jesosy ireo mpianatra ireo rehefa nihaino ny toriteniny sy ny tantarany. Nodinihin'izy ireo ny valin-teny nomeny ny vahoaka sy ny resaka nifanaovany tamin'ny isam-batan'olona. Hitan'izy ireo ny nanasitranany olona, ary hitan'izy ireo ny nanoherany ny fihatsaram-belatsihin'ireo mpitondra fivavahana. Taorian'ny nanomboana an'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana sy ny nitsangananany ary nialohan'ny niverenany tany an-danitra dia nasehon'i Jesosy ny mpianatra ny andraikitra napetrany ho azy ireo. Ao amin'ireo teny farany ao amin'ny Filazantsaran'i Matio no hahitana izany toro-marika izany. Ny Iraky ny Filazantsara no hiantsoana azy ireo. Vakio ny Iraky ny Filazantsara ary fantaro ireo teny roa izay ivon'ny andraikitra nomen'i Jesosy ny mpianany.

●Teny roa manan-danja (Mat 28:19):

●Inona no fomba fiasa tsy maintsy ampiasain'izy ireo ho famitana io andraikitra io? (and. 19, 20)

Tsy andraikitra kely ny Iraky ny Filazantsara. Tafiditra ao anatin'izany ny olona eo amin'izao tontolo izao iray manontolo. Izany hoe andraikitra tena tsy mety ho tanteraka mihitsy izy io, raha tsy misy ireo fanambaràna roa izay fampidirana sy famaranana ilay iraka. Fanambaràna ilay iray; fampanantenana kosa ilay hafa. Inona avy izany

fanambaràna izany ary ahoana no mahatonga azy hisy fiantraikany eo amin'ilay "iraka lehibe"?

●Fanambaràna (and. 18):

●Fampanantenana (and. 20)

Zoma: Fitsapam-pahaizana

Farito ao anaty boribory ny valiny marina amin'ireto fanontaniana manaraka ireto.

1. Inona no asa nataon'ny ankabeazan'ireo mpianatra 12?
   A. mpangataka
   B. mpiasa tsotra
   D. mpisorona
   E. mpampianatra

2. Inona no teny nahazatra filazan'i Jesosy rehefa manasa ny olona iriny ho tonga mpianatra Izy?
   A. Aoka ho tonga mpianatro.
   B. Mankatoava ny didiko.
   D. Manaraha Ahy.
   E. Mandehana ary aza manota intsony.

3. Firy ny isan'ny fitambaran'ny mpianatr'i Jesosy iray manontolo?
   A. 12
   B. 70 na 72
   D. 12 ampiana 70 na 72
   E. Maherin'izay voatanisa ao amin'ny D

4. Iza amin'ireto hetsika manaraka ireto no tsy anisan'ireo paikady nomen'i Jesosy hanaovana izay hhahatonga ny hafa ho mpianatra?
   A. Mampianatra ny Teny
   B. Manolotra fahasalamana tsara
   D. Manao batisa
   E. Mandeha manerana izao tontolo izao

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Asio marika + manoloana ny fanambaràna marina; asio 0 manoloana ny fanambaràna diso. Aorian'ny fanambaràna tsirairay avy dia misy toro-marika mangataka anao hanome fanazavana fanampiny. Azo atao ao anatin'ny fandalinana iarahanareo amin'ny tarika io "fanazavana fanampiny" io.

___ 1. Manaiky aho fa miantso ahy ho tonga mpianany i Jesosy. Hazavao.
___ 2. Nila fotoana naharitra aho vao namely ny antsony. Nahoana?
___ 3. Toa mianatra zava-baovao momba ny dikan'izany atao hoe mpianatr'i Jesosy izany hatrany aho isan'andro. Manomeza ohatra.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Miara-"Mandeha" amin'ny Iraky ny Filazantsara

Tamin'ny taona 1863, tany Etazonia, no niorenan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tamin'ny fomba ôfisialy. 11 taona monja taty aoriana, ny taona 1874, no nandefasan'ny fiangonana ny misionerany voalohany tany amin'ny firenena ivelan'i Amerika Avaratra. I Jaona Nevins Andrews, izay teolojiana, evanjelistra, ary manam-pahaizana, no nalefa tany Eropa, izay toerana nanampiany tamin'ny fanorenana trano fanontam-printy tany Suisse, ary gazety boky Advantista tamin'ny teny Frantsay. Roa taona talohan'izao no nahafatesan'ny vadiny, ary nandao ny tranony sy izay mombamomba azy izy, ray aman-dreny tokan-tena niaraka tamin'ny zanaka roa, dia i Charles sy Mary izany.

An'arivony hafa no nanaraka ny dian'i Andrews ka nandao ny tany nihaviany rehefa nahatsiaro ho voaterin'ilay Iraky ny Filazantsara ao amin'ny Matio 28, dia ny hitondra ny "vaovao mahafaly" momba an'i Jesosy Kristy any amin'ny firenen-drehetra manerana izao tontolo izao.

Amin'izao fotoana izao ny Fiangonana Advantista dia efa mandray anjara mavitrika any amin'ny firenena maherin'ny 200. Manana fiangonana izy, sekoly amin'ny ambaratonga rehetra, ary hôpitaly sy toeram-pitsaboana hanomezana ny filàn'ny olona ara-panahy, ara-tsaina, ary ara-batana.

Ilay iraka hoe "Mandehana" ao anatin'ny Iraky ny Filazantsara dia tsy voafetra hoe fandehanana any amin'ny firenena ivelan'ny an'ny tena na hoe eo amin'ny fiaraha-monina sy ny manodidina ihany. Indraindray io teny io dia adika hoe "eny am-pandehananao," izay midika hoe rehefa mandeha eny amin'ny asa aman-draharahanao eny ianao, dia afaka mizara ny vaovao mahafalin'i Jesosy Kristy. Raha toa ihany koa ianao ka te-hanampy eo amin'ny iraka maneran-tany amin'ilay hoe "mandeha", dia misy fomba maro hanatontosana izany fa tsy voatery hoe handao ny tokantranonao akory. Saintsaino ny momba an'i Cheryl Erickson any North Dakota sy ny tokotaniny mirefy 1.5ara feno voatavo (tsirebika/taboara) maniry.

Nanomboka namboly voatavo(tsirebika/taboara) i Cheryl rehefa niha-nitotongana ny toe-bolan'ny fambolena teo amin'ny faritra nisy azy. "Nanomboka nitady izay voly manokana tena mamokatra eo amin'ny faritra kely aho," hoy izy. Rehefa avy nandinika momba ny voninkazo hamainina, ny bozaka, ary ny "lavande" (karazam-boninkazo) izy, dia voatavo no nandrian'ny sainy. Nandritra ny valo taona voalohany nanatontosany io

tetikasa io dia nahavitany fiangonana 11 tany Inde ny vola azony tamin'ny voatavo. Ny vola lany tamin'ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia manodidina ny $3,000 hatramin'ny $7,000. Ny vidin'ny voatavo iray dia $2 avy.

I Cheryl sy i Dwight vadiny dia mamboly, manolokolo, manondraka, mitondra am-bavaka, mioty, manondrana, manasa, mamatratra, mamoaka avy ao anaty fiara, ary mivarotra voatavo manodidina ny 120 taonina mandritra ny fotoam-piotazana ny vokatra. Ny zanany efatra no manampy azy ireo, miaraka amin'ny mpiara-monina vitsivitsy, namana, ary olona terem-panahy ao am-piangonana manomboka amin'ny 4 hatramin'ny 89 taona.

Raha mila tantara misionera fanampiny izay mitranga amin'izao fotoana izao dia jereo ao amin'ny
<http://www.adventist.org/mission_and_service/features/index.html.en>

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Antso* Misy karazana antso roa ao amin'ny Baiboly. Ny voalohany dia ny fanasana ho tonga mpianatr'i Jesosy, ary atao miantefa amin'ny olon-drehetra izany. Ny faharoa dia ny antso ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fomba miavaka, izay an'ilay olona mandray ilay antso irery. Ny lesona mandritra ity herinandro ity dia mahakasika ny hevitr'ilay antso voalohany.

●*Mpianatra* Ny mpianatra dia olona iray izay nanaiky ny fampanantenan'i Jesosy fiainana mandrakizay, ary tonga tahaka Azy rehefa miaina ao anatin'ny fifandraisana amin'ny hafa.

●*Ireo Roambinifolo* Matetika ny mpanoratra ny Testamenta Vaovao no miantso tsotr'izao ireo mpianatr'i Jesosy 12 hoe "Ireo Roambinifolo." Taty aoriana ireo 12 ireo no notendren'i Jesosy ho apostoly na mpitarika.

●*Jaona Mpanao Batisa* Zanaky ny mpirahavavy io lehilahy io sy Jesosy, ary ny asan'io lehilahy io dia ny hanomana ny olona hanaiky an'i Jesosy ho ilay Mesia.

●*Zanak'Ondrin'Andriamanitra:* Io anarana io, izay nomen'i Jaona Mpaao Batisa an'i Jesosy, dia maneho ilay zanak'ondry atao sorona izay atolotra ho fanavotana noho ny amin'ny fahotana.

Mijery Akaiky Kokoa

Manana ny heviny roa manan-danja ny teny hoe "filazantsara.

Ny heviny voalohany dia ny hoe "vaovao mahafaly" momba an'i Jesosy sy izay nataony ho antsika. Io no famaritana ampiasaina ao amin'ilay fiteny hoe Iraky ny Filazantsara.

Ny heviny faharoa dia ny "bokin'ny Testamenta Vaovao izay mirakitra ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesosy." Hahitana boky 66 ny Baiboly, izay nosoratana nandritra ny 1.000 taona. Samihafa ny endrika nanoratana ireny boky ireny. Misy bokin'ny tantara, bokin'ny lalàna, taratasy lava be, hira, filazantsara, ary endrika hafa.

Ny filazantsara dia endrika asa soratra manokana izay natao noho ny antony miavaka, dia ny hanambara ny "vaovao mahafalin" i Jesosy. Misy filazantsara efatra: Matio, Marka, Lioka, ary Jaona. Samy ao amin'ny fiandohan'ny Testamenta Vaovao no hahitana azy rehetra ireo. Koa satria mitovy ny fomba nanoratana ireo telo voalohany sy ny zavatra ao anatiny, dia antsoina izy ireo hoe filazantsara famintinana. Ilay filazantsara fahefatra kosa, izany hoe ny bokin'i Jaona, dia mifantoka amin'ny maha-avo indrindra an'i Kristy ary manana tanjona mifanaraka amin'ny fitoriana ny filazantsara. Ao amin'io filazantsara io no iresahin'i Jesosy betsaka kokoa momba ny Tenany, ary ny ankamaroan'ny fampahafantarana ao dia omena ny mpianany irery ihany.

Ny Maha-Advantista

Ny Leson'ny Sekoly Sabata: Izy io dia fanafohizan-teny maneho ny tari-dalana fandalinana Baiboly izay atonta in-efatra isan-taona, ary omanin'ny Departemantan'ny Sekoly Sabata eo anivon'ny Foibe Maneran-tany sy ny Departemantan'ny Asa Fitoriana. Ny leson'ny Sekoly Sabata dia efa natonta hatramin'ny taona 1852. Ny *Tari-dalana Fandalinana ara-Baiboly ho an'ny Lehibe* (mazava ho azy) dia natao ho an'ny olon-dehibe. Ny *Lesona ho an'ny Mpianatra* dia natao ho an'ny tanora mbola mpianatra. Mitovy ny lohahevitra resahina ao anatin'ny lesona 13 amin'izy roa ireo. Na aiza na aiza alehanao manerana ity bolan-tany ity dia mitovy ny leson'ny Sekoly Sabata hianaran'ny Advantista rehetra ao anatin'ny Sabata iray, ary atonta amin'ny fitenin'ilay firenena manokana izy io. Ny *Tari-Dalana Fandalinana Baiboly Ho An'ny Lehibe* dia voadika amin'ny teny maherin'ny 80. Ity "lesona" an-tananao ity dia novolavolaina hifanaraka amin'ny filàna sy ny fahalianan'ireo mpino vaovao.

Lesona 2

MANOMBOKA NY DIA

Ankehitriny àry, rehefa nanapa-kevitra hanara-dia an'i Jesosy aho, dia aiza no hanombohako?
Moa ve ny antony hanarahako an'i Jesosy mahery kokoa noho ny fakam-panahy mitaona ahy tsy hanaraka Azy?
Inona no antony mahatonga ny olona maro miala an-daharana eo amin'ny fanarahana an'i Jesosy?
Moa ve aho mendrika tokoa ny ho mpianatra?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

" 'Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery izany; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia izy no hamonjy izany' " (Lioka 9:23, 24).

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Koa satria nofidianao ny hanaiky ny fanomezan'i Jesosy fiainana be kokoa, dia nanomboka dia hizaha maharitra mandritra ny andro iainanao ianao. Ivon'ny zava-drehetra ny fomba fijery ny "dia" ho amin'ny fhahatongavana ho mpianatra. Tsy tranga mihelina izany ny dia. Izy io dia mitaky fotoana sy fivoarana, ary toeram-pitodiana farany.

Ny fianarana mandritra ity herinandro ity dia hametraka fanontaniana momba ny fanandramana nolalovan'ny tenanao manokana teo am-panombohana ny dia, ary hijerena ny fomba nanarahan'ny mpianatra an'i Jesosy fony Izy tety an-tany. Hodinihina ao anatin'izany ny zavatra nandrandrain'i Jesosy tamin'ny mpianany. Ny tsianjery amin'ity herinandro ity no toerana tsara hanombohana. Inona no antony mahatonga ny olona iray hamoy ny ainy noho ny amin'i Jesosy?

Miara-Mandeha Amin'i Jesosy Amin'ny Tontolo Tena Misy

Miara-Mitombo Amin'ny Hafa Ao Anatin'ny Tarika Madinika

Rehefa tsapan'i Georgina hoe tsy nahafa-po azy ny fifandraisany tamin'Andriamanitra dia nanontany ny pasitora iray mpiara-miasa izy nanao hoe: "Ahoana no fomba hhahatonga ahy ho matotra kokoa eo amin'ny fiainana maha-Kristiana?" Nanome boky hovakiany ilay pasitora ary nanasa azy hiditra tao anatin'ny tarika madinika taty aoriana kely, izay tarika madinika vao natsangan'ilay pasitora. Izany no nataon'i Georgina.

Mihaona isan-kerinandro mandritra ny oran'ny Sekoly Sabata ireo vondron'olona 12 teo ho eo, amin'ny sokajin-taona samihafa. Na dia efa-bolana monja aza no

niarahan'ilay tarika, dia efa nitondra fiovana teo amin'ny fiainan'i Georgina ilay izy. "Tena tsapako fa tafaray tanteraka aho, toy ny hoe manam-pianakaviana," hoy izy. "Samy nahatsapa fahafahana miresaka momba ny zava-nitranga teo amin'ny fiainanay izahay. Ary tsapako hoe nanana andraikitra handalina aho, hanatrika ny isan-kerinandro, ary hanohana am-bavaka ireo namako vaovao."

Dia nanohana azy ireo am-bavaka tokoa no nataony. Nandritra ny fifanakalozan-kevitra mahakasika ny fiainan'i Jesosy no nisehoan'ny fanontaniana hoe: "Ahoana no fomba nahafahan'i Jesosy nanana fiainana tonga lafatra?"

Izao no nambaran'ny olona iray tao anatin'ny tarika: "Nandany fotoana maharitra hitondrana am-bavaka ny zavatra iray Izy. Indraindray aza moa Izy nandany ny alina iray manontolo nitolomana am-bavaka."

Izany fanehoan-kevitra izany no nahatonga an'i Georgina hisaintsaina momba ny fianam-bavaka ataony manokana. Na dia eo amin'ny fitantanana ao amin'ny orinasa iray lehibe aza ny toerana misy azy ary miasa maherin'ny 40 ora isan-kerinandro izy, dia efa lasa nahazatra azy ny mifoha vao maraina mba handaniana fotoana amin'ny vavaka sy ny fandalinana Baiboly, mialohan'ny handehanana miasa. Rehefa nisaintsaina momba ny fiainam-bavak'i Jesosy sy ny halalin'ny fifandraisany amin'ny Ray anefa i Georgina, dia nahatsapa fa tsy ampy azy ilay fotoam-bavaka vao maraina iarahany amin' Andriamanitra. Noho izany dia nametraka ora fanairana aloha kokoa tamin'ny famantaranandro izy, ary ankehitriny dia misy lanjany tokoa ny fotoana laniany amin'ny vavaka, amin'ny fiezahana mitadidy ny Soratra Masina, ary ary amin'ny fandalinana ny Baiboliny.

"Mahafinaritra ny manana antontan-tsoratra Masina ao anatin'ny saiko," hoy i Georgina. Ary ahoana no fomba fandaniany ny fotoanany amin'ny vavaka isa-maraina? 'Mivavaka ho an'ny isam-batan'olona ao anatin'ny tarika madinikamisy anay aho; mivavaka ho an'ny mambran'ny fianakaviako aho, ho an'ny lehibeko sy ny mpiara-miasa amiko, ary ho an'ny tenako," hoy izy.

Ny tarika madinika nisy an'i Georgina no nahatonga azy haniry sy hazoto hanamafy ny fifandraisany tamin'Andriamanitra. Ny fandalinana ny fifandraisana amin'ny mpino hafa ao anatin'ny sehatry ny tarika madinika no toa mahalalina ihany koa ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Alatsinainy: Manomboka ny Dia

Ny atao hoe mpianatr'i Jesosy sy manara-dia Azy dia mihoatra lavitra noho ny hoe mino ny zavatra sasany. Nanao ahoana ny fomba niovan'ny fiainanao hatramin'ny nanombohanao nanara-dia an'i Jesosy? Azonao sary an-tsaina ve ny tenanao miaraka amin'ireo olona izay nanara-dia an'i Jesosy ara-bakiteny? Nalainy ny mpanarato, ny mpamory hetra, ary ny mpiasa hafa, ka nomeny fiainana izay tsy mba nosaintsainin'izy ireo. Vakio amim-pitandremana ny **Lioka 8:1-15** ary ezaho jerena ny fomba nampianaran'i Jesosy ny mpianany. Taiza ilay fampianarana no nitranga?

Heverina matetika hoe 12 monja ny mpianatra nofidian'i Jesosy. Marina fa nifidy 12 lahy hiaraka Aminy akaiky, handray ny tena fampianarany lalina sy ny fanofanany Izy,

ary ho tonga mpitarika ireo rehefa handao ny tany Izy, kanefa nisy hafa izay noheverina fa mpianatra ihany koa. Iza ankoatran' Izy Roambinifolo no nanara-dia Azy teto?

Tao anatin'io andalana io no nampianaran'i Jesosy tamin'ny alalan'ny fanoharana. Inona no ambaran'ilay fanoharana momba ny olona izay manomboka ny dia miaraka amin'i Jesosy?

●Iza no nitantaran'i Jesosy io fanoharana io?

●Iza no nanazavan'i Jesosy io fanoharana io?

Inona no antony nahatonga an'i Jesosy nanana karazana fomba nampianarana ny vondron'olona samihafa? Jereo ao amin'ny **Marka 10:32** ary jereo amim-pitandremana ny tsipiriany ao antin'io andininy io, izay hahitana topi-maso hafa momba ny fampianaran'i Jesosy. Taiza no toerana nisy an'i Jesosy sy ny mpianany?

●Raha toa ianao ka mahay zava-kanto ary nanao an-tsary io sehatra io, dia taiza no nametrahanao an'i Jesosy ary taiza no nametrahanao ny mpianatra?

●Inona no ambaran'ny **Marka 10:32** aminao momba ny maha-mpianatra?

●Fintino, inona ny zavatra nianaranao tao anatin'io andininy iray iray momba ny nampianaran'i Jesosy ny mpianany io?

●Moa ve misy eo anatrehinao ny fomba fianatra toy izany avy amin'i Jesosy? Hazavao.

Talata: Nahoana Moa no Izy?

Nanambara i Jesosy hoe tonga hitondra fiainana ho an'ny olona Izy, eny fiainana be dia be (Jaona 9:10). Nanoratra tamim-pifaliana i Eugene Peterason hoe i Jesosy dia mitondra "fiainana, fiainana, ary fiainana be kokoa" ho antsika. Rehefa miresaka amin'ireo izay te-hanaraka Azy i Jesosy dia mamaritra ny atao hoe "fiainana" amin'ny alalan'ny fomba mahagaga. Vakio ny Lioka 9:23, 24. Ahoana no fomba ahafahana manazava izany fifanoherana izany?

Raha toa ny fanarahana an'i Jesosy ka midika ho fitondrana fiovana eo amin'ny fiainana, eny na dia fiovana tsy mahafa-po aza, dia inona no antony tena mandresy lahatra Aminy ka mahatonga ny olona iray vonona hanomboka ny dia? Fony Izy tety an-tany ary afaka nahita sy nandre Azy ny olona, dia inona no nahasarika ny olona taminy ary nahatonga azy ireo vonona handà ny zava-drehetra ka nanaraka Azy?

Vakio ny **Matio 4:23-25** sy ny **Marka 4:23-25**. Alaivo sary an-tsaina hoe ahoana no mba fiheveranao an'i Jesosy raha toa ka teo ianao. Inona no hitan'ny olona?

Alaivo sary an-tsaina ny fihaikana amin'ny maha-Andriamanitra tonga endrik'olombelona. Ahoana no fomba nahafahan'i Jesosy nampahafantatra ny olona ny tena maha-Izy Azy? Ny fahagagana izay nataony no nitondra marika tena nanan-danja. Rehefa noraiketin'i Jaona mpianatra an-tsoratra ny momba ny fiainan'i Jesosy, dia nomeny anarana mitondra fanampim-panazavana mahakasika ny tanjon'izy ireo ny fahagagana. Ezaho fantarina izany anarana izany rehefa mamaky ny momba ny fahagagana iray hafa ao amin'ny **Jaona 6:1-15** ianao. Inona ilay anarana?

●Inona no zava-bita tamin'ny alalan'ireo fahagagana? Vakio ny **Jaona 2:11, 23; 3:2; 6:2; 7:3**

Ny zavatra hafa nampiavaka an'i Jesosy tamin'ireo Raby hafa rehetra izay hitan'ny olona. Rehefa nifarana ilay Toriteny lava be teo an-Tendrombohitra (**Matio 5–7**), dia ahoana ny fomba namalian'ny olona izany ary nahoana? Vakio ny **Matio 7:28, 29.**

Rehefa niha-sahiran-tsaina momba ny lazan'i Jesosy ireo lohan-dohan'ny mpisorona sy ny Fariseo dia naniraka ny mpiambina ny tempoly hisambotra Azy izy ireo, kanefa niverina tanam-polo ireto mpiambina. Inona no antony, araka ny voalaza ao amin'ny **Jaona 7:45, 46**?

Raha toa ianao ka miasa saina na sahiran-tsaina momba ny olana na fanontaniana sasantsasany nandritra ny taona maro ka nandre olona iray nanazava momba ilay olana, moa ve ny teniny tsy hitondra hamaivanana sy fifaliana ho anao? Rehefa mianatra bebe kokoa momba an'i Jesosy ianao isan'andro dia moa ve misy fotoana hahatakaranao hevitra iray ka mahatonga anao miteny hoe "hay moa izany!"?

●Inona no ambaranao ny olona iray izay manontany anao ny antony nahasarika anao tamin'i Jesosy?

Alarobia: Inona No Antony Tsy Mahatonga ny Olon-Drehetra Hanaraka an'i Jesosy?

2.000 taona taorian'ny naha-tety an-tany an'i Jesosy dia mbola mitombo ihany ny porofo maneho hoe tena nanova izao tontolo izao tokoa Izy. Mbola miteny amim-pahefana sy amin-kery ihany ny Teniny sy ny Fanahiny. An-tapitrisany no manara-dia Azy amin'ny maha-Mpamonjin'izy ireo Azy. Mbola misy ihany anefa any amin'ny faritra sasany eto amin'izao tontolo izao, izay hahitana olom-bitsy mino Azy. Any amin'ny firenena sasany izay efa tena Kristiana fahiny aza dia hahitana olona maro nanara-dia Azy taloha kanefa niodina taminy.

Nahoana? Azo antoka fa afaka mitanisa antony maro izay omen'ny olona noho ny tsy finoany na ny fanarahany an'i Jesosy ianao. Afaka mahita miharihary ny ala-olana avy amin'ny olona anefa i Jesosy, ary nohazavainy tamin'ny mpianany ny tena fototry ny olana. Heverinao hoe mbola mitombina ve ireo antony ireo? Andeha isika hijery vitsivitsy amin'izy ireny.

Taorian'ny nitantaran'i Jesosy ilay fanoharana momba ny mpamafy (Lioka 8:11-15) dia nohazavainy mazava tsara tamin'ny mpianany hoe ilay fanoharana dia maneho ny fomba samihafa handraisan'ny olona ny Tenin'Andriamanitra. Fantaro ireo antony notanisain'i Jesosy.

1.
2.
3.

Tamin'ny resaka manokana nifanaovan'i Jesosy tamin'i Nikodemosy (**Jaona 3:18-21**) no nanazavan'i Jesosy ny antony tsy hinoan'ny olona Azy. Inona no antony nomena?

Rehefa niverina ireo mpitondra fiangonana ka tsy nisambotra an'i Jesosy (Leona Talata) dia fanontaniana mifona sary an'ohatra sy famakafakana no niatrehan'ny Fariseo azy ireo. Inona no tian'izy ireo lazaina? Vakio ny **Jaona 7:47-49.**

●Inona amin'ireo antony tsy hanarahana an'i Jesosy ireo no mbola mitombina amin'izao fotoana izao?

Alakamisy: Moa Ve Aho Hihatsaravelatsihy?

Matetika ny olona no miteny hoe tsy te-hilaza ny tenany ho Kristiana na na hiditra ao anatin'ny fiangonana Kristiana satria tsy te-hihatsaravelatsihy, tahaka ireo Kristiana hafa rehetra. Mitombina ny fiantsoana ny olona iray ho Kristiana sy mambran'ny fiangonana mandritra ny taona maro kanefa tsy mahavita mitombo bebe kokoa hatrany hitovy amin'i Jesosy. Mety hasehon'ny olona ny toetra sy ny fitondrantena izay maneho hoe tsy "maty isan'andro" ny momba ny tenany na tsy mitondra ny hafa tahaka ny mety ho nataon'i Jesosy izy. Raha mbola tsy nahita azy ireny ireny ianao dia hahita tokoa.

Tsy vitan'ny hoe hahita olona sasany tsy miaina araka ilay anarana maha-Kristiana fotsiny ianao, fa fantatrao ihany koa hoe misy fahotana atrehan'ny tenanao manokana. Mety hiasa saina mafy mihitsy aza ianao momba ilay fanontaniana hoe: "Raha toa aho ka mpanota izay minia manota hatrany, dia inona moa no antony mbola hiantsoako ny tenako hoe Kristiana?" Resahin'i Jesosy ao amin'ny **Marka 2:15-17** io olana io, fony nisy sasatsasany tamin'ireo Fariseo nanameloka Azy ho mpiara-miasa tamin'ireo olona izay nosokajiana ho an'ny anisan'ny mpanota teo amin'ny fiaraha-monina nisy azy ireo. Ahoana no fomba namalian'i Jesosy ny fanakianan'izy ireo?

Ny tenan'ny olona mihitsy no mifidy hanara-dia an'i Jesosy na tsia. Tsy mbola nisy mihitsy na dia vao indray mandeha monja aza, fotoana niodinan'i Jesosy tamin'ny olona iray izay nanara-dia Azy, vokatry ny naha-mpanota tsotr'izao io olona io. Na dia efa fantatr'i Jesosy mialoha aza hoe hamadika Azy i Jodasy, izay mpianany mihitsy, dia inona no nanamarika hoe nanaiky sy natoky azy i Jesosy? Vakio ny **Jaona 12:4-6**.

Indray mandeha i Jesosy dia nitantara fanoharana izay nanampy tamin'ny fanazavana ny antony mahatonga ny hoe tsy anjaran'ny fiangonana ny fiezahana "manilika" ny mpanota rehetra. Inona no mety ho vokany tsy voahevitra? Vakio ny **Matio 13:24-30**.

Tsy mihatsaravelatsihy noho ny amin'ny maha-mpanota azy ny Kristiana; rehefa mihevitra ny tenany ho *tsy* mpanota izy izay vao mihatsaravelatsihy.

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Farito ao anaty boribory izay valiny marina rehetra.

1. Inona no hitan'ny olona sy reny ka tonga dia nahasarika azy ho eo amin'i Jesosy?
   A. Raby Izy.
   B. Nampianatra tamim-pahefana Izy.
   D. Nanao fahagagana Izy.
   E. Mamoky azy ireo hatrany Izy.

2. Inona no mampiavaka ny fomba fampianaran'i Jesosy ny mpianany amin'ny fomba fampianarany ny hafa?
   A. Tsy nampiasa fanoharana Izy rehefa nampianatra ny mpianany, fa nampiasa fanoharana kosa hampianarana ny vahoaka.
   B. Nentiny nitokana matetika ny mpianany ary nohazavainy ny dikan'ireny fanoharana ireny, fa tsy mba nanazava izany fanoharana izany tamin'ny vahoaka kosa Izy.
   D. Nentiny niaraka taminy tany amin'ny dia izay nataony ny mpianany; rehefa tonga eo an-toerana kosa i Jesosy vao vory ny vahoaka.

Ampitomboy ny Fahalalanao

3. Tsy voatanisa ato anatin'ity lesona ity avokoa ny antony rehetra omen'ny olona mba tsy hanarahany an'i Jesosy. Mahita antony hafa voalaza ao amin'ny Soratra Masina ve ianao? Ampidiro ao ireo andininy hitanao.

4. Mety mbola mahita antony hafa lazain'ny olona amin'izao fotoana izao ve ianao, mba tsy hanarahany an'i Jesosy, izay samihafa amin'ireo antony voarakitra ao amin'ny Filazantsara? Raha eny, inona?

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Inona no zavatra nahasarika anao voalohany tamin'i Jesosy?

Heverinao ve fa rehefa manaraka an'i Jesosy isan'andro ianao dia hanana toetra mitovy amin'ny anao izao ihany rehefa mifarana ny taona na afaka dimy taona?

Vakio "Ny Herin'ny Tarika Madinika" ao amin'ny takila manaraka. Ahoana ny hevitrao momba ny fandraisana anjara ao anatin'ny tarika madinika?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity:

Ny Herin'ny Tarika Madinika

I Steven Garber, izay nampianatra ny mpianatra teny amin'ny sekoly ambaratonga ambony tao anatin'ny sehatra maro isan-karazany, dia nahatsikaritra rafitra izay toa nikorontana be ihany. Ireo tanora mianatra ao amin'ny sekoly Kristiana, izay toa mahatakatra ny fifandraisana misy eo amin'ny finoany sy ny fomba fiainany no "miala tsikelikely amin'ny fampifandraisana ny zavatra nambarany hoe ninoany sy ny fomba fiainany"*, raha vantany tafiditra ao anatin'izao tontolo izao. Na izany aza anefa, ny hafa dia mijoro ho mahatoky amin'ny finoany sy ny fomba fiainany.

Koa satria tiany ho hitany maha-samihafa ny fahatokiana sy ny fahatongavana tsy tapaka, dia nanadihady olona 12 teo ho eo izy, izay mbola nijoro ho mahatoky tamin'i Kristy 20 taona taty aorian'ny nahazoany mari-pahaizana tao an-tsekoly. Hitany tamin'izany hoe nanana toetra telo nampitovy azy izy ireo: (1) Nandritra ny fotoana naha-tao amin'ny sekoly Kristiana azy ireo dia nisy Kristiana sasany, izay mpampianatra hatrany, nanoro hevitra azy ireny; (2) Tao an-tsekoly no nahazoan'izy ireo fomba fijery maha-Kristiana izay natanjaka tsara ka nahafahany niatrika izao tontolo izao; ary (3) Taorian'ny nialan'izy ireo tao amin'ny sekoly dia nahita vondrona Kristiana niray saina izy ireo, izay niarahany nifampizara ny fiainana sy ny soatoavina niombonana. Tsy ampy ny fananana fanandramana tsara tany an-tsekoly. Tsy maintsy *manohy* ny fiarahana amin'ny hafa izay manara-dia an'i Kristy izy ireo.

Amin'ny fomba fiaina amin'izao fotoana izao dia mahalana no hahitana fiaraha-monina miseho amin'ny maha-izy azy. Hatramin'izay ny olona no efa mifindrafindra foana, mihataka amin'ny fianakaviambeny, sy ny namany ary ny mpianakavin'ny finoana misy azy. Fitarainana iombonana ny maha-irery; miha-kely hery ny finoana sy ny fomba fiainana Kristiana. Ny dia amin'ny maha-mpianatra, araka izay nasehon'i Jesosy, dia tena tsara indrindra raha iarahana amin'ny tarika madinika. Ao anatin'ny kolontsaina amin'izao fotoana izao dia hitan'ny fiangonana eo an-toerana fa ny "tarika madinika" no paikady mahery vaika hanorenana fiaraha-monina eo anivon'ireo izay te-hiditra ao anatin'ny dia maha-mpianatra, iarahana amin'i Jesosy.

Raha toa ianao ka mbola tsy mambra ao anatin'ny tarika madinika dia resaho amin'ny pasitoranareo na ny mpampianatrareo ny fomba hahitana na ny fomba fanombohana ny tarika madinika, izay vondrona ahatsapanao ny fiaraha-monina mifanohana.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

● *Tarika Madinika:* Vondron'olona 6 hatramin'ny 12, izay fikambanana manana fitsipi-pifehezana, mivory ara-potoana isam-potoana any amin'ny toerana tsy voatery hoe mihaja be. Ireto avy no singa atolotra ao anatin'izany: fanekena tsy misy fepetra, fandalinana ara-Baiboly, vavaka, fijoroana ho vavolombelona, ary asa fanompoana.

● *Izy Roambinifolo:* Ireo roambinifolo lahy nofidian'i Jesosy mba ho mpianany akaiky indrindra.

● *Fanoharana:* Tantara fohy manazava ny foto-kevitra ara-pivavahana na fomba amam-panao. Io no paikady fampianarana tena nahafinaritra indrindra an'i Jesosy.

● *Fifanoherana:* Fanambaràna izay toa mifanohitra no fijery azy kanefa mitombina.

● *Fahagagana:* Fidiran'ny hery tsy taka-maso an-tsehatra eo amin'ny raharahan'olombelona, izay tsy hay hazavaina araka ny lalàna ara-boajanahary.

● *Raby:* Olona voatokana, taorian'ny fanadihadiana tamim-pitandremana, hanazava ny lalàna Jiosy; anaram-boninahitra.

● *Fihatsaram-belatsihy:* Olona izay miseho ho manam-pahamendrehana na toetra tsara tsy tena ananany akory.

Mijery Akaiky Kokoa

Ny Maha-Mpianatra, Amin'ny Maha-Dia Azy

Mora amin'ny mpamaky amim-pitandremana ny Filazantsara ny mahatsikaritra hoe maro ny andalan-teny sy anaran-toerana izay maneho an-tsary an'i Jesosy sy ny mpianany teny amin'ny diany namakivaky ny ambanivohitra sy ny tanàna ary ny vohitra rehetra.

Nisy manam-pahaizana iray momba ny Testamenta Vaovao namintina hoe ny fanambaràna rehetra nahakasika ny dia, dia nanamafy fa "mpandray anjara ny mpianatra fa tsy iantefan'ny fandraisana anjara fotsiny ihany, izay midika hoe navelan'izy ireo mihitsy ny mombamomba azy mba hanarahany an'i Jesosy amin'ny làlany.."*

---

* Dennis Sweetland, *Mark: From Death to Life (Avy Amin'ny Fahafatesana Ho Amin'ny Fiainana)* (Hyde Park N.Y.: New City Press, 2000), t. 52.

Ny dia farany nataon'i Jesosy tao Jerosalema no niomanany ho amin'ny fahafatesany. Nitari-dalana i Jesosy, niaraka tamin'ny mpianany izay "talanjona" anefa koa "natahotra" ny amin'izay zavatra hitranga tany (**Marka 10:32-34**). Taty aoriana kely dia nambarany azy ireo hoe aorian'ny fitsanganany dia "hialoha làlana" azy ireo ho any Galilia Izy, ary dia izany tokoa no nataony (**Marka 14:28; 16:7**). An'i Jesosy ny toerana maha-mpitarika tamin'io dia maha-mpianatra io.

Ny Maha-Advantista

Ny Fiangonana Advantista Mitadnrina Ny Andro Fahafito dia nalamina hanana endrika rafi-pitantanana manokana ho an'ny fiangonana. Miainga avy eo amin'ny mpino isam-batan'olona ny rafitry ny fiangonana, ka hatrany amin'ny rafitra mifehy ny fiangonana maneran-tany:

- *Fiangonana Eo An-Toerana* Mambra isam-batan'olona
- *Foibe eo an-Toerana na Misiona:* Fiangonana maro mitambatra ao anatin'ny fanjakana, faritany, na faritra.
- *Fivondronambe:* Fitambaran'ny Foibe eo an-toerana maromaro ao anatin'ny faritra iray voafaritra ara-jeografia, izay hitambaran'ny firenena maromaro na firenena iray manontolo.
- *Divizona:* Iray amin'ireo toerana 13 izay nandaminana izao tontolo izao. Tafiditra ao anatin'ny Diviziona Amerika Avaratra i Etazonia, Canada, ary Bermuda.
- *Foibe Maneran-tany:* Maneho ny fiangonana manerana izao tontolo izao. Any Silver Spring, Maryland, Etazonia ny birao foibe misy azy.

Lesona 3

IZA MOA I JESOSY?

Tena fantatro marina ve hoe Iza moa i Jesosy?
Inona no azon'ireo nanatri-maso ny fiainany ambara ahy?
Ahoana no mahatonga ny fahafantarako ny maha-Izy Azy an'i Jesosy hisy fiantraikany eo amin'ny fomba fiainako?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary injao nisy feo tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy!' " **(Mat 17:5).**

Alahady: Fampidirana Ny Lohahevitra

Ny andraikitry ny olona nanatri-maso dia ny mijoro ho vavolombelon'ny zavatra hitany sy reny; raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe mandrafitra ny zava-nitranga. Izao no nambaran'i Lioka fony izy nanoratra ny Filazantsarany rehefa hitantara zavatra "araka izay efa noraisintsika natolotry ny vavolombelona izay sady nahita maso" **(Lioka 1:2)**.

Iray amin'ireny nahita maso ireny i Jaona, ary nanomboka ny iray tamin'ireo bokiny tamin'ny alalan'ny fijoroan'ny tenany ho vavolombelona, izay noraiketiny antsoratra hoe: "izay efa hitan'ny masonay, izay efa nojerenay sady efa notsapain'ny tananay, dia ny amin'ny Teny Fiainana" (I Jaona 1:1). Hianarantsika amin'ity herinandro ity ny fitantaran'ireo olona nahita maso an'i Jesosy fony Izy nandeha teto amin'ity tany ity, ary hodinihina ireo anarana izay nahafantaran'izy ireny Azy.

Miara-Mandeha Amin'i Jesosy Amin'ny Tontolo Tena Misy

Voavonjin'ny Loza Iray

Tao anatin'ny ampahan-tsegondra monja no nitranga ilay loza. Nisotrosotro ilay mpamily, ary tahaka izany koa i Diane, izay nipetraka tamin'ny seza taoriana. 21 taona i Diane, ary namela ratra be teo aminy ilay loza ka noheverina ho tsy afaka hamindra intsony izy. Tapaka ny lalan-drany tao anatin'ny fotoana nikarakarana azy. Tsy tsaroany intsony ny laharan-telefaonin-dreniny. Tsy nahalala andro intsony izy. Tetsy andanin'ny fitsaboana ny ara-batany dia nasain'ny mpitsabo nanaraka fitsaboana ara-pitenenana sy ara-k'asa ihany koa izy.

Rehefa nivoaka avy tao amin'ny hôpitaly izy, ary mbola nandeha tamin'ny seza misy kodiarana, dia tsikariny fa "nanjavona" avokoa ny namany rehetra. Irery izy ary nanana fotoana be hisaintsainana. Tena nalaza be izy talohan'ilay loza ary nisotro be niaraka tamin'ny namany. Mpilalao baolina baskety tena nahay izy. Mbola nilaza ihany

anefa izy hoe nisy zavatra tsy nety mihitsy teo amin'ny fiainany. Toa nisy zavatra tsy ampy teo amin'ny fiainany.

Tsy mba voatonona tao anatin'ny tokantrano tamin'ny fahazazany mihitsy ny anarana hoe Jesosy. Tsy mba hitany nandeha tany am-piangonana na taiza na taiza mihitsy ny Ray aman-dreniny. Ny hany fantany momba an'Andriamanitra sy Jesosy dia izay voarainy taorian'ny nandalovany tao anatin'ny kolontsaina Kristiana ihany. Fantapantany ihany izany i Jesosy mety ho tezitra aminy izany. Tezitra izy satria i Jesosy tsy nanana ny hery ampy hisorohana ny zava-dratsy tsy hitranga. Toa ny devoly indray aza no nahery kokoa. Na dia efa reny aza ny zava-dehibe momba an'i Jesosy, dia noheveriny fa amin'ny alalan'ny fomba izay tiany ihany no hananany fiainana tsara kokoa.

Nandona mafy an'i Diane ilay loza, ka tsapany hoe tokony hanova ny fiainany izy. Nampahatsiaro azy an'i Kevin io zavatra io, izay tovolahy niarahany fahiny. I Kevin irery ihany no olona nanam-pifandraisana tamin'ny Kristiana, tao anatin'ny lasan'i Diane. Nantsoin'i Diane izy, kanefa nisalasala ny hiresaka taminy satria tamin'ny fomba tsy dia nahafinaritra no nifaranan'ny fiarahan'izy ireo. Nony farany anefa dia nanaiky hihaona tamin'i Diane ihany izy.

"Nahoana no navelan'Andriamanitra hihatra amiko izao?" hoy i Diane nanontany.

Toa hentitra ny valin-tenin'i Kevin. Nambaran'i Kevin azy fa tsy hoe avy amin'Andriamanitra ilay loza, fa kosa vokatry ny safidiny manokana.

Niverina niaraka indray i Kevin sy Diane. Izao no nolazain'i Diane tamin'i Kevin rehefa niaraka izy ireo indray andro: "Te-ho any am-piangonana aho." Nandeha nitady Fiangonana Advantista teo amin'ny manodidina i Kevin, izay teraka Advantista kanefa efa ela no tsy nandeha nivavaka intsony, ary nitondra azy tany.

Enim-bolana taty aoriana, taorian'ny fandalinana ara-Baiboly nataon'i Diane, dia natao batisa izy. Ary tsy ela taorian'izany dia natao batisa ihany koa i Kevin izay efa ela tsy tao am-piangonana. "Fitahiana ho azy aho," hoy i Diane, "ary fitahiana ho ahy izy." Vita mariazy izy ireo taty aoriana kely.

Niova ny fomba fahafahantaran'i Diane an'i Jesosy. "Fantatro ankehitriny fa manana ny herin'Andriamanitra i Jesosy. Nidina avy any an-danitra Izy mba ho tonga olombelona." Ny fanoharana tena tiany indrindra nataon'i Jesosy dia ilay momba ny voan-tsinapy izay voa kely indrindra kanefa tonga azo lehibe. Nambarany fa tahaka ilay voan-tsinapy izy. "Avy amin'ny tsy fahafantarana an'i Jesosy aho, ho amin'ny fahafantarana ny vaovao mahafaly momba Azy. Te-hilaza amin'ny olona maro araka izay vitako aho, mba ahafahan'izy ireo manana izany fanandramana lehibe miaraka Aminy izany, tahaka ny ahy."

Alatsinainy: Ilay Mpianatraf Faha-Teloambinifolo

Fantatrao ve fa tafiditra ao anatin'ny Baiboly ny fitantaran'i Jesosy ny niantsoany mpianatra faha-teloambinifolo? Io fiantsoana io no niteraka ilay tantaran'ny fiovam-po nalaza indrindra. Ny tena nahatonga azy io hanan-danja amintsika amin'izao fotoana izao dia ny niantsoan'i Jesosy io mpianatra io rehefa *taorian'*ny nikarany tany an-danitra.

Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe tahaka ny niantsoany io mpianatra io, no mbola hahafahany miantso olona ihany koa amin'izao fotoana izao. Misy fitantarana roa momba io tranga io, ny iray noraketin'i Lioka an-tsoratra, ilay mpanoratra ny Asan'ny Apostoly, ary ny iray kosa nosoratan'ilay olona izay nantsoina. Vakio ny fitantarana nataon'i Lioka ao amin'ny Asa 9:1-9. Taiza ilay olona fony i Jesosy niantso azy ary inona no nataony?

●Nanao ahoana ny fiantraikan'izany fihaonana tamin'ilay Jesosy velona indray izany teo amin'ny ara-batany?

●Inona no fanontaniana manan-danja napetrak'i Saoly tamin'i Jesosy?

Novain'i Saoly ho lasa Paoly ny anarany, ary taorian'ny fandalinana nataony dia nekena hiditra tao anatin'ny fikambanan'ny Kristiana izy. Imbetsaka izy no saika namoy ny ainy tany am-panaovana dia nitory, ary nampianatra momba an'i Jesosy. Taona maro taty aorian'ny niovany fo teny an-dalan'i Damaskosy dia niverina tany Jerosalema izy. Tsy ela akory ny tanàna iray manontolo dia tezitra tamin'io lehilahy io, izay noheverin'ny mpitondra fivavahana hoe nampihozongozona ny lalàn'izy ireo, noho izany dia nosamborin'izy ireo izy. Navela niteny tamin'ny vahoaka i Paoly, ary nanomboka ny lahateniny tamin'ny fanazavana ny "naha-Jiosy" azy izy, ary nitantara ny fomba niovany fo. Vakio ny fijoroana vavolombelona nataon'ny tenany manokana ao amin'ny **Asa 22:1-11**.

●Inona ireo fanontaniana roa izay nolazain'i Paoly hoe nambarany tamin'i Jesosy?

1.

2.

Ireo no fanontaniana roa mitovy izay apetraky ny mpianatra tsirairay avy (izany hoe isika), ary tsy maintsy anontaniantsika, tsy indray mandeha fotsiny fa mandritra ny androm-piainana mihitsy. Ary ny valiny kosa dia hanohy ny fanovana antsika hatrany, rehefa mijoro ho mahatoky amin'ny fanarahantsika an'i Jesosy isika. Hifantoka amin'ilay fanontaniana voalohany ny lesona amin'ity herinandro ity sy amin'ny herinandro manaraka. Ilay fanontaniana faharoa kosa no horesahina amin'ny lesona manaraka rehetra, eo am-panohizantsika ny fianarana bebe kokoa momba an'Andriamanitra sy ny fitarihany antsika.

Talata: Iza moa i Jesosy? …Ilay Mesia?

Vitsy amintsika ny mahatsapa ny fiantraikan'ny kolotsaintsika eo amintsika. Ny fanandramana niarahana dia mitondra ho an'ny fianakaviana iray, na tanàna iray, na firenena iray mihitsy aza, fanantenana iraisana, tahotra, fifaliana, ary teny tokana hanehoana ireny fihetseham-po ireny. Ohatra, ny olona any Etazonia dia mihetsi-po

amin'ny teny toy ny hoe "Fourth of July" (Efatra Jolay, andro nahazoan'i Etazonia fahaleovantena), "11/09" (11 Septambra, andro nirodanan'ny trano roa niezinezina tany Etazonia), "Inauguration Day" (Andro Nanokana Zavatra na Olona Iray), ny "Bible belt" (Tanàna misy olona tena manaraka antsakany sy andavany izay lazain'ny Baiboly), sy ny maro hafa koa. Samy manana ny teny izay tsy misy mahalala afa-tsy izy samy izy ao anatiny ihany ny firenena tsirairay avy. Tamin'ny andron'i Jesosy, dia iray tamin'ireo teny nana-danja izay nifantohan'ny fanantenan'ny olona sy ny fikasan'izy ireo ny teny hoe "Mesia."

Rehefa nitondra an'i Jesosy zaza tany Jerosalema i Josefa sy Maria mba hitahy Azy, izay fomba fanao niraisana tany amin'ny kolotsain'izy ireo, dia nilaza i Simeona mpisorona hoe tanteraka taminy ny teny fikasan'Andriamanitra. Inona izany teny fikasana izany? Vakio ny **Lioka 2:25-35**.

Taorian'ny nihaonan'i Andrea tamin'i Jesosy dia nandeha nitady an'i Petera rahalahiny izy mba hilaza ny momba an'i Jesosy aminy. Iza no nolazainy hoe hitany? Jereo ny **Jaona 1:40-42**.

Rehefa avy niaraka kely tamin'i Jesosy ireo mpianatra 12 lahy ary nanatri-maso ny sasany tamin'ireo fahagagana nataony sady nandre ny fampianarany, izay no fanontaniana napetrak'i Jesosy tamin'izy ireo: "Fa ataon'ny olona ho Iza moa Aho?" Vakio **Marka 8:27-30**. Iza no mety ho nihveran'ny olona an'i Jesosy?

●Nolazain'i Petera hoe iza moa i Jesosy?

Fony i Jesosy teo an-kazo fijaliana dia inona no anarana izay nanontanian'ireo mpanapaka, eny hatramin'ny iray tamin'ireo jiolahy aza? Vakio ny **Lioka 23:35-39**.

Nanomboka tamin'ny fahazazan'i Jesosy hatramin'ny nahafatesany dia niaraka taminy teny foana ny anarana hoe Mesia. Anarana mitondra fanantenana izy io ho an'ny olona sasany; ho an'ny sasany kosa dia anarana tsy nekena niharo ahiahy.

Alarobia: Iza moa i Jesosy? Mpaminany?

Tsy nisy teny manokana tonga avy tamin'ny Tompo, ho an'ny vahoaka Israely, tao anatin'ny 400 taona mahery, hatramin'ny nanoratana ny tenin'ilay mpaminany farany tao amin'ny Testamenta Taloha, dia ny mpaminany Malakia izany. Voaktr'ireo teny fikasana roa ao amin'ny Soratra Masina anefa, dia nokatsaka ny naniry fatratra ny fisehoan'ny mpaminany lehibe izy ireo. Iza no niteny ireo teny fikasana ary karazana mpaminany manao ahoana no nolazain'izy ireo hoe ho avy?

Deoteronomia 18:15.

Ny mpiteny

Ny karazana mpaminany izay ho avy

Malakia 4:5-6

Ny mpiteny

Ny karazana mpaminany izay ho avy

Koa satria manantena ny fisehoan'ny mpaminany lehibe ny olon-drehetra, dia azonao sary an-tsaina ve izay mety ho tao an-tsain'ny olona rehefa nanomboka nitory sy nahasarika vahoaka be i Jaona Mpanao Batisa? Vakio ny **Jaona 1:19-23**.

●Mety noheverin'izy ireo ho iza i Jaona?

●Inona no valin-tenin'i Jaona?

●Ahoana no fomba nampahafantarany ny tenany?

Rehefa nanomboka nanasitrana ny olona i Jesosy ary nanao asa fanompoana ho azy ireo tamin'ny alalan'ny fahagagana maro samihafa, dia nanomboka nanontany tena ny olona raha toa ka izy no ilay "mpaminany" izay efa voalaza mialoha. Vakio ny tantaran'izany fahagagana izany ary mariho ny zavatra nasetrin'ny olona ao amin'ny **Jaona 6:1-15**.

●Inona ilay fahagagana?

●Inona no valiny nasetrin'ny olona?

Nahafaly ny olona aok'izany ny fiheverana hoe hanana mpaminany lehibe izay afaka manao fahagagana ho azy ireo izy, ka tian'izy ireo natao ho mpanjaka mihitsy aza i Jesosy. Nampianatra azy ireo tsy handray izany mpaminany vaovao izany ho toy ny mpanjaka anefa izy ireo. Inona no nasainy nataon'ny olona tamin'ilay mpaminany? Vakio ny **Deoteronomia 18:15**.

Koa satria mino Kristiana hoe mpaminany lehibe i Jesosy, dia heverinao hoe tsy nety ve ny fomba nampianaran'i Mosesy ny momba an'i Jesosy?

Alakamisy: Iza moa i Jesosy? Zanak'Andriamanitra?

Tsy misy anarana hafa mahavita fanambaràna mampitolagaga sy feno fahasahiana toy ny hoe "Zanak'Andriamanitra", iantsoana an'i Jesosy. Na dia marina aza fa antsoina hoe zanak'Andriamanitra ireo izay tia sy manompo Azy, rehefa nomena an'i Jesosy io anarana io dia tafiditra ao anatin'ny hevitra tiany ambara ny hoe herin'ny Avo Indrindra, fahefana, iraka, ary fitoviana. Tonga dia raisin'ny mpitsabo olona marary saina avy

hatrany izay olona mahasahy manao izany fanambaràna izany amin'izao fotoana izao. Ny olon-drehetra sy ny anjely mantsy no nanome izany anarana izany an'i Jesosy, nialohan'ny nahaterahany hatramin'ny fahafatesany..

●Iza no niantso voalohany an'i Jesosy ho ilay Zanaky ny Avo Indrindra? Vakio ny Lioka 1:26-33.

●Ary tamin'ny fotoana nanao ahoana?

Rehefa nisokatra ny asa fanompoana nataon'i Jesosy teny ampahibemaso, dia iza no olona voalohany nanome Azy ilay anarana hoe Zanak'Andriamanitra? Vakio ny Jaona 1:32.

Tamin'ny fotoana roa samihafa no nilazan'ny Tenan'Andriamanitra mihitsy, izay faritana ho toy ny feo avy any an-danitra na feo avy ao anaty rahona, hoe Zanany i Jesosy. Oviana ireo fotoana roa ireo?

●Matio 3:3-17

●Matio 17:1-8

Nampiasa ny teny hoe "Zanak'Andriamanitra" i Satana fony izy naka fanahy an'i Jesosy tany an'efitra. Vakio ny Matio 4:3, 6. Ahoana no fomba nampiasan'i Satana ireo teny ireo sy ny antony nanaovany izany?

●Inona no fahagagana izay nahatonga ny mpianatra hiantso an'i Jesosy hoe Zanak'Andriamanitra? Vakio ny Matio 14:22-33.

Rehefa maty teo an-kazo fijaliana i Jesosy dia ny anarana hoe "Zanak'Andriamanitra" avokoa no niantsoan'ny mpandalo, ny mpisorona, ary ny mpampianatra Azy. Vao maty mihitsy Izy dia nampiasa io anarana io ihany koa ilay kapiteny sy ireo mpiambina hafa. Tamin'ny lantom-peo nanao ahoana no naampiasan'ireo mpandalo sy ireo mpitarika, ilay anarana? Vakio ny Matio 27:39-44

●Lantom-peo nanao ahoana no navoakan'ilay kapiteny? Vakio ny andininy 50-54.

Samy nanatri-maso izany tranga izany avokoa ny vahoaka sy ilay kapiteny. Araka ny hevitrao, inona no naha-samihafa ny fihetsika nasehon'izy ireo?

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Farito ao anaty boribory ny valiny marina.

1. Iza no anarana nomen'ny hafa an'i Jesosy, izay mifototra amin'ny fahatsiarovana an'i Mosesy sy Elia?

Mesia Mpaminany Zanak'Andriamanitra

2. Inona no anarana nampiasain'ny anjely Gabriela, sy Andriamanitra, ary Satana, rehefa miresaka amin'i Jesosy na ny momba Azy izy ireo?

Mesia Mpaminany Zanak'Andriamanitra

3. Iza no anarana nomen'ny hafa an'i Jesosy, vokatry ny fanirian'izy ireo fanafahana teo ambany fifehezan'ny lalàna Romana?

Mesia Mpaminany Zanak'Andriamanitra

Ampitomboy ny Fahalalanao

Mitadiava anarana fanampiny niantsoan'ny olon-kafa an'i Jesosy.

Mattio 1:23

Lioka 2:11

Jaona 1:29

Asa 3:15

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Inona no fiantraikan'ny anaran'i Jesosy hoe Zanak'Andriamanitra, eo amin'ny fomba fifandraisanao aminy manokana? Andeha hiverenantsika jerena ny andininy roa ary hijery iray vaovao isika. Inona no hetsika mifandray amin'ilay anarana hoe Zanak'Andriamanitra, ao amin'ireo andininy ireo tsirairay avy? Teny iray na roa ihany hamehezana ny valin-teninao.

Matio 14:33

Matio 17:5

Jaona 15:9, 10

Inona no fanoloran-tena ataonao hanatsarana ny iray na mihoatra amin'ireo fitondrantena etsy ambony, noho ny fahasoavan'Andriamanitra?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Iza No Hiheveran'ny Olona Amin'izao Fotoana Izao An'i Jesosy?

Inona no ambara'ny kolontsaina malaza momba an'i Jesosy? Amin'ny alalan'ny haino aman-jery no hahatongavan'ny kolontsaina malaza eo anatrehantsika: fahitalavitra, sarimihetsika, onjam-peo, "internet", boky, gazety boky, ary gazety. Tsy maneho ny sarin'i Jesosy ireny haino aman-jery ireny. Indraindray ny olona ao ambadik'ireny haino aman-jery ireny no manao izay tratrany hanehoana an-tsary ilay Jesosy ao anatin'ny Baiboly. Amin'ny fotoana sasany kosa indray dia toa mamorona tantara mahafinaritra izay mahatonga ny olona tsy ho resy lahatra izy ireo, na mamorona zavatra mifanohitra mba ahafahany mivarotra ny vokatra navoakany.

Nasehon'ny haino aman-jery an-tsary ho toy ny olo-malaza i Jesosy, toy ny vahiny manan-kaja miseho sehatra, olona nanao fitafiana niavaka tamin'ny an'ny fiaraha-monina, olo-malaza mpanao mozika "rock", mpitandro filaminana, vadin'i Maria Magdalena. Na dia natao hampianarana zavatra tsara aza ireny sary ireny, dia mampanjavozavo ny zavatra mampiavaka ny tena zava-misy sy ny zavatra foronin'ny saina. Ny olona izay tsy mahafantatra ny zavatra ampianarina momba an'i Jesosy dia tsy manana fahalalana mipetrapetraka ahafahana mamaritra ny maha-marina ireny fanambaran'ny haino aman-jery sy ny fanehoany an-tsary an'i Jesosy ireny. Miha-manjavozavo ny fahalalany an'i Jesosy, ary raha toa izy ireny ka Kristiana tsy dia mafana dia mihozongozona ny finoany.

Naneho hatrany ny fitsapan-kevitra natao tany Amerika Avaratra fa marobe ny tahan'ny olona mino hoe Zanak'Andriamanitra i Jesosy. Mety tsy mazava tsara amin'ireo olona ireo anefa ny fiantraikan'izany finoana izany, na farafaharatsiny, tsy hiainany ny fiantraikany.

Mahazatra ny olona tsy mino an'Andriamanitra na mambran'ny finoana hafa ankoatry ny Kristiana ny milaza hoe manaja an'i Jesosy ho toy ny mpampianatra soatoavina lehibe izy ireo. Tao anatin'ny bokiny nitondra ny lohateny hoe "*Mere Kristyianity" (Kristiana Tsotra)* no nanamarihan'i C. S. Lewis ny fahadisoan-kevitra mahakasika io fiheverana io:

"Eto aho dia miezaka mampitandrina izay rehetra milaza ny hevitra feno fahadalana momba Azy manao hoe: 'Vonona hanaiky an'i Jesosy ho ilay mpampianatra soatoavina lehibe aho, fa tsy manaiky kosa ny fanambaràny hoe Andriamanitra Izy.' Zavatra iray tsy azontsika lazaina mihitsy izany. Izay olon-tsotra fotsiny, nilaza karazan-javatra toy izay nolazain'i Jesosy, dia tsy ho mpampianatra soatoavina lehibe velively mihitsy. Na izy adaladala, tahaka ny lehilahy izay nilaza hoe atody nampangotrahana tao anaty rano ny tenany, na izy mihitsy no Devolin'ny Afobe. Tsy maintsy manao ny safidinao ianao. Na io lehilahy io, dia *efa* ary *mbola* Zanak'Andriamanitra, na lehilahy adala, na ratsy kokoa noho izany. . . . Aoka isika tsy hisaintsaina fahatany ny

fahamboniany teo amin'ny maha-olombelona mpampianatra lehibe Azy. Tsy navelany hisokatra teo anatrehantsika izany, ary tsy mikasa ny hanao izany Izy."*

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Mesia/Kristy:* Ireo teny roa ireo dia midika hoe "ilay voahosotra." Ny teny Hebreo hoe "Mesia" dia nampiasaina tao amin'ny Testamenta Taloha; ny teny Grika hoe "Kristy" no nampiasaina tao amin'ny Testamenta vaovao. Jereo ny fizaràna hoe "Mijery Akaiky Kokoa" ato anatin'ny Fanazavana Fanampiny.

●*Manosotra:* Manaparitaka na mikosoka menaka eo amin'ny faitra iray. Izy io no fomba amam-panao masina hanokanana mpanjaka, mpisorona, ary mpaminany.

●*Malakia:* Io farany indrindra amin'ireo nantsoina hoe "mpaminany madinika" ao amin'ny Testamenta Taloha io dia tsy milaza na inona na inona momba ny tenany. Heverina fa io boky io dia nosoratana teo ho eo amin'ny zato taona taorian'ny nahafaka ny Jiosy avy tamin'ny fambaboana Romana.

●*Ny Mpaminany:* Olna nantsoina sy voafidin'Andriamanitra ho mpitondra ny teniny amin'ny vahoakany. Ny fanabeazana ara-pivavahana no andraikitra voalohany sahanin'ny mpaminany. Ireo mpaminany lehibe tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha dia i Mosesy sy Elia.

●*Deotoronomia:* Boky fahadimy amin'ny Testamenta Taloha. Mirakitra ny lahateny telo lehibe sy farany nataon'i Mosesy, izay nilazany indray ny fanandramana sy ny lesona tao amin'ny Eksodosy.

Mijery Akaiky Kokoa

Israely

"Teo ho eo amin'ny taonjato faharoa na fahatelo talohan'i Kristy, vokatry ny fangejana nataon'ny Grika sy ny Romana, dia nitombo ny fanantenana hoe handefa mpanafaka ho an'ny olony Andriamanitra. Misy andininy telo maneho mazava io fanantenana io: Genesisy 49:10 (ny tehim-panjakana tsy hiala amin'i Joda); Nomery 24:17 (ny tehim-panjakana miposaka avy amin'Israely); Isaia 11:1-6 (Ary hisy Solofo mitsimoka eo amin'ny fototr'i Jesse). Maro ny fanazavana nomena ireo andininy izay toa mifono zavatra hafahafa ireo. Na izany aza aenfa dia niombona tamin'ity hevitra tokana ity avokoa ny asa-soratra Jiosy rehetra: "Ho mpanapaka ara-politika Izy ary ho mahery fon'ny firenena

* C. S. Lewis, *Mere Kristyianity* (New York: HarperCollins, 2001), p. 52.

. . . [ary] hanafaka an'Israely avy amin'ny mpangeja azy ka hamerina indray fahefan'ny lalàna."*

* Geoffrey Bromiley, ed., *The International Baiboly Encyclopedia* (Grand Rapids, Mich.: Eerdmans, 1979), CDROM.

Lesona 4

NY FIJOROAN'NY TENANY MANOKANA

Inona no anarana nambaran'i Jesosy hoe anarany?
Inona ireo anarana ekeko amin'ny maha-an'i Jesosy ahy?
Inona avy no zavatra takian'ny anaran'i Jesosy eo amin'ny fifandraisako Aminy?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray." (Fil. 2:9-11).

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Ny lesona tamin'ny herinandro lasa dia nandalinana momba ny anarana izay nampiasain'ny hafa rehefa miresaka amin'i na momba an'i Jesosy. Ny lesona amin'ity herinandro ity dia handalinana momba ireo anarana izay niantsoan'i Jesosy ny Tenany. Ao anatin'izany dingana izany no hanombohantsika mandinika ny fomba nampianaran'i Jesosy ny mpianany sy ny zavatra andrandrainy amin'izy ireo. Ny iray tamin'ireo fampianarany dia niezaka nanitsy ny fahadisoan-kevitra izay noraisin'ny mpianatra tao amin'ny kolotsain'izy ireo. Rehefa mandre an'i Jesosy manitsy ny mpianany isika dia mety mahazo tombontsoa ahafahana mandinika ny fomba namadihan'ny kolotsaintsika ny fahatakarantsika izany atao hoe iza moa i Jesosy.

Miara-Mandeha Amin'i Jesosy Amin'ny Tontolo Tena Misy

Ny Fanoheran'ny Olona Iray Tsy Mino An'andriamanitra, Ny Kristiana

Sergei Datskovsky*

Nifindra monina tany Etazonia izaho sy ny ray aman-dreniko ary ny renibeko, avy any amin'ny Fikambanambe Sovietika, izay rafi-pitantanana ara-pinoana nanjakan'ny tsy finoana an'Andriamanitra. Mbola kely izahay dia efa nampidirina tao an-tsainay ny tsy finoana an'Andriamanitra, nihenjana anefa ny tady satria Jiosy izahay. Rehefa tany Etazonia dia nalefan'ny ray aman-dreniko tany amin'ny "*yeshiva*" aho, izay sekoly ara-pivavahana Jiosy. Niala tao aho taona vitsy taty aoriana satria na izaho na ny ray aman-

* Anaram-bositra.

dreniko dia samy tsy nino ny zavatra nampianarin'ireo Raby sy ny mpampianatra tao an-tsekoly.

Vetivety dia nanampy ahy hanadino ny momba an'Andriamanitra ny nifindrako tany amin'ny sekolim-panjakana tany Brooklyn. Zavatra roa amin'izaàry no niova, sady samy niharatsy. Voalohany, hoy ny mpampianatra siansa anay hoe avy amin'ny fivoarana miandalana ny olombelona, ary tsy misy Mpamorona. Io no namotika ny finoana kely izay efa nananako momba an'Andriamanitra. Faharoa, nanomboka tafiditra taoa anatin'ny Vanim-Potoana Vaovao aho ary izany no nahatonga ahy tsy nivaky loha tamin'ny Kristiana.

Niadana tokoa ny dingana nodiavin'ny saiko niala avy amin'ny tsy finoana an'andriamanitra ho amin'ny maha-Kristiana. Voalohany, nanana fanandramana nampitahotra aho tao anatin'ny tranga teo amin'ny Vanim-Potoana Vaovao, izay nahatonga ahy nihemotra teo anatrehan'izany. Namela ahy ho foana tanteraka ara-panahy anefa izany. Namantatra fivavahana sy antokom-pinoana maro samihafa aho, kanefa toa tsy nisy marina na dia iray akory aza tamin'izy ireny. Tamin'ireny fotoana ireny indrindra no nihaonako tamin'i Ann izay ho vadiko. Nanomboka taitra taminy aho tamin'ny voalohany, vokatry ny hatsarany; rehefa niresaka taminy anefa aho dia nahita fa nanana zavatra mihoatra noho izany izy. Tena samihafa be amin'ny hafa rehetra izy ary tsapako hoe voasariky ny fahatoniany sy ny fahaizany misaintsaina aho.

Rehefa nahafantatra an'i Ann aho dia nahita hoe Kristiana izy ary tao anatin'ny vondrona iray mitandrina ny Sabata. Mba hamantarako bebe kokoa momba io vondrona io dia nindrana antotam-boky tao amin'ny toeram-pindramana bokiny aho. Hitako tao ny mpanoratra toa an-dry C. S. Lewis sy Ellen White, izay samihafa be tamin'ny nantenaiko. Olona tena nanan-tsaina ireo olona ireo, izay nanana antony nitombina tsara mahakasika ny zavatra ninoany. Mbola tsy resy lahatra ihany anefa aho; nila porofo natanjaka aho.

Niseho io porofo io rehefa tonga nitsidika ny tranon'i Ann tany Midwest aho, ary nipetraka tao amin'ny kilasin'ny Sekoly Sabata notarihan'ny ray kelin'i Ann. Nampianatra momba ilay faminaniana mahakasika ny 490 tao amin'ny bokin'i Daniela i Bill. Gaga aho rehefa hitako hoe nifanaraka tsara tamin'ny tantara mihitsy ilay faminaniana. Tamin'ny alalan'ny fikarohana nataoko manokana no nanamarinako ny zavatra nampianariny. Nampitsiry fahalianana kely teo amin'ny Baiboly izany. Nanolotena hiaraka handinika Baiboly tamiko isan-kariva i Bill ary nanaiky aho. Nanamafy ny finoako ny lesona tsirairay avy izay natao ary tsy ela kory aho dia vita batisa.

Tsy hilaza aho hoe mora ny nandray izany fanapahan-kevitra izany. Jiosy aho ary misy fanerena mahery vaika avy amin'ny fikambanana Jiosy (ara-pivavahana sy eo amin'ny sehatr'izao tontolo izao), tsy hiovana fo ho tonga Kristiana. Na izany aza anefa dia nanapa-kevitra aho hoe tsara kokoa ny manaraka ny faharesen-dahatrao, eny fa na dia midika aza izany hoe ho ahatafasaraka anao amin'ny namana na fianakaviana mihitsy aza.

Feno fankasitrahana aho noho ny famindrampon'Andriamanitra izay nikatsaka ahy teo amin'ny fahatanorako, mba tsy nandaniako ny fotoanako tamin'ny fikatsahana fahafahampo kanefa tsy nahita izany akory. Hoy i Jesosy hoe raha tsy ateraka indray ny

olona dia tsy afaka hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra. Nilaza ihany koa Izy hoe efa ao anatintsika ny fanjakan'ny lanitra.

Dia izany tokoa no fizotry ny fiainako. Rehefa tonga Kristiana aho dia maty tamin'ny fiainako teo aloha ary miaina fianam-baovao ao amin'i Kristy aho ankehitriny. Manova ahy isan'andro isan'andro Izy, anaty hatrany ivelany, ary omeny antom-pisiana ny fiainako, izay tsy mbola nananako fahiny. Azo lazaina tanteraka izany hoe efa ato anatiko ny fanjakan'ny lanitra ary ny fananana fiainana ho an'i Kristy no sandan'ny fiainana mandrakizay.

Alatsinainy: Mesia

Eo antenantenan'ny Filazantsaran'i Marka no isehoan'ny fitantarana ny fampianarana iray tena nanan-danja. Voatatitra ao anatin'izany hoe iza moa i Jesosy, kanefa asehon'izy io ihany koa ny fomba nampianaran'i Jesosy ny mpianany sy ny zavatra andrandrainy amin'izy ireo. Tamin'ny taonjato voalohany nisian'Israely dia ny famaliana ny fanontaniana apetraky ny mpianany no fomba fampianarana tena nampiavaka ny raby. Nandritra izany fotoana nianarana izany, araka ny filazan'i Marka, no nanovan'i Jesosy io fomba fanao io ary Izy indray no nametraka fanontaniana tamin'ny mpianany. Vakio amim-pitandremana ny tantara mba hahitana ny fampianarana maro nanan-danja nataon'i Jesosy. Mark 8:27-38

●Inona no fanontaniana napetrak'i Jesosy?

●Iza no namaly?

●Inona no valiteniny?

Asehon'ny lesona tamin'ny herinandro lasa fa ny anarana hoe "Kristy" dia anarana Grika izay midika hoe anarana inona amin'ny teny Hebreo?

Namely tamin'ny fomba tsy dia nahazatra i Jesosy, tamin'ny alalan'ny fampitandremana azy ireo tsy hilaza ny momba Azy amin'ny hafa. Nifanohitra tamin'ny zavatra mety nantenaina io toro-marika io, satria tena zava-dehibe tamin'ny olona tokoa ny nahalala hoe iza moa i Jesosy. Hodinihintsika aoriana kely ny momba izany. Na izany aza anefa dia nampiasain'i Jesosy io fotoana io, nanombohana nampianarana ny mpianany, zavatra izay tena ivon'ny iraka ampanaovina azy ireo. Inono no nohazavainy momba ny Tenany? Vakio ao amin'ny Marka 8:31, 32.

●Nanao ahoana i Petera teo anatrehan'ilay fampianarana?

Mety niteny vokatry ny fitiavany an'i Jesosy angamba i Petera, ka tsy tiany ho tonga amin'i Jesosy izany karazana ho avy izany. Ahoana no fomba nandraisan'i Jesosy ny hevitr'i Petera?

Azo antoka fa tsy maintsy naneho ary nifanaraka tamin'ny kolotsain'i Petera ny heviny momba ny Mesia, izany hoe ilay Mesia no hanafaka ny firenena amin'ny fangejan'ny fanapahana avy any ivelany. Tsy takany akory izany hoe Mesia hijaly sy ho faty izany. Toa mifanohitra ny hevitra roa nilazana ny Mesia, izany hoe mpanapaka mandresy *sy* martiora izay ory. Na dia nazava kokoa noho ny an'ny vahoaka aza ny fahalalan'i Petera any momba an'i Jesosy, dia mbola tsy feno kosa izany. Ny hevi-diso teo amin'ny vahoaka kosa, izay voarafitry ny fanantenany ny Mesia teo amin'ny kolotsain'izy ireo, no nanampy tamin'ny fanazavana ny antony nahatonga an'i Jesosy tsy tia ny hilazan'ny mpianany amin'ny olon-drehetra hoe Izy no Mesia. Alaivo sary an-tsaina ny fikoronatanana ara-politika mety ho naterak'izany fanambaràna izany. Angamba dia tsy nahomby tanteraka ny iraka nampanaovina an'i Jesosy.

Talata: Ny Vokatry ny Atao hoe Mesia Nijaly

Taorian'ilay tranga hafahafa nilazan'i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Any ivohoko ianao ry Satana," satria tsy tian'i Petera hijalysy hovonoina i Jesosy, dia nangonin'i Jesosy ny mpianany sy ireo olon-kafa nanodidina Azy ary nanomboka nampianatra azy ireo lesona manan-danja momba ny fomba hahatongavana ho anisan'ny iray amin'ireo mpianany Izy. Vakio ny Marka 8:34. Inona no zavatra telo izay nolazain'i Jesosy hoe tsy maintsy ataon'ny mpianany?

1.

2.

3.

●Inona no hevitra tian'ireo toro-marika ireo ambara momba ny fomba tokony iainanao ny fiainanao?

Maharesy lahatra tokoa ve ireo toro-marika ireo? Ahoana no fomba ahafahan'ny orinasa iray mpanao dokam-barotra, mahazo tombony amin'ny fampiroboroana io fomba fiaina io? Raha toa ka ireo toro-marika hitantsika ireo no fomba fiasa fototra izay nolazain'i Jesosy tamin'i Petera tamin'ny andininy teo aloha, dia tsy mitovy amin'ny fomba fijerin'ny olombelona izany ny fomba fijerin'Andriamanitra. Samihafa ny tanjona; samihafa ny zavatra omena tombambidy. Ao anatin'ireo andininy vitsy manaraka no hanombohan'i Jesosy manazava ny antony mahatonga ny mpianatra tsy maintsy mivelona araka ny fomba izay vao nohazavainy ary mety hampitahotra izany. Vakio ny Marka 8:35-38. Inona no "lalàm-piaina" izay asehon'i Jesosy eto?

Nantsoin'ny olona sasany izy io hoe lalàn'ny "fanjakan'Andriamanitra ambony ambany." Mahakasika ny zavatra hifantohana eo amin'ny fiainanao izy io. Nisy mpianatra nahazo mari-pahaizana, nanao fikarohana momba ny maha-mpianatra tany amin'ny oniversite-lehibe iray miara-miasa amin'ny fiangonana Kristiana, nandeha

nanatona ny mpanolotsaina azy teo amin'ny lahatsoratra nosoratany ary nanazava hoe sarotra taminy ny fiezahana nanazava ny fon'ny mpianatra ary niezaka nanakatra ny mety ho endrik'izany teo amin'ny fiainany mihitsy aza izy. Nihaino ilay mpanolotsaina ary nilaza hoe: "Ny olana dia vokatry ny fomba fihevitrao ilay teny hoe 'Jesosy sy ny . . .' 'Jesosy sy ny ambom-poko.' 'Jesosy sy ny lazako.' ' Jesosy sy ny karamako.' 'Jesosy sy ny vadiko.' Aminao, ny maha-mpianatra dia ilay hoe 'Jesosy' fotsiny."

Alarobia: Ny Fomba Namaritan'i Jesosy ny Tenany

Nandritra ny andro niarahan'i Jesosy tamin'ny mpianany dia matetika Izy no nampisongadina ny fahadisoan-kevitra nananan'ny olona momba an'Andriamanitra sy ny teny fikasany ary ny fanantenan'ny olony. Ao amin'ny fizaràna Alatsinainy amin'ny lesona mandritra ity herinandro ity no hianarantsika hoe voatery nanitsy ny fiheveran'ny olona ny atao hoe Mesia i Jesosy. Nampiasainy tao anatin'ny fanazavany ilay anarana nahafinaritra indrindra ny Tenany.

Vakio indray Marka 8:31, 38. Inona izany anarana izany?

Mariho hoe io anarana io dia mifanaraka amin'ireo zavatra samihafa ao amin'ireo andininy roa ireo.

●Mifanaraka amin'ny inona ilay anarana ao amin'ny andininy 31?

●Ary ao amin'ny andininy 38?

Ireo olona izay nandre an'i Jesosy nampiasa ilay anarana hoe "Zanak'Olona" tamin'izany fotoana izany dia naka sary an-tsaina zavatra tena voafaritra mazava tsara avy amin'ireo toetra roa voalaza ao amin'ny faminanian'Isaia sy Daniela. Ao amin'Isaia dia misy ampahany lava be miresaka momba ilay mpanompo ory. Ny Isaia 53 no andalana malaza indrindra (hahitana ny anarana hoe "mpanompo" teo amin'ny fampidirana ireo andininy ao amin'Isaia 52:13-15). Vakio Isaiah 53 ary saintsaino ny momba ireo antony sasany izay nifidianan'i Jesosy anarana nifandraika tamin'ny fahoriana.

Tsy ny fahoriana sy ny maha-mpanompo ihany no hevitra tokana mifandray amin'ny anarana hoe Zanak'Olona, araka ny nambaran'ny Marka 8:38. Azontsika sary an-tsaina ve ny mety ho fiantraikan'io fanambaràn'i Jesosy ioany an-tsain'ny mpihaino Azy? Vakio ny Daniela 7:13, 14. Inona avy ireo toetran'ny olona izay "tahaka ny zanak'olona"?

Nampiasain'i Jesosy ny teny hoe "Zanak'Olona" entina milaza ny Tenany mihoatra noho ny anarana hafa rehetra. Teny nanana ny lanjany tokoa izy io, ary mifono hevi-dalina izay hita ao amin'ny asa-soraty ny mpaminanin'ny Testamenta Taloha. Mitondra fomba fijery an'i Jesosy tena miavaka tsara ihany koa izy io. Ny mpianatra (ankoatran'i Jodasy) dia vavolombelon'ny mpanompo ory sy maty; nahita

an'i Kristy nomem-boninahitra tao anatin'ilay fiovan-tarehy i Petera sy Jakoba ary Jaona (Mat 17:1-9). I Stefana, ilay martiora voalohany, dia nahita ny Zanak'Olona nomem-boninahitra tao anatin'ny fhahitana (Asa 7:55, 56). Toy izany ihany koa i Jaona ao amin'ny Apokalypsy 1:9-17.

Alakamisy: Ilay Fanambaràna Miezinezina

Na dia efa nampiasaina nandritra ny fotoana naharitra aza ny teny hoe "zanak'Andriamanitra", dia tokana ihany ny hevitr'ilay teny hoe "Zanak'Andriamanitra", izay maneho an'i Jesosy. Inona ny zava-niseho tamin'ny fotoana voalohany indrindra nampiasana io anarana io tamin'i Jesosy? Vakio ny Lioka 1:34, 35.

Inona no porofo ananantsika, hilazana fa na dia tamin'ny mbola zaza aza i Jesosy dia efa nahatsapa ny fifandraisany manokana tamin'Andriamanitra? Lioka 2:41-50.

Noho ny hery sy ny fahefana nasehon'i Jesosy sy ny lazany teo amin'ny olona, dia nahaliana fatratra ireo mpitarika Jiosy ny mombamomba Azy. Tao anatin'ny fifanakalozan-kevitra nahazendana izay nifanaovan'i Jesosy tamin'ireo Fariseo, momba ny Rainy " 'izay lazainareo hoe Andriamanitrareo,' " dia fanandramana saika hitora-bato Azy no nasetrin'izy ireo izany. Vakio ny Jaona 8:48-59. Inona no fanambaràna hafa nataon'i Jesosy tamin'io fotoana io, izay nampirehitra ny Jiosy?

Taty aoriana kely, rehefa nivoaka indray ilay fifanandrinana momba ny maha-Izy Azy an'i Jesosy, dia inona no fanambaràna nataon'i Jesosy nahakasika ny fifandraisany tamin'ny Rainy? Vakio ny Jaona 10:19-30

Inona no antony nahatezitra aok'izany ny Jiosy ka nahatonga azy ireo nandray vato saika nitorahana Azy indray? Vakio ny andininy 31-33.

Ny ampahany ao amin'ny Alatsinainy tamin'ity lesona ity dia mandalina ny maha-zava-dehibe ny fanitsian'i Jesosy ny fahafantaran'ny mpianatra ny hoe "Mesia." Voalaza ao amin'ny lesona tamin'ny herinandro lasa ny fotoana niantsoan'ny hafa Azy hoe "Zanak'Andriamanitra," kanefa tsy mba nahitsiny mihitsy izy ireny. Tsy nampiasa io anarana io mihitsy ny tenan'i Jesosy, fa raha vao nivoady kosa anefa Izy dia voamarina taminy fa tena nety tokoa ilay anarana. Vakio ny Matio 26:62-66. Inona no sandany nalohan'i Jesosy vokatry ny filazany ny Tenany hoe "Zanak'Andriamanitra"?

Fantatry ny Jiosy hoe fanambaràna fiandrianana no nolazain'i Jesosy; kanefa tsy nety nanaiky izany izy ireo. Na dia teo aza ny loza mety nitranga dia tsy niezaka nampalefaka ny fanambaràny feno zotom-po mihitsy Izy. Tena ivon'ny maha-Izy Azy mantsy ilay teny hoe "Zanak'Andriamanitra" ka vonona ny ho faty noho ny amin'izany Izy. Asehon'ny Jaona 14:8, 9 amin'ny mpianatra ny dikan'io anarana io, izany hoe amintsika. I Jesosy, izay sady Zanak'Olona no Zanak'Andriamanitra, no ilay hany tokana

izay afaka mampahafantatra an'Andriamanitra amintsika. Izy no "Andriamanitra miaraka amintsika."

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

1. Inona no anarana nampiasain'i Jesosy matetika indrindra hiantsoan ny Tenany?
   A. Mesia
   B. Zanak'Olona
   D. Zanak'Andriamanitra

2. Inona no anarana izay nitarika ho amin'ny fanomboana an'i Jesosy?
   A. Mesia
   B. Zanak'Olona
   D. Zanak'Andriamanitra
3. Inona no antony naha-zava-dehibe ny tsy tokony nandehanan'ny mpianatra nilaza hoe i Jesosy no Mesia? (Farito anaty boribory izay valiny marina rehetra.)
   A. Tsy nazava tsara tamin'ny olona ny zavatra ataon'ny Mesia.
   B. Tsy nihevitra ny Tenany ho toy ny Mesia i Jesosy.
   D. Raha toa ka noheverin'ny olona hoe i Jesosy no Mesia, dia azo antoka fa mety niteraka fikorontanana ara-politika be izany.
   E. Niandrandra ny tombontsoa eo amin'ny karazan-javatra ara-materialy avy amin'i Jesosy ny olona, ary mety tsy nahazo ilay fiainana mandrakizay izay nomeny azy ireo.

Ampitomboy ny Fahalalanao

Ny tsianjery tamin'ity herinandro ity dia ampahany amin'ny maro izay inoan'ny manam-pahaizana hoe hiran'ny Kristiana fahiny, izay namboarin'i Paoly sy nampiasainy ho toy ny fanekem-pinoana tao amin'ny taratasiny ho an'ny Filipiana. Olom-bitsy no nahay namaky teny tamin'ny andron'i Paoly. Tamin'ny alalan'ny fanaovana tsianjery no namitana ny fianarana, ary matetika dia tamin'ny alalan'ny "salamo sy ny fiderana ary ny hira masina" (Kol 3:16). Ataovy tsianjery ilay hira iray manontolo hita ao amin'ny Filipiana 2:5-11. Ny sasany amin'ny dikan-tenin'ny Baiboly dia nanonta ny endrik'io hira io hitovy amin'ny tononkalo.

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Ambaran'i Jesosy mazava tsara ao amin'ny Marka 8:34 ireo zavatra telo takiana mba hahatongavana ho mpianany. Ny fitakiana voalohany dia ny "fandavana" ny tenanao. Tsy dia mazava tsara amin'ny maro io toro-marika io, ka raisiny amin'ny heviny hoe tokony handà ny fahafinaretana eo amin'ny fiainana ianao, eny hatramin'ny zavatra tena ilaina indrindra aza.

Tsy izany anefa no tian'i Jesosy ambara. Ilay tena mihitsy no asainy lavina. Amin'ny maha-mpianatra anao dia vonona hiala amin'ny zava-drehetra izay

mampisaraka anao amin'i Kristy ianao, na mampisaraka amin'ny sitrapony ho anao. Hialanao ny toetra ara-boajanahary anananao, izay tsy mifantoka afa-tsy amin'ny tena. Toetra sy fitondrantena mifantoka amin'ny tena manao ahoana eo amin'ny fiainanao no tokony lavina?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Resaka Fanampiny Mahakasika Ny Fomba Fihevitry Ny Olona Amin'izao Fotoana Izao

Raha toa ianao ka mbola tsy nandeha tany am-piangonana mihitsy, mbola tsy nihaino toriteny mihitsy, ary mbola tsy namaky ny Baibolinao mihitsy, dia ahoana no fomba hianaranao ny momba an'i Jesosy? Manao ahoana ny fihevitrao Azy? Azo antoka hoe avy amin'ny kolontsaina malaza no tsy maintsy ahazoanao ny mombamoba Azy: fahitalavitra, sarimihetsika, na "internet". Marina ny tenin'ny haino aman-jery indraindray; diso indraindray.

Amin'izao fotoana izao, ny fanaovana fikarohana ny anarana hoe "Jesosy Kristy" amin'ny sampam-pikarohana "Google" amin'ny "internet" dia hamoaka tranonkalam-pifandraisana miisa 50 tapitrisa eo ho eo. Ny fhahitana an'i Jesosy amin'ireny tranonkalam-pifandraisana ireny dia manomboka any amin'ny hoe "mpandray anjara iray mody atao hoe misy Izy" hatramin'ny hoe "Andriamanitra Izy." Nifidy ny hino ilay Jesosy izay nifanaraka tamin'ny fomba fijeriny amin'ny maha-izao tontolo izao azy ny olona. Raha toa izy ireny ka mitana ny foto-pisainana maha-natoralista (izao hita maso izao ihany no zava-misy), ny hevitra ambony indrindra izay mety ao an-tsainy momba an'i Jesosy dia ny hoe Izy no hendry indrindra, ilay olombelona tsotra indrindra tsy mbola nisy toa Azy.

Nisy vondron'olona 150 teo ho eo, izay maro amin'izy ireo no manam-pahaizana tena nahatalanjona teo amin'ny fandalinana ara-Baiboly sy ara-pivavahana (kanefa dia mbola tsy mino ihany hoe nitsangana tamin'ny maty i Jesosy), nivory indroa isan-taona mba hifidy amin'ny alalan'ny latsa-bato, hoe iza amin'ny tenin'i Jesosy sy ny zavatra nataony izay voarakitra ao amin'ny Soratra Masina no tena marina tokoa ara-tantara. Araka ny hevitr'izy ireo dia i Jesosy hany Raby Jiosy nanam-pahendrena.

Amin'ny lafiny iray dia maro amin'ny vahoaka Amerikana kapobeny no mino an'i Jesosy ho ilay Zanak'Andriamanitra. Kanefa nisy fomba fijery hafa nahakasika an'i Jesosy, niha-nivelatra tao anatin'ny taona vitsivitsy izay. Koa satria misy fiantraikany amin'ilay kolontsaina ny fanatontoloana (fomba fijery hoe tsy misy tanjona tena tanteraka ary ny finoan'ny olona iray dia tsara tahaka ny an'ny iray hafa), ny Kristiana dia mino hoe tokana i Jesosy Kristy ary ilay hany tokana izay mendrika fiderana dia heverina ho henjana, hentitra, ary tsy mandefitra. Ny ankabeazan'ny olona tsirairay avy amin'ny kolontsaina amin'izao fotoana izao dia vonona ampahafantarinao hoe i Jesosy no

Zanak'Andriamanitra, kanefa aza miezaka mandresy lahatra azy momba izany raha toa ka mbola tsy mino izany izy.

Rehefa tonga ny fotoana hahatakarana tsara an'i Jesosy, dia tsy vitanao ny hiankina amin'ny kolontsainao ho fanamarinana ny zava-drehetra.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

● *Tompo:* Hita ao anatin'io anarana io ny heviny isan-karazany manomboka any amin'ny mpifehy ambony indrindra hatramin'ny olona rehetra izay manam-pahefana. Ny heviny dia tsy maintsy faritan'ny lahatsoratra misy azy, miaraka amin'ny teny Hebreo na Grika izay nihaviany. Indraindray izy io dia ampiasaina tsotra ho toy ny tenim-panajana, mitovy amin'ny hoe "tompoko." Rehefa nampiasa ny teny hoe "Tompo" miaraka amin'ny anaran'i Jesosy ny Kristiana fahiny, dia ny heviny ambony indrindra no entin'ilay anarana. (Jereo ny Fanekem-Pinoana)

● *Fanekem-Pinoana:* Fanambaràna ny finoana, ataon'ny tena manokana sy ampahibemaso. Ny fanekem-pinoana voalohany indrindra dia ilay hoe "I Jesosy no Tompo." Io no tian'ny Kristiana ambara amin'ny hoe ilay Jesosin'ny tantara no ilay Kristin'ny finoana izay nitsangana tamin'ny maty, i Kristy no Andriamanitra, ary manana ny fahamboniana tsy misy toa azy Izy eo amin'izao tontolo izao, ny fiangonana, ary ny fiainan'ny isam-batan'olona.*

● *Blasfemia:* Fitenenan-dratsy na fanehoana tsy fankasitrahana an'Andriamanitra. Ao amin'ny Testamenta Taloha dia voaheloka ho vonoina amin'ny alalan'ny tora-bato izay manao izany.

● *Fiovan-tarehy:* Ny fiovana izay nahatonga ny endrik'i Jesosy niseho tamin'ny famirapiratana.

Mijery Akaiky Kokoa

Ny Dikan'ny hoe "Izy Aho"

Nahatsapa tena ho ambony noho ny olon-kafa rehetra ny Jiosy tamin'ny andron'i Jesosy satria vitan'izy ireo ny nilaza hoe i Abrahama, izay mpandray ny fitahiana manokana avy amin'Andriamanitra, no rainy. Indray andro, tao anatin'ny fifanakalozan-kevitra mafana niarahana tamin'i Jesosy, no nanehoan'izy ireo ny heviny teo anatrehan'ny fanambaràna iray hafahafa nataony, tamin'ny alalan'ny nilazan'izy ireo hoe: " 'Tsy mbola dimam-polo

* Geoffrey Bromiley, ed., *The International Baiboly Encyclopedia* (Grand Rapids, Mich.: Eerdmans, 1979), CDROM.

taona akory ianao ka dia efa nahita an'i Abrahama va?' Hoy Jesosy taminy: 'Lazaiko aminareo marina tokoa: Fony tsy mbola àry i Abrahama, dia IZY AHO' " (Jaona 8:57, 58).

Nahatezitra aok"izany ny Jiosy ilay teny hoe "IZY AHO", ka lasa nandray vato saika hatoraka teny amin'i Jesosy mihitsy izy ireo kanefa nitsoaka Izy. Inona no antony nahatonga ireo teny roa ireo nampikorontana aok'izany ny Jiosy? Any amin'ny tantaran'i Mosesy sy ilay roimemy nirehitra afo no hahitana ny valin'io fanontaniana io. Vakio ny Eksodosy 3:13-34.

Rehefa niteny tamin'i Mosesy avy ao anatin'ilay roimemy nirehitra afo Andriamanitra ka naniraka azy handeha tany Egypta ary hanafaka ny olony, dia nanontanian'i Mosesy an'Andriamanitra izay tena anarany. Ary Andriamanitra nilaza hoe "IZAHO NO IZY" no anarany.

Fantatry ny Jiosy hoe nilaza ny Tenany ho Zanak'Andriamanitra i Jesosy. Blasfemia izany tao anatin'ny kolotsain'izy ireo, ary fitoraham-bato ho faty no sazy vokatr'izany.

Ny Maha-Advantista

Ny mambran'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mihaona amin'ny fivoriana maro isan-karazany.

"Fiankohofana", "Amin'ny 11ora," "Fanompoam-Pivavahana": Mivory amin'ny fanompoam-pivavahana ny fiangonana iray manontolo rehefa Sabata maraina, izay hahitana ireto manaraka ireto hatrany: mozika, famakiana ny Tenin'ny Sratra Masina, fitatazan-drakitra,a ry toriteny.

Vavaka Hariva na Fiankohofana Rehefa Milentika Ny Masoandro: Fanompom-pivavahana fihaonana mialoha kelin'ny ahafatesan'ny masoandro ny Zoma, hitsenana ny Sabata ary misy ihany koa ny Sabotsy ho famaranana ny Sabata .

Herinandro Fiaraha-Mivavaka: Indroa isan-taona, herinandro izay atokana ho an'ny fivoriam-bavaka manokana. Mamoaka lahateny vakiana ho an'ny isan-kalina ny "*Adventist Review"* (Gazety Boky Advantista). Atao any amin'ny kilasy mandrin'ny sekoly ambaratonga ambony Advantista rehetra sy ny kôlejy ihany koa ny Herinandro Fiaraha-Mivavaka, ka mpandaha-teny mahay miresaka tsara amin'ny tanora no fidiana hanao izany.

Lasy Fihaonana: Ny lasy fihaonana dia fivorian'ny Advantista mandritra ny fotoana maharitra amin'ny fotoana fialantsasatra, izay tafaraka ao anatin'ny birao foibe iray eo an-toerana. Ireny fivoriana ireny dia natao hanolokoloana ny ara-panahy, ary matetika dia any amin'ny kilasy mandrin'ny sekoly ambaratonga ambony na ao amin'ny faritra misy ny birao foibe no hanaovana azy. Ao anatin'ny trano lay ny olona no mipetraka, any amin'ny efitry ny kilasy mandry, na ao amin'ny lainy misy kodiarana izay azo entina mifindrafindra, na ao anatin'ny fiara vaventy hahitana ny fitaovana rehetra fitondra

amin'ny lasy. Raha ara-tantara dia manomboka sy miafara amin'ny faran'ny herinandro ireny fivoriana ireny, ka herinandro izany no faharetany.

Lesona 5

NY TONTOLOKO MIKORONTANA

Inona no antony mahatonga ny fhahatongavana ho mpianatra hamadika ny tontoloko ambony ambany?
Ahoana no fomba hiatrehan'ny Tenin'Andriamanitra ny fomba fijerin'izao tontolo izao rehetra?
Inona no mitranga rehefa miova ny fomba fijeriko an'izao tontolo izao, kanefa tsy miova kosa ny an'ny fianakaviako sy ny an'ny namako?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Ary hoy Izy taminy: Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain'ny mpaminany, moa tsy tokony ho niaritra izany va i Kristy ka hiditra any amin'ny voninahiny?' " (Lioka 24:25, 26).

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Ny mpianatr'i Jesosy dia nanana fomba fijery izao tontolo izao izay samihafa tamin'ny fomba fijerin'ny olona tsy mpivavaka, na ny olona avy amin'ny finoana hafa, any hatramin'ny fomba fijerin'ny Kristiana izay mitovy anarana aminy aza. Rehefa mifidy ny hanara-dia an'i Jesosy ianao dia azo antoka fa tsy maintsy nandalo (na eo am-pandalovana) fanovana ny fomba fijery izao tontolo izao.

Ny tsianjery mandritra ity herinandro ity dia nalaina avy tamin'ny tantaran'i Jesosy, izay nitarika ny mpianany roa ho amin'ny fanovana ny fomba fijerin'izy ireo izao tontolo izao. Isaky ny toriana ny anaran'i Jesosy dia miteraka tsy fifankazahoan-kevitra eo amin'ilay fomba izao tontolo izao izay efa nitoetra hatrizay izany. Nisy fotoana iray nitorian'ireo Kristiana fahiny ny filazantsara tao amin'ny tanànan'ny Grika, ka dia notaritarihan'ny Jiosy ho eo anatrehan'ny mpanapaka tao an-tanàna izy ireo ary nomelohiny tamin'ny alalan'izao teny izao: " 'Tonga aty koa ireo lehilahy namadika izao tontolo izao ireo' " (Asa 17:6).

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Miala Amin'ny Tsy Misy Ambara

John Schneider

Nianatra tany amin'ny sekoly Advantista aho nandritra ny androm-piainako. Mpianatra tsy mba nikomy aho tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony Advantista, fa dia nipetraka sady nofanahanam-potsiny teo. Tsy niova ny aim-panahiko rehefa niakatra tany amin'ny ambaratonga ambony kokoa aho. Lasa niha-latsaka indray aza izany. Rehefa nifarana ny taona voalohany tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony nisy

ahy, dia nanapa-kevitra hanokana ny taonako manaraka ho tonga mpianatra misionera aho.

Nampianatra tao amin'ny sekoly misionera iray nandritra ny 10 volana aho, tany amin'ny nosy kely mitoka-monina tany amin'ny faritra Pasifika. Nosy tsy dia tena manana toetr'andro mafana izy io. Mailo 1 (1,6 km) no halavan'ilay nosy nisy ahy, 275m ny sakany, ary 2,48m ny ahavony miala amin'ny ranomasina, raha ny tendrony avo indrindra no jerena. Ny 80% amin'ny mponina 15.000 tao anatiny dia latsaky ny 20 taona avokoa. Araka ny *Jeografia Iraisam-Pirenena*, dia izy io no "toerana ratsy indrindra amin'ny Pasifika." 5 isan-jaton'ny mpianatra iray manontolo no Advantista. Labiera sy sigara no nananan'izy ireo be. Nanjaka ny firaisana ara-nofo tamin'ny olona maro. Tehiala teo amin'ilay nosy ny ankabeazan'ny tanora, kanefa izay manan-karena na mahay indrindra ihany no mahavita manao izany.

Miatrika asa goavana izahay mpianatra misionera. Ahoana no fomba ahafahanay mitondra fanantenana sy antom-pisiana eo amin'ny fiainana ho an'ireo mpianatra ireo? Nandritra iny taona iny dia lasa feno fankasitrahana aho hoe azon'Andriamanitra nampiasaina ho tonga ohatra aho, ary nanorina fifandraisana izay afaka nitondra fanantenana ho an'ny sasatsasany tamin'ireo mpianatra.

Rehefa nahavita ny taona iray aho ary nody tany Orlando, Florida, dia tonga niarahaba ahy tongasoa ireo mpiray tampo tamiko. Roa andro taorian'izay dia nanosokevitra ilay zokiko lahimatoa hoe andeha ho any amin'ny toerana fitsangatsanganana izahay. Tsy nahita fifaliana firy intsony aho nandritra ny adin'ny roa nandehananay tany. Tena nifanohitra be tamin'ny fiainana izay vao nilaozako ny zavatra nandalovako tany. Tena tsy vitako ny nanolotra izay nilaina ary diso ny zavatra vitako. Milaza ny olona sasany hoe fiovana tampoka vokatry ny fifamadihana ara-kolontsaina no nahazo ahy. Ankehitriny aho dia miantso azy hoe: "Tongasoa ato amin'ny tanin'ny tsy misy ambara."

Niverina tany an-tsekoly aho rehefa tonga ny lohataona, ary nandritra ny efataona nanaraka izany dia tahaka ny niverina ho amin'ilay fiainako fahiny tany amin'ny Pasifika indray aho, toy ny Kristiana "maty kanefa nahazo aina". Lasa nofanahanampotsiny indray aho. Rehefa nahazo mari-pahaizana aho dia nanomboka nampianatra tao amin'ny sekolim-piangonana. Mpampianatra tsara aho, nanoka-tena ho an'ny mpianatro. Babangoana anefa ny fiainako manokana, tsy nisy tanjona sy antom-pisiana. Tsapako hatrany anefa hoe tsy vitako mihitsy ny manalavitra an'Andriamanitra. Ahoana moa no mampitombina izany? Izaho mampianatra ato amin'ny Sekoly Kristiana?

Nahazo tombontsoa aho satria nitady ahy i Jesosy, ary tamin'ny alalan'ny zavanitranga sasany no nahatafiditra ahy tamin'ny oniversite-Advantista, hamita "maitrise" (mari-pahaizana azo eo amin'ny taona fahadimy any amin'ny oniversite), sady nanantena hoe hahita zavatra atao hanesorana ny fahoriako, izay vokatry ny tsy fisian'ny fiainana ara-panahy angamba. Tonga tao anatin'ny kilasy izay tsy tiako natrehana aho, satria efa hitako tany amin'ny ambaratonga ambanimbany ny fampianarana nitovy tamin'izy io. Tsy ela akory dia niova ny toetrako. Iray tamin'ireo zavatra notakiana ny famakiana ny boky nitondra ny lohateny hoe: "*Finding God at Harvard" (Mahita an'Andriamanitra ao Harvard.*) Nozarain'ireo mpanoratra nandray anjara tamin'ny boky ny ady natrehan'izy ireo sy ny fomba nihazonan'i Kristy ary nanomezany fahafahana azy ireo. Nampihetsika ny foko aok'izany ilay boky. Ny fangatahana anay hihaino

horonampeo no nahatonga ahy lasa nifanerasera tamin'ireo mpandaha-teny izay niaro ny finoana Kristian'izy ireo tamin'ny alalan'ny fomba tena nahatalanjona sy nazava.

Izany indrindra no tena tiako henoina, teo amin'ny fotoana tena naha-mety azy. Nandritra ny herinandro nahazoana ireo fampianarana, dia niala tamin'ny masoko ireo sarona izay vokatry ny kolontsaina. Tafaverina ny finoana sy ny fahazavan'ny tanjona ary ny antom-pisiana. Vokatr'ireo fianarana sy ny nisokafako tamin'ny Fanahy Masina dia nanorina fifandraisana tamin'i Jesosy aho. Tsy nisy safidy hafa nahafapo intsony nony farany.

Alatsinainy: Ahoana no Maha-Zava-Dehibe Ny Fomba Fijerin'i Jesosy?

Mba tsy hahitan'ny mpiara-miasa amin'i Nikodemosy azy, izay mpampianatra sy mambran'ny mpanapaka Jiosy, dia tonga tany amin'i Jesosy niaraka tamin'ny saron-tava izy, azo antoka fa hiresaka momba ny olana ara-panahy. Tsy nizotra araka izay niheverany azy anefa ilay fifanakalozan-kevitra. Vakio ny Jaona 3:1-21.

Araha araka ny teny nanombohan'i Nikodemosy azy, iza no niheverany an'i Jesosy ary inona no tiany hahatongavana tamin'ny alalan'ny teniny?

●Iza moa izany i Jesosy?

●Inona no anton'ilay fanambaràn'i Nikodemosy?

●Inona no valiteny nasetrin'i Jesosy ny fanambaràn'i Nikodemosy, izay nahatonga an'i Nikodemosy ho gaga?

Nahatsapa hoe voaro teo anatrehan'andriamanitra i Nikodemosy, izay fanta-daza teo amin'ny fiaraha-monina sady tena nanam-pahaizana fatratra, satria amin'ny maha-Jiosy azy dia zanak'i Abrahama izy, ilay nomen'Andriamanitra tombontsoa manokana. Nilaza anefa i Jesosy fa tsy hoe hahatonga azy "hahita" ny fanjakan'Andriamanitra ny maha-taranak'i Abrahama azy ara-nofo. Nilain'i Nikodemosy ny nateraka indray, avy amin'ny loharano hafa. Ahoana no fisehon'izany fahateraham-baovao izany, araka ny voalazan'i Jesosy? Vakio ny Jaona 3:5-8.

Raha tokony hanao resaky ny manam-pahaizana tamin'i Nikodemosy i Jesosy, dia nofoanany ny fomba fijerin'i Nikodemosy, tamin'ny alalan'ny nilazany taminy hoe ny lova Jiosy sy ny fomba amam-panao manokana ara-pivavahana dia samy tsy misy vidiny eo anatrehan'ny fanjakan'Andriamanitra. Mila mibebaka sy mandalo fiovam-po tanteraka izy. Noraiketin'i Jaona an-tsoratra amin'izay ny fampianarana lalina izay nomen'i Jesosy ho an'i Nikodemosy. Ny zavatra nasetrin'i Nikodemosy izany no tsy nambaran'i Jaona tamintsika.

Tsy zavatra tsotra ny manova fomba fijery. Mila fotoana handinihana ny tombatomban'ny olona iray. Mbola niseho indroa tao amin'ny filazantsara i Nikodemosy. Raha ireo tranga roa ireo no jerena, ahoana no fomba namalian'i

Nikodemosy ny fanambaràna nanafintohina nataon'i Jesosy nony farany, nandritra iny alina nitsidihany iny? Vakio ny Jaona 7:45-52; 19:38-42.

Talata: Manala ny Sakana

Tantara vitsy ao amin'ny filazantsara ihany no nosoratana tamin'ny lahatsoratra lavalava (andininy 41), tahaka ilay tantaran'ny resaka nifanaovan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy tany Samaria. Ny famakiana izany trangan-javatra izany 2.000 taona mahery taorian'ny nitrangany, ary azo antoka hoe any amin'ny toerana an'arivony kilometatra lavitry ny nitrangany, dia midika hoe ny fomba fijerin'izao tontolo izao tamin'ny taonjato faha-21 no vakiantsika ao. Mba ahafahana mahazo izay tena zava-nitranga anefa dia ilaintsika ny mahazo ny fomba fijerin'ny Jiosy sy ny Samaritana an'izao tontolo izao tamin'ny taonjato voalohany. Vakio ny Jaona 4:4-9.

Toetra roa inona tamin'ny toetran'ilay vehivavy no naneho hoe nanala ny sakana nibahan-toerana teo amin'ny fomba fijery izao tontolo izao i Jesosy?

1.

2.

Fifanakalozan-kevitra momba ny rano no niandohan'ilay resaka. Vakio ny Jaona 4:10-15. Samy nanana rano hifanolorona na i Jesosy na ilay vehivavy. Inona no naha-samihafa ireo rano roa ireo?

Niafara tamin'ny nilazan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy hoe Izy no Mesia, ilay resaka. Notsindrian'i Jesosy nandritra ny resaka hoe mpanota ravehivavy. Inona no nasetrin-dravehivavy izany fanambaràna mivantana izany? Inoan'ny mpanao fikarohana hoe tonga teo amin'ny fatsakana ravehivavy tamin'ny fotoana tsy nisian'ny olona teo amin'ny manodidina, satria azo antoka hoe olona nolavin'ny fiaraha-monina izy. Inona fanampim-panazavana hita ao amin'ny faran'ny tantara, izay maneho ny valinteny nasetrin'ilay vehivavy an'i Jesosy? Vakio ny Jaona 4: 39-42.

Azo antoka ny filazana fa ny boky rehetra izay manazava ny fomba fampianaran'i Jesosy dia hahitana ny antsipirian-dresaka mahakasika ny fomba nampianarany io vehivavy Samaritana io avokoa. Sady nampianatra olon-kafa ihany koa Izy tamin'io fotoana io, dia ny mpianany izany. Nanao fampianarana manokana Izy, mba hanovana ny fomba fijerin'izy ireo izao tontolo izao. Tafaverina avy any amin'ny fiantsenana nataon'izy ireo ny mpianatra raha iny nifarana iny indrindra ny resaka nifanaovan'i Jesosy sy ilay vehivavy. Vakio ny Jaona 4:4, 27. Inona no antony nahatonga an'i Jesosy "nila" nandalo tao Samaria?

●Inona no fanovana nezahan'i Jesosy natao teo amin'ny fomba fijerin'ny mpianatra izao tontolo izao?

Alarobia: Avy Amin'ny Fitondrantena Ivelany Ho Amin'ny Fanovana Anatiny

Teo amin'izao tontolo izao tamin'ny andro Jesosy, dia antoko mpandala ny fomba fivavahana nentim-paharazana ny Fariseo, ary tsy nandray an'i Jesosy sy ny fampianarany. Noheverin'izy ireo hoe nanao tsinontsinona ny lalàn'i Mosesy Izy, ary matetika izy ireo no nanao fandrika teo amin'ny resaka nifanaovana, mba hanaporofoana izany. Vakio ny iray amin'ireo fihaonana nisy teo amin'i Jesosy sy ny Farsiseo ary ny mpampianatra lalàna, ao amin'ny Matio 23:1-13, 25-28. Inona no nomen'ny Fariseo sy ny mpampianatra lanja?

●Inona no zavatra izay tena nomen'i Jesosy lanja?

Ireo fitsipika ara-pivavahana maron'ireo Fariseo no nampitoetra ny olona tao anatin'ny fametraham-panontaniana amin'ny tenany, tamin'ahiahy tsy tapaka hoe: *Moa ve aho mendrika hiditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra?*

Nanomboka ny asa fitorian-teny nataony i Jesosy, tamin'ny alalan'ny hafatra hoe: " 'Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra' " (Mat 4:17). Tamin'ny ny Toriteny Lehibe tao an-Tendrombohitra izay nataon'i Jesosy, no nanazavany ny endrikendrik'io fanjakana io. Nihaino ny teniny tamim-pahagagana ireo mpianatra sy ireo vahoaka nanodidina Azy, izay nandrava ny fomba fijery izao tontolo izao noforonin'ireo mpitondra fivavahana.

Natombony tamin'ny resaka fahasambarana izany, izay antsoina hoe "Ireo Fahasambarana." (Jereo ny fizaràna "Mijery Akaiky Kokoa") Tsy misy porofo voarakitra ao amin'ny Testamenta Vaovao iray manontolo hoe nitahy olona ny Fariseo.

	Hoy ny lalàna hoe . . .	Izaho kosa milaza hoe . . .
Matio 5:21, 22	_____	_____
Matio 5:27, 28	_____	_____
Matio 5:38, 39	_____	_____
Matio 5:43, 44	_____	_____

●Hazavao ny fanovana ny fomba fijery izao tontolo izao izay nezahan'i Jesosy natao.

Alakamisy: Avy Amin'alahelo Ho Amin'ny Fifaliana

Miatrika fahadisoam-panantenana ny olombelona eo amin'ny fiainana. Rehefa avy amin'ny zavatra manan-danja indrindra eo amin'ny fiainany no hiavian'ny fahadisoam-

panantenana dia mety hiteraka fahatezerana be dia be izany. Ny nanombona an'i Jesosy dia nahatezitra ireo mpianatra ihany koa, izay nino hoe Izy no Mesia, kanefa dia nilaozany avokoa ireo izay nanara-dia Azy.

Vakio ao amin'ny Lioka 24:13-35 ny antsipirian'ny alahelon'ireo mpianatra roa izay nitaraina fatratra tamin'ny nahafatesan'i Jesosy, ary naneho ny fomba nivadihan'ny alahelo ho fifaliana.

●Inona no ivon'ny alahelon'izy ireo na ny fahdisoam-panantenany? Vakio ny andininy 14, 19-24.

●Inona no nezahan'izy ireo natao mba hanazavana ilay tranga? Vakio ny andininy 14, 25-27.

●Inona no tranga nanokatra ny mason'izy ireo? Vakio ny andininy 30, 31.

●Inona no fihetseham-pon'izy ireo teo anatrahen'izany fomba fijery ny endrika anatiny izany? Vakio ny andininy 32.

●Inona no nataon'izy ireo tamin'ilay vaovao? Vakio ny andininy 33-35.

Vonona hilaza ny fomba fijeriny sy ny fahalalany vaovao amin'ny mpianatra hafa, ireto mpianatra roa. Na izany aza anefa dia tena nahaliana ny tsy nitaterany ilay vaovao tany amin'ireo mpianatra 11. Teo am-baravarana indray aza no nahitana azy ireo niaraka tamin'ny teny hoe: ""Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo ka efa niseho tamin'i Simona." Na dia toa nandiso fanantenana kely azy ireo aza ny tsy nahavitany nanampoka ireo mpianatra 11 tamin'ilay vaovaony, ny fanandraman'i Simona sy ny fanandraman'izy ireo dia nampiorina ilay fahamarinana momba ny zavatra nandalovan'izy ireo. Nanova ny fomba fijerin'izy ireo izao tontolo izao ny fahalalany vaovao nahakasika ny Mesia.

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

1. Rehefa avy nandrava ny fomba fijerin'i Nikodemosy izao tontolo izao i Jesosy, dia ahoana no fomba namalian'i Nikodemosy izany? (Circle the letters of all that apply.)

A. Tonga mpianatra teo no ho eo izy
B. Nisaintsaina mangingina izay nolazain'i Jesosy
D. Tonga mpianatra hitan'ny rehetra taorian'ny nahafatesan'i Jesosy

2. Inona no fihetseham-po nandalovan'ilay vehivavy teo amin'ny fatsakana, rehefa nifarana ny fihaonany tamin'i Jesosy?

A. Henatra
B. Tahotra
D. Fifaliana

3. Inona no fomba fijery izay tian'i Jesosy aseho ny olona, tao amin'ny fizaràna namakiantsika momba ilay Toriteny tao an-tendrombohitra? (Farito ao anaty boribory izay valiny marina.)

A. Fialana amin'ny taratasin'ny lalàna ho amin'ny fanahin'ny lalàna

B. Fialana amin'ny fitondrantena ivelany ho amin'ny toetra anatiny

D. Fialana amin'ny fiheverana hoe tonga handrava ny lalàna Izy ho amin'ny fahafantarana hoe tonga hanatanteraka izany Izy

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Amin'ny maha-mambra vaovao anao ao amin'ny Fiangonana Advantsita Mitandrina ny Andro Fahafito, dia azo antoka hoe nandalo fiovana teo amin'ny fomba fijerinao izao tontolo izao ianao. Iza amin'ireto foto-pinoana manaraka ireto no misy fiantraikany amin'ny fomba fijerinao izao tontolo izao? (Mariho izay valiny marina rehetra.)

___ Ny finoana an'i Jesosy no hamonjena antsika fa tsy hoe vokatry ny efa nahazoantsika ny famonjena.

___ Tia antsika Andriamanitra na dia manota aza isika.

___ Tsy tonga dia mandeha any an-danitra na any amin'ny afobe avy hatrany ny olona rehefa maty.

___ Tsy handoro ny olona tsy voavonjy any amin'ny afo mirehitra mandrakizay akory Andriamanitra.

___ Mbola hotandremana hatrany ny fahamasinan'ny Sabata andro fahafito (Sabotsy).

___ Ny fananana fomba fiaina mahasalama no iray amin'ireo endrika maneho ny fanajana an'Andriamanitra.

___ Rehefa miverina eto amin'ity tany ity i Jesosy dia hanangana ny maty.

Hifanakalozy hevitra ao amin'ny vondrona mpiara-mianatra aminareo ity fanontaniana ity: Manao ahoana ny fianakaviana sy ny namana rehefa tsy mitovy hevitra amin'ny fomba fijerinao vaovao? Ahoana no fomba mendrika hamalianao izany?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Fianarana Nitondra Fanovana

Ny ankabeazan'ny fianarana ataon'ny olombelona dia tahaka ny fanovanana. Ampiantsika izay efa haintsika momba ny fandrafetana na fandrahoana sakafo, momba ny asantsika na ny fialambolintsika, momba ny maha-ray aman-dreny na ray aman-drenibe. Ny fianarana sasany kosa anefa dia toy ny fipoahana. Rehefa atambatambatra ny potiny dia tsapantsika hoe niova ny tokoa ny endrik'ilay toerana nipoahany. Io karazana fianarana mipoaka io no antsoina hoe fianarana mitondra fanovana. Ary io no

karazana fianarana izay nandalovan'ny mpianatra taorian'ny niadian'izy ireo hevitra momba ny nanomboana sy ny nitsanganan'i Jesosy.

Io ihany koa no karazana fianarana izay azo antoka fa handalovanao rehefa manomboka mazava aminao hoe iza moa i Jesosy ary inona no zavatra nataony ho anao. Izy io no fianarana izay miseho rehefa isokatra ny masonao hahita ny fifanoherana misy eo amin'ny soatoavina amin'ny kolontsainao sy ny soa toavin'Andriamanitra. Ny fianarana mitondra fanovana no amporisihan'i Paoly atao fony izy nanoratra hoe: "Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao, fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina" (Rom 12:2).

Ny fianarana mitondra fanovana dia manova ny finoana tananao na ny fanombatombananao lalina, ary indraindray hatramin'ny fomba fijerinao izao tontolo izao. Izy io no manova ny solomaso izay hijerenao ny zava-drehehtra. Noho ny maha-zava-dehibe ny fianarana mitondra fanovana dia maro ny olona izay nandalina azy io, miezaka maka sary an-tsaina ny fomba fitrangany. Ity misy fomba iray nohazavain'ny mpanabe momba ny fomba fiovantsika vokatry ny zavatra nianarantsika:*

1. Ohatra, miatrika "voina" na "olana mampikorontana" ianao, miaraka amin'ny fanandramana tena ratsy na nandiso fanantenana, na miaraka amin'ny zavatra ratsy renao na novakianao ka lasa tsy mahavita manazava na manampy anao hiaritra intsony ny fomba fijerinao.

2. Mandritra ny fotoana iray hitadiavanao valiny, dia miezaka mamaha ilay olana ianao. Miezaka mitady fanazavana ny sainao. Mety aharitra iray minitra monja izany na an-taonany maro.

3. Tonga ny fotoana mahatalanjona anao rehefa nazava tsara tampoka taminao ny hevitra anatiny fonosin'ilay olana; mahita vahaolana ianao ary mahatsapa ho maivamaivana na hoe tafaverina amin'ny laoniny indray ny tontolonao. Raha eo amin'ny sehatra ara-panahy dia eo no fotoana izay hanomezan'ny Fanahy Masina fahalalana vaovao indray.

4. Ny dingana farany dia ny fanazavana izay niseho sy fanamarinana. Ankehitriny àry, miaraka amin'ny fomba fijerinao vaovao, dia fomba vaovao indray no hanazavanao ny fiainanao, ka hafa indray ny fomba fijerinao ny fanadramanao sy ny finoanao, amin'izao fotoana izao sy tamin'ny lasa. Mijery ny hafa ihany koa ianao mba hanamarinanao ny fahamarinan'ny fahalalanao vaovao..

Azonao fantarina ve ny fanandramana nitondra fanovana izay nandalovanao? Nifanakaiky tamin'ireo dingana ireo ve ilay izy?

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

* James E. Loder, *The Transforming Moment*, 2nd Ed. (Colorado Springs, Colo.: Helmers and Howard, 1989), tt. 2-4.

●*Ny Fomba Fijery Izao Tontolo Izao:* Ny fomba fijery izao tontolo izao no solomaso hahitantsika ny tontolontsika. Hita ao anatin'izany ny fanombatombanana (na mitombina na tsia) apetratsika (na tonga saina ny amin'izany isika na tsia) momba ny fahamarinana fototra eo amin'izao tontolo izao sy ny fiainana. Raisintsika ireny fanombatombanana ireny, avy amin'ny fianakviantsika, avy amin'ny haino aman-jery, ary avy amin'ny kolontsaina izay iainantsika. Rehefa manova ny fomba fijerintsika izao tontolo izao isika, dia manova ny fomba fijerintsika ny olana iray na lehibe kokoa.

●*Samaria:* Faritra iray any avaratr'i Jodia. Ny fivavahan'ireo olona tany Samaria, antsoina hoe Samaritana, dia lasa simban'ny fironana avy amin'ny jentilisa.

●*Ilay Toriteny Tao An-Tendrombohitra:* Izy io no toriteny voalohany sy lava indrindra tamin'ireo toriteny dimy, na lahateny ampahibemaso izay nataon'i Jesosy, araka ny voarakitra ao amin'ny filzantsaran'i Matio. Milaza momba ny fanjakana izayhampidirin'i Jesosy izy io, ary maneho ny fahasamihafana misy eo amin'ny fampianarany sy ny fomba amam-panao izay noforonina hifanaraka amin'ny lalàna Jiosy. Izy io no "heverina fa idealy ambony idrindra mahakasika ny toetran'olombelona, izay tsy mbola nisy toa azy."* Ny fihetsika nasetrin'ireo olona nandre voalohany ilay Toriteny tao an-Tendrombohitra dia fahagagana vokatry ny fahefan'i Jesosy. Vakio ny Matio 7:28, 29.

Mijery Akaiky Kokoa

Ireo Fahasambarana (Mat 5:3-10)

Ao amin'ny fandraiketana an-tsoratra nataon'i Matio momba ilay Toriteny tao an-Tendrombohitra no hahitana hoe nanomboka tamin'ny fanononana fitahiana valo i Jesosy, izay antsoina hoe "Ireo Fahasambarana". Ny teny nampiasain'i Jesosy nilazana ny hoe "sambatra" dia midika hoe "hotahiana." Hita mihariary fa ny fanjakana izay noresahin'i Jesosy dia samihafa be amin'ny fanjakana izay mety misy eto amin'ity izao tontolo izao ity. Tena mahavariana ihany ny mihevitra hoe sambatra ny "malahelo am-panahy", "ory", ary izay "enjehina."

Mba ahazoana tsara ireo fahasambarana ireo araka ny tokony ho izy, dia tsy maintsy fantarinao hoe hazavain'i Jesosy eto ny momba ireo izay nandà ny zavatra omen'izao tontolo izao lanja, ary nanaiky hilefitra eo ambanin'ny sitrapon'Andriamanitra.

●Ny hoe "malahelo am-panahy" dia midika hoe tsapan'izy ireo ny fahantrany ara-panahy.

● Ny hoe "ory" dia ireo izay mitaraina noho ny amin'ny fahotany sy ny faharatsiana eto amin'izao tontolo izao.

---

*Geoffrey Bromiley, ed., *The International Baiboly Encyclopedia* (Grand Rapids, Mich.: Eerdmans, 1979), CDROM.

●Tanteraka ihany ny fahasambarana, eny fa na dia miatrika fanenjehana aza, rehefa tsapan'ny Kristiana ny fiadanana ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra.

Ny atao hoe fitahiana marina na fahasambarana, dia avy amin'ny fiarahana miaina amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Ny Maha-Advantista

Mampiasa teny samihafa ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, eo amin'ny fotoam-pivavahana tanterahany.

Antso ho eny amin'ny Alitara: Fanasana ("hanekena an'i Kristy ho Mpamonjy" hatrany) atao amin'ny olona amin'ny faran'ny toriteny, hanehoana ny fanoloran-tena amin'ny alalan'ny fandrosoana eny aloha akaikin'ny polpitra.

Fandraisana Fanasan'ny Tompo: Endrika sakafo ho fahatsiarovana ny nahafatesan'i Jesosy. Atao indray mandeha isan-telovolana izy io raha ny tena izy, hahitana toriteny fohy, fanasan-tongotra, vavaka, ary fandraisana anjara amin'ny mofo sy ny divay (ranom-boaloboka), ataon'ny mpino vita batisa rehetra.

Fanasan-Tongotra na Lalàn'ny Fanetren-tena: Fomba amam-panao hanasana ny tongotry ny mpino hafa, tafiditra ao anatin'ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo.

Sabata Faha-Teloambinifolo: Ny Sabata farany amin'ny isan-telovolana ao anatin'ny taona; marihina amin'ny alalan'ny fandaharam-potoana manokana ao anatin'ny Sekoly Sabata, handraisan'ny rehetra anjara, indrindra fa ny ankizy; fanatitra be lavitra noho ny mahazatra no omena ny tany hanaovana asa misionera amin'izany..

Lesona 6

NY LOHA-LAHARAN'ANDRIAMANITRA SY NY AHY

Inona no loha-laharana ambony indrindra amiko?
Ahoana no mampifandray ny loha-laharana eo amiko sy ny loha-laharana tian'Andriamanitra ho ahy?
Inona no tokony hataoko amin'ny fiainako?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

" 'Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be.' " (Jaona 10:10)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Rehefa misy vahiny miseho amin'ny fandaharana ifanakalozan-kevitra ao amin'ny fahitalavitra, dia misy zavatra sasany amin'izay lazainy, azo antoka fa mahatonga tehaka sy fankasitrahana avy hatrany avy amin'ny mpihaino. Iray amin'ireny fehezanteny ireny ny hoe: "Tiako ho sambatra tsotr'izao ny zanako." (Mitehaka!)

Ny fahasambarana: Tokony ho loha-laharana ambony indrindra amintsika ve ny fahasambarana? Azo antoka fa tsy hifidy ny *tsy fahasambarana* ho loha-laharana eto amin'ny fiainana mihitsy isika. Ho hitantsika ato anatin'ity lesona ity ny loha-laharan'Andriamanitra ho an'ny olombelona, ary hodinihantsika amin'izany ny hevitry ny hoe manao ahoana moa raha ataontsika loha-laharantsika ny Azy.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Nanao Asa Fanompoana Tao Anatin'ny Toeram-Pivarotana Kojakoja Madinika

Dick Gardner*

Efa ho taona iray manontolo izao no niezaka nitady toerana hiasana tany amin'ny misiona tany ivelany izy ireo kanefa tsy nisy olona nila ny fitambaran'ny fahaiza-manaon'izy ireo. Afaka niasa teny rehetra teny i Dick, niaraka tamin'ny fanandramana efa nolalovany teo amin'ny fananganana trano sy fanamboarana azy. I Pam vadiny kosa anefa dia vao nahazo mari-pahaizana teo amin'ny fitsaboana ara-batana, izay fahaiza-manao manokana ara-pahasalamana tsy dia ilaina firy any amin'ny asa atao amin'ny toerana misionera.

Moa ve ilain'Andriamanitra ny hividianantsika toeram-pivarotana kojakoja madinika? hoy izy ireo nanontany tena. Tsy dia tena nahavariana araka ny niheverana azy ny fandrenesana io fanontaniana io. Tany an-tsekoly i Dick dia efa nanao asa

* Anaram-bositra.

fikojakojana an-tselika, ho an'ny mpandraharaha iray teo an-toerana izay nanana fandraharahana madinika maro. Ny fandehanany matetika tany amin'ny toeram-pivarotana enta-madinika mba hividy kojakoja no nahatonga azy nahita ny filàna toeram-pivarotana kojakoja, izay manana tahiry betsaka aok'izany, hahitana ny fitaovana fanaovana fanamboarana mahazatra, izay misokatra mandritra ny ora maro.

Rehefa avy nandinika ny safidy maro izy sy Pam, dia nividy ny entana rehetra sy ny toerana fametrahana azy tao amin'ny toeram-pivarotana enta-madinika iray efa teo an-tanana nandritra ny 100 taona, kanefa nandalo fotoan-tsarotra ihany aloha izy ireo tamin'ny fifaninanana tamin'ireo "toeram-pivarotana lehibe" teo an-tanàna. Antonony ihany ny hofan-trano izay nomen'ilay tompon-trano azy ireo. Nakaton'izy ireo amin'izay àry ilay toeram-pivarotana nandritra ny telo volana, mba hanadiovana sy hamitana ny tafon-trano sy ny gorodona.

Ny karaman'i Pam no niveloman'izy mivady tanora nandritra ireo taona vitsivitsy voalohany. Na dia nikatona aza ilay fivarotana tamin'ny andro Sabata, dia nitombo tsikelikely ihany ilay izy. Rehefa nitady toerana nalalaka kokoa izy ireo dia novidiany ilay trano tery ampita, ary nafindrany teny ny toeram-pivarotany. Mpiasa maro no miasa ao aminy amin'izao fotoana izao.

Nanontany tena ireo izay nahafantatra an'i Dick hoe moa ve izy hikasa handany ny andro fiasany amin'ny fitantanana toeram-pivarotana kojakoja. "Nahazo mari-pahaizana tamin'ny resaka fifandrarahana ara-barotra aho. Raha toa aho ka te-hiasa eo amin'ny sehatra ara-barotra dia tsy maintsy mandeha any Chicago na New York, ary misondrotra tsikelikely ao anatin'ny orinasa iray," hoy izy. "Amiko anefa, tsy izany no fiainana. Mivelona amin'ny isan'andro isika, ary miandry izay zavatra any an-tsain'Andriamanitra."

Nohazavain'i Dick ny fomba fijeriny mahakasika ny fivarotany kojakoja madinika: "Ny hanao asa fanompoana no tena tanjonay amin'ity fivarotana ity. Ny fivarotanay kojakoja dia fanampiny fotsiny ihany. Mandany ora maro eny antsefatsefany eny izahay, hihainoana ny olona. Manampy azy ireny hahita izay tadiaviny izahay, mihaino ny olany, toy ny hoe 'Mila kojakoja hanamboarana ny toeram-pivoahana ao amiko aho kanefa tsy manam-bola", na 'Tsy milamina tsara ny tokantranoko.' Marobe mihitsy ny olona tonga mividy zavatra ao aminay hatrany, mba ahazoan'izy ireo poakatsaka maimaim-poana ary afahafahany miresaka.

"Raha izany àry no fandehany, izany hoe fivarotana kojakoja, dia tsy mahaleo ny vidiny ny sarany. Tsy ho ampy velively mihitsy ny vola azo. Misy olona mivarotra mora kokoa hatrany. Misy tombontsoa ahafahana mijoro vavolombelona foana isan'andro. Làla-mangina ahafahan'ny Tompo miara-miasa aminay io toeram-pivarotana io."

Mety ho gaga ireo mpanjifa ao amin'i Dick raha mandre ity tantara ity. Izy moa dia tovolahy tsy dia nivaky loha sy nangingina, no tonga tovolahy tena nahafinaritra.

Alatsinainy: Ny Loha-Laharan'Iza?

Raha toa ka asaina mamaritra ny lanjan'ny olombelona isika, miankina amin'ny karama izay azony eo amin'ny asa na ny andraikiny isan-karazany, dia inona no mety hisongadina ho loha-laharana ambony indrindra? Ahoana no fomba handaharanao ireto

asa manaraka ireto raha miainga amin'ny resaka karama: mpampianatra, tompondakan'ny fanatanjahantena, mpilalao sarimihetsika, mpiompy, mpitaiza zaza, mpitantsoratra, mpiasa any amin'ny toby ho an'ny mpitsoa-ponenana, mpiasan'ny orinasa vaventy. Iza amin'ireo karazan'olona rehetra voatanisa ireo no manao ny asa manandanja indrindra ho an'ny olombelona? Moa ve ireo olona izay manao ny asa manandanja indrindra, mahazo ny karama ambony indrindra?

Azo antoka fa tsy mampaninona ny milaza hoe anisan'ny iray amin'ireo loha-laharana ambony indrindra eo amin'ny olombelona ny fahazoana vola sy ny fahafahana mividy izay rehetra azon'izany. Anisan'ny loha-laharana hafa ny fahazoana sitraka avy amin'ny hafa, fahafahana mampiasa fahefana, ny fankafizana ny fifandraisana akaiky amin'ny hafa, ary ny fahafahana mihazona ny saina ny vatana ho salama.

Inona no azonao tanisaina ho loha-laharana ambony indrindra eo amin'Andriamanitra? Inoan'ny Kristiana hoe ao anatin'ny fiainan'i Jesosy no ahafahantsika mianatra bebe kokoa momba an'Andriamanitra sy ny lanjany, fa tsy avy amin'ny loharano hafa. Vao nanomboka kely ny fiainan'i Jesosy dia efa niseho ny antom-pisiany. Vakio ny Lioka 2:8-11. Oviana no nilazana ny tanjon'i Jesosy?

●Inona ilay tanjona?

Taty aoriana kely dia nohazavain'i Jesosy ny antony nahatonga ny Rainy naniraka Azy. Vakio ny Jaona 3:16. Inona no antony nanirahan'Andriamanitra an'i Jesosy tety an-tany?

●Inona no antony nolazain'i Jesosy hoe nahatongavany tety an-tany? Vakio ny Jaona 10:10.

Ny Salamo no fihirana sy bokim-bavaky ny Jiosy sy ny Kristiana an-jato taona maro. Noraiketin'izy ireo an-tsoratra tao, tamin'ny endriny tononkalo, ny valiny asetrin'ny olona an'Andriamanitra. Heniky ny fihetseham-po fanehoana fifaliana, fiderana, tahotra, hatezerana, fanantenana, fitiavana, ary finoana tao anatiny. Matetika aza moa ny Salamo iray monja dia maneho fihetseham-po maro isan-karazany. Ao amin'ny Salamo sasany no mety hahitanao olona iray miady mafy mba hanamarinany ny loha-laharany. Vakio ny Salamo 27. Inona no zavatra iray monja nangatahin'i Davida tamin'ny Tompo?

Azo antoka fa tsy midika akory izany hoe te-hijanona tao an-tempoly izy nandritra ny androm-piainany. Inona àry no mety ho hevitr'izany?

Te-hanolotra fiainana be dia be ho antsika Andriamanitra amin'izao fotoana izao sy aharitra ho mandrakizay. Araka ny hevitrao, ahoana no famaritan'Andriamanitra izany fiainana be dia be izany? Moa ve izany mitovy amin'ny fomba famaritanao azy?

Talata: Ny Fomba Fijery Maharitra

Ny fhahatakarana ny fomba famaritan'Andriamanitra ny atao hoe "fiainana be dia be" dia tokony hanomboka tamin'ny famoronana. Fony Andriamanitra nahary ny olombelona, dia inona no zavatra nosaintsaininy ho azy ireo? Vakio ny Genesisy 1:26-31.

Teo andanin'ny fanomezana izay rehetra nilain'i Adama sy Eva, dia nomen'Andriamanitra azy ireo ny fahafahana mifidy na mandà ny drafitr'Andriamanitra (Gen 2:16, 17) Inona no nanakorontana ny drafitr'Andriamanitra? Vakio ilay tantara mahatalanjona ao amin'ny Genesisy 3.

Io tantara io no manome topi-maso momba ny fomba nanovan'ny fahotana ny fifandraisan'i Adama sy Eva tamin'Andriamanitra. Mety nanao ahoana izany fifandraisana izany talohan'ny nanotan'izy ireo? Vakio ny andininy 8.

Toko roa ao amin'ny Baiboly iray manontolo ihany (Genesisy 1 sy 2) no manome antsika fampahafantarana momba ny fiainana teto an-tany talohan'ny nanovan'ny fahotana izao tontolo izao. Ary toko roa monja ihany koa (Apokalypsy 21 sy 22) no manome antsika topi-maso momba ny endriky ny fiainana *aorian'*ny famerenana indray ity tany ity ho amin'ny laoniny: Edena sy Edena nohavaozina. Ny sisa amin'ny tantara, dia ilay ampahany tena lehibe eo afovoany, no milaza ny fomba nampiasan' Andriamanitra ny drafiny, hanavotana sy hamerenana ny olombelona indray amin'ny laoniny. Izany no tena loha-laharana indrindra amin'Andriamanitra: manavotra sy mamerina indray ny olombelona amin'ny laoniny. Ny zavatra tsara hafa rehetra dia mbola mipetraka amin'ny laharana faharoa.

Rehefa niantso ny mpianany i Jesosy, dia nanasa azy ireo hiaraka Aminy amin'ny asa fanavotana sy famerenana amin'ny laoniny ataony. Inona no sary an'ohatra nampiasain'i Jesosy hanazavazavana io asa io? Vakio ny Matio 4:18-20.

Ny tanjontsika ambony indrindra dia ny hiara-miasa amin'i Jesosy amin'ny asany. Nohariana hitovy amin'ny endrik'Andriamanitra isika, ary manasa antsika i Jesosy hiaraka Aminy ao anatin'ny asany. Tokony ny fiaraha-miasa amin'Andriamanitra no loha-laharantsika ambony indrindra, eo am-panaovany asa famoronana, fanavotana, ary famerenana amin'ny laoniny. Ny fahasambarana no vokatra azo avy amin'izany. Ahoana no fomba ahafahantsika manao izany zavatra izany?

Alarobia: Loha-Laharana Tsy Mazava Tsara

Efa mahazatra antsika ireo lehilahy izay nanaiky ny fanasan'i Jesosy hanara-dia Azy mba ho tonga mpianatra roambinifolo. Nisy hafa izay te-ho tonga mpianatra ihany koa, kanefa tsy te-hanao ny fanarahana ny dian'i Jesosy ho loha-laharana teo aminy. Vakio ny Matio 19:16-26. Inona no antony ambara eto, nahatonga ilay lehilahy nanapa-kevitra tsy hanaraka an'i Jesosy?

Inona no fomba fiasa izay nampianarin'i Jesosy ny Mpianany, mifototra amin'io fihaonana tamin'io lehilahy io? Vakio ny andininy 23, 24.

Misy ohatra roa hafa farafahakeliny, momba ny olona izay tsy vonona "hamela ny zava-drehetra." Inona no fialan-tsiny izay nomen'ny tsirairay avy tamin'izy ireo ary inona no valiny nasetrin'i Jesosy izany? Vakio ny Lioka 9:59-62.

Fialan-tsiny:
Valiny Nasetrin'i Jesosy:

Fialan-tsiny:
Valiny Nasetrin'i Jesosy:

Ny fanambaràna tena nitaky zavatra be indrindra nataon'i Jesosy momba ny hahatongavana ho mpianatra dia hita ao amin'ny famaritana momba ny vidin'ny fahatongavana ho mpianatra. Vakio ny Lioka 14:25-33. Endrey izany tsy nitovian'i Jesosy tamin'ireo mpivarotra môderina! Tsy nohamoramorainy tsotr'izao ny zavatra sarotra. Nasainy nanisa ny sandany ny olona. Tao amin'ny fampianaran'i Jesosy no nanaovany fanambaràna mahagaga momba ny fifandraisana. Inona izany fanambaràna izany? Vakio ny andininy 26.

Ahoana no mampifanaraka io fanambaràna io amin'ny zavatra fantatrao momba an'i Jesosy? Jereo ny Fanazavana Fanampiny amin'ity lesona ity.

Tsy mitovy ny sandan'ny maha-mpianatra eo amin'ny olon-drehetra. Ny loha-laharana no tena nimasohan'i Jesosy. Tsy manohitra ny harena akory Izy; fa toheriny kosa ny fanaovan'ny olona ny harena ho loha-laharana ambony indrindra. Tsy manohitra ny fifandraisana akaiky misy eo amin'ny olona akory Izy; fa toheriny kosa ny fananan'ny olona fifandraisana manan-danja lavitra noho ny fifandraisana aminy.

Tamin'ilay toriteny tao an-tendrombohitra no nanazavan'i Jesosy momba ny fifandraisan'ny loha-laharana sy ny filàn'ny olombelona. Inona no fifandraisany? Vakio ny Matio 6:31-34.

Alakamisy: Hianako Toy Ny Ahy Ny Loha-Laharan'andriamanitra

Fantatr'i Dietrich Bonhoeffer ny sandan'ny maha-mpianatra. Nandoa ny sandany feno izy rehefa novonoina noho ny amin'ny finoany tamin'ny taona 1945. Taloha kelin'izay no nanoratany ny: "Ny maha-Kristiana tsy misy maha-mpianatra dia maha-kristiana tsy misy an'i Kristy hatrany."*

Hanova ny fiainanao ny fanarahana an'i Jesosy Kristy, tsy hoe vokatry ny fanapahan-kevitra tokana nanaitra hanaraka Azy, fa vokatry ny fianaranao bebe kokoa momba ny fitiavany anao isan'andro sy ny sitrapony ho an'ny fiainanao. Amin'ny maha-mpianatra manaraka an'i Jesosy anao, ary mpiara-miasa Aminy eo amin'ny iraka

* Dietrich Bonhoeffer, *The Cost of Discipleship* (Norwich, England: SCM Press, 2001), t. 17.

ampanaoviny, dia ho fantatrao fa ny lasa manome lanja ny fiainanao ny fanompoana ny hafa. "Ny fanompoana ny hafa" no fomba tsotra hilazana amin'ny kapobeny hoe manampy amin'ny fanavotana sy ny famerenana ny olona, ny fikambanana, ny lalàna, sns. amin'ny laoniny ianao, eny hatramin'ny zavatra eo anivon'ny natiora aza, ary manao izany rehetra izany miaraka amin'ny hery mahay mamorona izay anananao amin'ny maha-olona nohariana anao hifanaraka amin'ny endrik'Andriamanitra.

Mampametraka ity fanontaniana ity hatrany ny fahazoana izany tanjona izany: "Inona no tokony ataoko amin'ny fiainako?" Nanazava momba io olana io i Jesosy rehefa namaly ny fanontaniana napetraky ny olona iray momba ny fomba ahazoana ny fiainana mandrakizay. Vakio ny Matio 22:37-40. Araka io fanambaràna io, inona no tokony avelan'ny safidinao ataonao?

Ireo zavatra roa tsy misaraka mahakasika ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny olombelona ireo dia fampahatsiahivana ny tenin'ny mpaminany Mika ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny antom-piainany. Inona no teny nampiasain'i Mika? Vakio ny Mika 6:8

Mampitahotra anao ve ny fahalalana fa ilay antson'i Jesosy aminao hanaraka Azy dia hitondra anao any amin'ny toerana tsy tianao aleha? Tamin'ny alalan'ireto teny mora tadidiana ireto no nanehoan'i Frederick Buechner ny fomba fijeriny ny asa eoamin'ny fiainana maha-Kristiana: "Ny karazan'asa izay asain'Andriamanitra ataonao hatrany dia ny karazan'asa izay tena ilainao atao indrindra ary tena ilain'izao tontolo izao vitaina indrindra. . . . . Ny toerana iantsoan'Andriamanitra anao dia toerana hihaonan'ny fifalianao lalina sy ny zavatra tena mampangetaheta izao tontolo izao."[*] Eo ano hahitanao fiainana be dia be tokoa.

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Mariho izay valiny rehetra mifanaraka amin'ireto fanontaniana roa manaraka ireto:

1. Inona no andraikitra sy tombontsoa nomen'Andriamanitra an'i Adama sy Eva tany am-piandohana?
   ____ Manjaka amin'ny biby sy ny zava-manan'aina rehetra
   ____ Mikarakara ny voly
   ____ Manorina trano
   ____ Miresaka mifanatri-tava amin'Andriamanitra

2. Araka ny tenin'i Jesosy, inona matetika no misakana ny olona tsy hanaraka Azy?
   ____ Tsy dia tena fantatr'izy ireny Izy.
   ____ Ny fifandraisan'izy ireny amin'ny fianakaviana no ataony ambony noho ny fifandraisany Aminy.

[*] Frederick Buechner, *Wishful Thinking: A Theological ABC* (New York: Harper & Row, 1973), p. 95.

____ Mitoky amin'ny harena ananany ny olona, mihoatra noho ny fitokiany amin'iJesosy.

____ Mpanota ny olona.

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Moa ve efa novanao ny loha-laharanao hatramin'ny nanombohanao na nanavaozanao ny ny fiarahanao nandeha tamin'i Jesosy? Mariho eto amin'ity lisitra eto ambany ity ny loha-laharana izay novainao na kasainao ovaina.

____ Ny fomba fitantanako ny volako

____ Ny olona fidiko iarahana

____ Tokony hiova asa aho na tokony hovaiko ny fomba fiasako

____ Ny habetsahan'ny fotoana laniako amin'ny haino aman-jery (internet, fahitalavitra, sarimihetsika, sns.).

Ampitomboy ny Fahalalanao

Loha-laharana inona eo aminao no asehon'ny fomba fampiasanao fotoana? Araho maso tsara ny fotoana lanianao amin'ny asa rehetra ataonao mandritra ity herinandro ity. Mampiasà sokajy ary raiso an-tsoratra ny ora lany amin'izany. Ohatra, anisan'ny sokajinao ny fisakafoanana, fatoriana, fotoana fiarahana amin-janaka, fotoana fiarahana amin'ny vady, fotoana fiarahana amin'ny hafa, asa, kenonkenona ao an-tokantrano, fanoloran-tena, fanazarantena, "internet", fahitalavitra, dia lavitra, sns. Ivereno jerena ireo fizaram-potoana rehefa mifarana ny herinandro ary fantaro hoe inona no ambarany momba ny loha-laharanao?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana<http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Inona No Tokony Ataoko Amin'ny Fiainako?

Inona no fanontaniana manan-danja indrindra izay tsy maintsy valian'ny olombelona? Izao angamba: "*Inona no tokony ataoko amin'ny fiainako?"* Tafiditra ao anatin'io fanontaniana io ny fanontaniana maro hafa izay tsy maintsy valiana eny an-dalana eny. Ahoana no tokony hamaliako an'i Jesosy? Tokony hanambady ve aho? Raha eny, iza? Fahaiza-manao na asa inona no tokony fidiko?

Tsy dia tena voavalin'ny olona iray eo amin'ny fahatanorany io fanontaniana io. Eo amin'ny faha-40 taona izy io vao tena miseho, ary antsoina matetika hoe maneho ny "ady mafy atrehina eo amin'ny fisasahan'ny taona iainana", amin'ny fotoana ahatsapan'ny olona hoe efa nifarana ny atsasaky ny fahaveloman'ny tenany. Tsy miala

mihitsy anefa io fanontaniana io fa miverimberina hatrany miaraka fahasamihafana kely rehefa tonga ny fahanterana: inona no tokony ataoko amin'ny andro *sisa* iainako?

Ny mpino vaovao ihany koa dia miatrika ny fanontaniana hoe: "*Inona no tokony ataoko amin'ny fiainako?"* rehefa mihaona amin'i Jesosy ary manomboka manaraka Azy. Entin'ilay fahateraham-baovao miaraka amin'izany ny tanjona vaovao, soatoavina vaovao, ary fomba fijery vaovao eo amin'ny fiainana. Amin'ny maha-mpino vaovao anao dia mety mila tari-dalana ianao ny amin'ny fomba iatrehana io fanontaniana tena manan-danja io.

Taona vitsy lasa izay no nanapahan'i Po Bronson hevitra hanao fanadihadiana amin'ny olona izay niova asa rehefa avy nandalina na nanao asa hafa. Na dia avy amin'ny fomba fijerinao amin'ny maha-izao tontolo izao aza no nanoratany ilay boky, dia hita fa ny fahitany ny atao hoe "antso" na fahaizana ara-boajanahary no nahery vaika teo amin'ny ankamaroan'ny tantaran'olona maherin'ny 50 notantarainy.[*] Ny zavatra nianarany momba ny fomba namantaran'ny olona ny fahaiza-manaon'izy ireny no manazava ny fomba hampahafantaran'Andriamanitra amintsika matetika ny fahaiza-manaontsika, izany hoe ny zavatra tokony ataontsika eo amin'ny fiainana.

●Tsy misy lisitry ny asa ambony. Ho an'ny Kristiana dia mety ho antso avokoa ny asa madio rehetra, rehefa hiadidiana amin'ny Asa fanompoana azy.

●Heverin'ny olona hoe mbola hazava tsara aminy ny antso niantsoana azy indray andro any. Ho an'ny ankabeazan'ny olona dia efa mivelatra tsikelikely mifanaraka amin'ny fotoana eny ny antso niantsoana azy.

●Ny zavatra mahaliana sy ny fanandramana efa nandalovanao no mety hanome fanampiana anao ahafahano manomboka ny fiezahana mamantatra izany.

Raha toa ka very noho ny amin'ny fitandremanao ny Sabata ny asanao, na noho ny fanoloran-tena ho an'i Kristy, dia afaka mahazo hery amin'ny alalan'ny fahatokian'Andriamanitra ianao, ary ho hitanao fa ny fihaikana izay natrehinao no mety hitondra anao ho amin'ny zavatra manan-danja kokoa.

Nohazavain'i Bronson ny zavatra manome fahazotoana ho an'ny olona mba hanaovany fanovana eo amin'ny fiainany. "Hitako fa eo amin'ny fotoan-tsarotra matetika no hanovan'ny olona ny làlam-piainany; amin'ny fotoana mampilamina azy indray no iresahiny fotsiny momba ny fiovana. Manery azy ireo handresy ny ahiahy ny fotoan-tsarotra, izay mahatonga azy ireo hisaintsaina kely aloha. Mahagaga ahy hoe impiry moa isika no tsy miroso raha tsy efa tsy manan-tsafidy intsony. Noho izany dia mijaly ireo olona eto, vokatry ny fanalana mpiasa satria tsy dia misy asa firy, fitotonganan'ny orinasa, fisaraham-panambadiana, fandroahana hiala amin'ny tokantrano, aretina, ary fahafatesan'ny havana malala, ary vokatr'izany dia misalasala ny amin'ny fiainana tsaratsara kokoa izy ireo, satria drafitra tsara omana no hahatongavany amin'izany."[†]

---

[*] Po Bronson , *What Should I Do With My Life: The True Story of People Who Answered the Ultimate-Question* (New York: Random House, 2002).

[†] p. *xv*

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Endrik'Andriamanitra:* Mifanohitra amin'ny foto-pampianarana mahakasika ny fivoarana miandalana, tsy vitan'ny hoe endrika biby ambony indrindra fotsiny ihany hono ny olombelona. Mitovy amin'Andriamanitra isika. Tsy dia tena mbola azo tsara ny zavatra mandrafitra io fitoviana io, hitantsika ao amin'ny Genesisy kanefa dia efa nomen'Andriamanitra fahafahana manjaka, fahafahana mieritreritra sy mamorona, ary manana fifandraisana Aminy sy amin'ny hafa ny olombelona, ary fahafahana misafidy. Nanazava bebe kokoa ny momba izany i Paoly. (Jereo ny "Mamerina amin'ny laoniny" etsy ambany.)

●*Manavotra:* Tamin'ny alalan'ny fahafatesan'i Kristy noho ny amin'ny fahotantsika no hamerenana antsika indray amin'ny fifandraisana tena marina miaraka amin' Andriamanitra.

●*Mamerina amin'ny Laoniny:* "Ny dingana ho amin'ny famonjena antsika dia manala "tena taloha" ary mamorona "tena vaovao." Niresaka momba io maha-olom-baovao io i Paoly, ho toy ny olona iray nohavaozina teo amin'ny ara-pahalalana, ara-pahamasinana, ary ara-pahamarinana (Kol 3:10; Efes 4:21-24). . . . Noho izany dia azontsika lazaina hoe ilay endrik'Andriamanitra tany am-piandohana dia mety voarafitry ny fahalalana, fahamasinana, ary fahamarinana."*

Mijery Akaiky Kokoa

"Teny Mahery"

Rehefa nilaza i Jesosy hoe tsy afaka ny ho tonga mpianany isika raha tsy " 'mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany sy ny rahalahiny sy ny anabaviny' " (Lioka 14:26), dia tena manimba tokoa ny sofintsika amin'izao fotoana izao ny fandrenesana azy.

Mba hahatakarana ny fampianarany dia tsy maintsy jerentsika hoe ny olona tamin'ny andron'i Jesosy dia mety nanana fomba fanehoan-kevitra samihafa amin'ny antsika. Izao no nolazain'i Jesosy ao amin'ny Lioka 16:13: " 'Tsy misy mpanompo mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny.' " Ambaran'i Jesosy amintsika ao

* Jaona M. Fowler, *Handbook of SDA Theology*, (Hagerstown, Md.: Review & Herald Publishing Association, 2000),p. 235.

amin'ireo andininy roa ireo hoe tsy mitombina ny fahafahana manompo tompo roa. Tsy maintsy ny iray ihany no atao loha-laharana, ary Izy izany Iray izany.

"Ny olona izay manolotra ny tenany ho an'i Kristy dia mampivelatra fitiavana ho an'ny mpiaramonina sy ny fianakaviana, na dia amin'ny fotoana mahatonga ny fitiavana sy ny fanarahana an'i Kristy heverina ho toy ny fandavana, tsy fanekena, na fankahalana aza izany, raha toa ilay fianakaviana ka tsy mitovy hevitra aminao amin'ilay fanoloran-tena ho an'i Kristy."*

Ny Maha-Advantista

Fanafohizan-Teny Fahita Matetika

ABC: Adventist Book Center (Toeram-Pivarotam-Boky Advantsita)

AFM: Adventist Frontier Missions (Faritry ny Misiona Advantista)

ADRA: Adventist Development and Relief Agency (Ivon-toerana Fampandrosoana sy Fanampiana Advantista)

ASI: Adventist-laymen's Services and Industries (Asa sy Orinasan'ny Laika Advantista)

JA: Jeunesse Adventiste-(Any amin'ny fiangonana sasany dia isaky ny Sabata hariva ny fivorian'ny JA)

GC: General Conference of Seventh-day Adventists (Foibe Maneran-Tanin'ny Fiangonana Advantista)

NAD: North American Division of Seventh-day Adventists (Diviziona Amerika Varatry Ny Fiangonana Advantitsa Mitandrina Ny Andro Fahafito)

* Robert H. Stein, *The New American Commentary* (Nashville: Baptist Sunday School Board, 2002).

Lesona 7

NY FIAINANA AMIN'NY MAHA-MPIANATRA VAOVAO

Ahoana no hiatrehako ireo fiovana lehibe teo amin'ny fiainako, izay vokatry ny nahatonga ahy ho mpianatra?
Inona no dikan'ireny fiovana ireny teo amin'ny filazako ny momba an'i Jesosy amin'ny namako?
Koa satria efa tonga mpianatra aho ankehitriny, dia hiala avokoa izany ny olana eo amin'ny fiainana?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

" 'Modia ihany any an-tranonao, ka lazao aminy ny zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao.' " (Marka 5:19)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Ny fanombohana ny dia miaraka amin'i Jesosy dia fanandramana iray mahafeno fihetseham-po. Tahaka ny fahaterahana ara-batana, ny fahaterahana ara-panahy ihany koa dia sady mitondra fanaintainana no mitondra fifaliana be. Misy ny fanaintainana vokatry ny fahafatesan'ny tena fahiny, izay miteraka fahaverezan'ny fahazarana fahiny matetika, eo amin'ny fifandraisana niova teo amin'ny fianakaviana, ary eo amin'ny olana ara-kasa ihany koa angamba. Dia tonga amin'izay ny fifaliana amin'ny maha-tena vaovao ao amin'i Kristy, hahitana famelan-keloka sy fiadanana miaraka amin'Andriamanitra, tanjona vaovao eo amin'ny fiainana, faniriana hanana fiainana be kokoa, fanovana ny fomba fijery, izay hahitana ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny solomason'ny Tenin'Andriamanitra. Araka ny nosoratan'i Dickens tao amin'ny lohahevitra iray indray mandeha hoe: "Izy no tsara indrindra amin'ny fotoana rehetra; izy io no ratsy indrindra amin'ny fotoana rehetra; . . . ." Atrehintsika ao anatin'ny lesona mandritra ity herinandro ity ny tena zava-misy, rehefa mijery ny fanovana entin'i Jesosy eo amin'ny fiainan'ny olona isika, fony Izy nandeha teto amin'ity tany ity.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Nahita an'i Jesosy tao Anatin'ny Fivorian'ny Kilasinay

Carolyn Wilson*

Tsy nanana olana tamin'ny foto-pinoana aho; lasa nihataka tamin'ny fiangonana tsotr'izao aho. Tsy fantatry ny tenako manokana i Jesosy. Samy mambran'ny fiangonana

* Anaram-bositra

Advantista izaho sy ny vadiko fony izahay natao mariazy. Nanan-janaka roa lahy tamin'ny vadiny taloha izy, ary zanaka roa vavy no tena niraisanay.

Asa roa samihafa no nosahaninay: toeram-pivarotana fiara vaventy fitondra eny amin'ny lalam-pasika, ary mpampindrana sarimihetsika. Samy nisokatra nandritra ny fito andro tao anatin'ny herinandro izy roa ireo. Asa foana ny fiainanay. Mandeha manao faran'ny herinandro any amin'ny reniko ny zanakay vavy, ary entiny any amin'ny Sekoly Sabata izy roa. Matetika izy roa vavy no miangavy ahy hiaraka amin'izy ireo. Nandeha àry aho indray mandeha, ary nanoratra taratasy kely ho ahy ny vadiko nilaza hoe tsy maintsy mifidy aho hoe ho any am-piangonana sa hiara-miasa aminy. Nonina tao anatin'ny fiaraha-monina Advantista izahay nandritra ny 22 taona, kanefa kosa tsy tena Advantista.

Taty aoriana kely dia nikarakara fivorian'ny maintimolaly ilay sekoly ambaratonga ambony Advantista izay nisy ahy teo amin'ny fahatanorako, ary feno 25 taona amin'ity taona ity ny kilasinay. Na dia efa tsy nifandray tamin'ireo mpiara-mianatra tamiko fahiny intsony aza aho, dia nahatsapa ho tena voaray tsara tokoa tao anatin'ny fivorian'ny maintimolalinay. Niara-nivory tamin'ny toerana mangina ny kilasinay, ary samy namoaka ny tora-pony teo avokoa ny rehetra. Nanomana ahy ny Fanahy Masina tamin'io fotoana io, satria tsy feno mantsy ny fiainako manokana. Nihaona tamin'i Jesosy aho tamin'io faran'ny herinandro io. Lasa tena zava-nisy ny fitiavan' Andriamanitra ho ahy.

Nanasa ahy hanatrika ny kilasin'ny Sekoly Sabatany ny namana iray. Tsy ela akory aho dia nividy Baiboly tsara tarehy. Nentiko nody ilay izy ary nipetraka teo amin'ny seza akaikin'ny latabatra aho ka namadika ireo pejy tsirairay avy mba hampisaraka ilay ranom-bolamena tamin'ny sisiny. Nihetsi-po aok'izany aho rehefa nisaintsaina hoe hanomboka handinika ny Tenin'Andriamanitra.

Hitan'ny vadiko ny fiovana be nisy teo amiko sy ny fahasambarako. Telo na efatra herinandro taty aoriana dia nanomboka nanatrika ny Sekoly Sabata ihany koa izy. Teo amin'izay no nanomboka ny olanay. Rehefa nanomboka nankany am-piangonana izy, dia tsy maintsy nakatona ny tsenanay. Atsasak'adiny aorian'ny filentehan'ny masoandro ny Sabotsy no sokafanay amin'izay ny tsena. Milahatra aok'izany ny olona eo am-baravarana miandry hiditra ao anatiny. Izahay irery no mpampanofa sarimihetsika teo an-tanàna tamin'izany fotoana izany, ary nanana sarimihetsika maro aza nisafidianana izahay.

Taty aoriana kely dia tsy nampindrana sarimihetsika mamoafady intsony izahay. Nodoranay avokoa izy rehetra. Nanomboka nanontany tena momba ny sarimihetsika feno herisetra ihany koa izahay. Te-handoro azy ireny ihany koa izahay mivady, kanefa heveriko hoe tokony hamidy ihany izy ireny mba hampiverina ny ampahany amin'ny volanay. Nesorinay teo amin'ny toerana fampirantiana azy izy ireny, ary tsy nataonay na inona na inona.

Tao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ny leson'ny Sekoly Sabata tamin'izay fotoana izay. Rehefa namaky ny momba ireo Kristiana vaovao izahay, izay nandoro ny horonam-bokiny momba ny filalaovana ody ratsy ampahibemaso, dia fantatray amin'izay ny zavatra tsy maintsy nataonay. Nodoranay ihany koa ireo horonan-tsarimihetsika feno herisetra, nitentina ho 100.000 dôlara teo ho eo.

Niha-nitontongana ny asa. Tezitra ny olona. Tsy nanana sarimihetsika marobe hisafidianana intsony izahay, ary nikatona ny fivarotana rehefa Sabata ny andro. Lasa nandeha niasa tany amin'ny toeran-kafa mpampindrana sarimihetsika ilay zanakay vavy izay niara-niasa taminay tao ihany koa. Tsy niverin-dalana intsony izahay tamin'ity indray mitoraka ity. Volana vitsivitsy taty aoriana dia nakatonay ny asa mahakasika ny sarimihetsika.

Alatsinainy: Fanandramana Nahatalanjona

Ny batisan'ny olona iray no iray amin'ireo kihon-dalana eo amin'ny fiainany, izay tadidiny tsara hatramin'ny tsipiriany ny fitrangany, eny hatramin'ilay daty manokana ihany koa aza. Raha vao haingana ianao no vita batisa, na atao batisa ato ho ato, na vao nanavao ny fanoloran-tenanao tamin'ny batisa, dia mety ho tsapanao ny fifaliana vokatry ny fifandraisana vaovao amin'i Jesosy.

Izany no fahateraham-baovao. Amin'ny fijery vaovao no hijerenao izao tontolo izao sy ny fiainanao manokana. Manome fiainam-baovao ho anao i Jesosy, ary na dia mbola "zaza" ao amin'io fiainam-baovao io aza ianao, dia manana finoana sy fanantenana ny amin'ny ho avy atrehinao.

Na izany aza anefa, io tranga io dia mety tsy haneho ny zavatra rehetra izay holalovanao. Inona moa no mitranga raha toa ka miha-mitombo ny korontana sy fakam-panahy nanomboka tamin'ny nanoloranao ny fiainanao ho an'i Jesosy? Moa ve tsy tena vokatry ny fo ny fanoloran-tena nataonao? Moa ve tsy mahatoky aminao i Jesosy? Nahitana singa tsy nampoizina ny fanandramana nolalovan'i Jesosy teo amin'ny batisany. Vakio ny Matio 3:13-17. Inona no fanambaràna mahery naneho ny fankasitrahan'Andriamanitra izay noraisin'i Jesosy tamin'ny batisany?

Azo antoka fa io fanandramana lehibe tamin'ny fotoana nanaovana batisa an'i Jesosy io, dia vita vato fantsika lalina ao an-tsainy nandritra ny androm-piainany iray manontolo. Tsy niaro Azy tamin'ny fakam-panahy na ny korontana anefa io kihon-dalana lehibe io. Mariho ny zava-nitranga raha vantany vao vita batisa Izy; hoy i Marka hoe "niaraka tamin'izay" (1:12). Vakio ny Matio 4:1-11.

●Inona no nampazoto an'i Jesosy ho any an'efitra? Vakio ny andininy 1.

●Inona no teny roa mitovy izay nampiasain'ny devoly tamin'ireo fakam-panahy roa voalohany ireo? Vakio ny andininy 3, 6.

Natao hampitsiry ahiahy tao an-tsain'i Jesosy ireo teny ireo, mahakasika ny maha-Izy Azy ny Tenany sy ny iraka manokana nampanaovina Azy. Mariho ilay anarana izay tian'ny devoly hanakiviana Azy. Tamin'ny fotoana nanaovana batisa an'i Jesosy, dia inona no anarana izay nomen'ilay "feo avy any an-danitra" an'i Jesosy? Vakio ny Matio 3:17.

Raha toa i Jesosy ka nanaiky ny fihaikana nataon'ny devoly dia nisalasala ny amin'ny Tenin'Andriamanitra izany Izy. Moa ve ny fakam-panahy sy ny korontana izay

atrehinao amin'izao fotoana izao natao hampanahy anao momba ny Tenin' Andriamanitra na ny fanoloran-tenanao ho Azy?

40 andro taorian'ny nifadiany hanina dia nalaim-panahy hiasa irery tsy hiankina tamin-dRainy i Jesosy, mba ahazoany sakafo ho an'ny Tenany, ary izany no porofo fa nikarakara Azy Andriamanitra, ary niandraikitra ny fanomezana ny hery sy ny fananana rehetra izay omena amin'izao tontolo izao. Tsy niala an-daharana anefa Izy. Inona no fitaovana nampiasain'i Jesosy hiatrehana ny fakam-panahy? Vakio ny andininy 4, 6, 10.

●Inona no tsy maintsy ataonao mba hahatonga io fitaovana io ho azon'ny tenanao ampiasaina?

Talata: Manova Olona ny Fihaonana amin'i Jesosy

Tsy hidian-kevitra fa ilay tantaran'i Zakaiosy no tantara mahafinaritra indrindra ny ankizy. Tovolahy fohy kely i Zakaiosy, izay nanana olana tamin'ny fitazanana tao anatin'ny vahoaka maro, kanefa dia novahany tamin'ny alalan'ny fahaizany ilay olana. Ilay naha-fohy azy no tena hifantohan'ny sain'ny ankizy; ho an'ny lehibe kosa dia hahitana heviny lalina ilay tantara, momba ny fiovan'ny fiainana vokatry ny fihaonana tamin'i Jesosy. Vakio ny Lioka 19:1-9. Inona no zavatra nirian'i Zakaiosy?

Haintsika amin'ny tranga nanaraka teo fa ny fanirian'i Zakaiosy dia tsy vokatry ny fitiavany hahita zavatra fotsiny, fa nametraka ilay fanontaniana fototra fametraky ny mpianatra ihany koa izy: "Iza moa Ianao ry Jesosy?" Taorian'ny nihaonany tamin'i Jesosy sy niarahany nisakafo taminy dia namaly ilay fanontaniana faharoa i Zakaiosy nanao hoe: "Inona no tianao hataoko?" na dia tsy voarakitra ao aza hoe nampianatra azy i Jesosy, dia inona no fanoloran-tena lehibe nataon'i Zakaiosy?

1.

2.

●Inona no fihetseham-po toa hita ao anatin'ny fanambaràny? Vakio ny andininy 8.

●Nanao ahoana ny fihetseham-pon'i Jesosy? Vakio ny andininy 9, 10.

Misy tantara kely momba ny lehilahy iray nantsoin'i Jesosy ho tonga mpianatra ihany koa, izay maneho ny fihetsika asehon'ny olona iray rehefa tonga mpanara-dia an'i Jesosy izy. Vakio ny momba an'i Levy Matio ao amin'ny Lioka 5:27-31. Inona no nataony hanomezam-boninahitra an'i Jesosy?

●Iza no nasainy tamin'io hetsika io?

Tsy nankasitrahan'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny lisitr'ireo olona nasaina. Raha amin'ny kolontsaina amin'izao fotoana izao, ny teny hoe "mpamory hetra" sy "mpanota" dia tsy mitovy amin'ny heviny tena ratsy tamin'ny andron'i Jesosy. Moa ve azo antoka hoe nandà ny tsikera nataon'izy ireo tamin'io fanambaràna io Jesosy? Vakio ny Lioka 5:32.

Ao anatin'ny iray amin'ireo tantara ireo no hahitantsika lehilahy iray nandalo fanovana lehibe teo amin'ny fiainany, anisan'izany ny fanitsiana ny lasa tsy nety teo amin'ny fiainany, vokatry ny fihaonany tamin'i Jesosy. Ao anatin'ny tantaran'i Zakaiosy sy Levy, ny nifandraisan'izy ireo tamin'i Jesosy dia nitarika azy ireo ho amin'ny fanomanana sakafo ary fampahafantarana amim-pifaliana ireo namany, tamin'i Jesosy.

Alarobia: Miova Tompo

Isaky ny misy olona tonga manatona an'i Jesosy miaraka amin'ny saina sy fo misokatra, dia voaova izy ireny. Iray amin'ireo tantara nanaitra indrindra mahakasika ny fiovam-po no nitranga tany amin'ny tanin'ny jentilisa, tany amin'ny faritra iray nitoka-monina tao anatin'ny tanànan'i Dekapolisy. Ao amin'ny Marka 5:1-20 no hahitana izany. Vakio indroa ny tantara, ary rehefa mamaky azy fanindroany ianao dia ezaho alaina sary an-tsaina ny endriky ny zava-nitranga.

Nitoeran'ny "fanahy ratsy" ilay lehilahy ao amin'io tantara io. Ilay fanahy ratsy mihitsy no miteny hoe misy fanahy ratsy maro no velona ao anatin-dralehilahy. Nanao ahoana ny famaboan'ilay na ireo fanahy ratsy tanteraka an-dralehilahy?

Nanao ahoana ny fahafenoan'ny fahasitranan-dralehilahy, inona no fahasamihafana nanjary niseho teo amin'ny sainy sy ny fitondrantenany? Vakio ny andininy 14, 15.

●Inona no fihetsika voamarika teo amin'ireo olona nipetraka tamin'io faritra io? Vakio ny andininy 15.

●Araka ny hevitrao, inona no namporisika azy ireo hanao izany?

●Zavatra hafa no napetraky ny olona, hanindry ny tombam-bidin'ny fiainan'ny olombelona. Inona no porofo maneho hoe manana loha-laharana toy izany ihany koa ny olona amin'izao fotoana izao?

●Rehefa niakatra tao an-tsambo i Jesosy fa handeha, dia niangavy fatratra hanaraka Azy ilay lehilahy nitoeran'ny devoly. Inona no valiteny tsy nampoizina nataon'i Jesosy taminy? Vakio ny andininy 19.

●Araka ny hevitrao, inona no mety nitranga raha toa ka nanara-dia an'i Jesosy tany amin'ny dia nataony nanerana ny tanin'ny Jiosy io jentilisa io?

●Nanao araka izay nolazain'i Jesosy ralehilahy, ary inona no vokany? Vakio ny andininy 20.

●Tamin'ny lafiny inona izany no tena "nanarahan-" dralehilahy an'i Jesosy?

Alakamisy: Ny Herin'ny Resaka Ara-Bola

Na dia amin'ny kolontsaina sy fivavahana samihafa amin'izao fotoana izao aza, dia maro ireo tsy kristiana fantatra fa vonona hilaza hoe i Jesosy no mpampianatra ara-moraly lehibe indrindra, ilay tokana nitory fitiavana sy "lalàm-bolamena." Inona àry izany no antony nahatonga ny filazantsaran'i Jesosy hiteraka fankahalana sy fanoherana matetika? Mety hanampy amin'ny fanazavana io ampahany io ny ohatra iray tamin'ireo fanandraman'i Paoly fony izy nandeha nitory tany Azia. Vakio indroa ny momba ny tranga niseho tany Efesosy ao amin'ny Asa 19:23-41. Iza moa i Demetrio?

Inona no tahotra vokatry ny fitorian-teny nataon'i Paoly sy ny namany ho an'i Demetrio sy ireo mpanefy namany?

Ny vahaolana izay nandraman'i Demetrio dia ny fananganana ady sy fandroahana ireto evanjelistra ho any ivelan'ny tanàna. Raha toa izy ka nandeha tany amin'ny olona sy nilaza tamin'izy ireo hoe voatohintohina ny fidiram-bolany (sy ny an'ireo mpanefy volafotsy sasany izay niaraka taminy), dia mety nanoaka fotsiny ny olona sady nilaza hoe: "Mampalahelo ahy izany." Inona kosa no hevitra nandreseny lahatra azy? Vakio ny andininy 26, 27.

Rahefa nampiarahan'i Demetrio tamin'ny olana teo amin'ny filaminam-bahoaka ny olany ara-bola, dia niteraka hery nahavita nanangana ady izany. Inona no vokatr'izany teo amin'ny asan'i Paoly sy ireo mpanaraka azy?

● Inona no fanambaràna nataon'ny mpanoratra mahakasika ireto mpikomy? Vakio ny andininy 32.

Tsy navelan'ny mpianatra hiroso teo anatrehan'ny mpivory i Paoly mba hampangina azy ireo, satria nanahy ny fianany izy ireo. Nasain'izy ireo niaro azy faingana i Aleksandro, izay nitondra vokany nahafa-po. Nony farany dia nisy fanampiana avy amin'ny loharano tsy nampoizina. Vakio ny andininy 35-40. Iza no nampangina ny vahoaka?

● Inona no fanambarana nandresy lahatra avy aminy?

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Ataovy anaty boribory izay valiny marina.

1. Raha vao vita batisa ny olona iray, dia antenainy hanao ahoana ny fiainany?
   A. Tsy misy intsony ny olana ara-bola.
   B. Tsy misy intsony ny olana ara-pifaneraseràna
   D. Mitohy hatrany ny olana sy ny fakam-panahy
   E. Mitombo ny fandresena fahotana satria miankina amin'i Jesosy izy

2. Ao anatin'ity lesona mandritra ny herinandro ity, no nianarantsika momba ny olona telo lahy izay nampiseho hafaliana sy fankasitrahana ho an'i Jesosy tamin'ny fomba azo notsapain-tanana. Ampifanaraho amin'ny hetsika nataony ilay olona.

   ___ 1. Nilaza fa hamerina avo efatra heny ny vola izay nangalariny tamin'ny olona
   ___ 2. Nilaza tamin'ny olona manodidina rehetra momba ny zavatra nataon'i Jesosy taminy
   ___ 3. Nanao sakafo fanomezam-boninahitra ho an'i Jesosy
   ___ 4. Nampitafy
   ___ 5. Nivoady ny hanome ny atsasaky ny volany ho an'ny mahantra
   ___ 6. Niangavy hanara-dia an'i Jesosy

   A. Ilay nidiran'ny demonia
   B. Zakaiosy
   D. Levy

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Matetika ny fiainana Kristiana no feno fifanoherana. Moa ve ianao miatrika ny iray amin'ireto manaraka ireto?

A. Fahasambarana miaraka amin'ilay fomba fiaina mahasalama vaovaonao / Fahadisoam-panantenana ny amin'ny fakam-panahy mateti-pitranga eo anatrehanao, miaraka amin'ny fitondrantena mandratra?

B. Fiadanana eo amin'ny fifandraisana vaovao iarahanao amin'i Jesosy / Fahatsapana ho tsy voaro vokatry ny fiovana teo amin'ny fifandraisanao amin'ny sasany amin'ireo fianakaviana sy namana?

D. Fifaliana ao anatin'ny Sabata / Fahasahiranan-tsaina momba ny fomba "fitandremana ny Sabata"?

Soraty ny fifanoherana heverin'ny tenanao manokana:

Ampitomboy ny Fahalalanao

Rehefa manaraka ny dian-tongotr'ireo olona voalaza tato anatin'ity lesona ity, dia inona no azonao atao manaraka mba hanehoana amin'ny alalan'ny fomba azo tsapain-tanana

ny fankasitrahanao sy ny fifalianao amin'i Jesosy vokatry ny zavatra nataony sy mbola ataony aminao?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Miaina Tantara Vaovao

Moa ve ianao efa mba naniry hanoratra ny tantaram-piainanao manokana? Mamafa ny zava-nandratra tamin'ny fahazazana? Manova ny fanapahan-kevitra sasany noraisinao teo amin'ny fahatanorana? Ankehitriny ianao dia fitambaran'ny andro sy ny fanandramana rehetra tamin'ny lasanao. Moa ve ianao maniry hanana tantara vaovao?

Mety hirehareha noho ny amin'ny lasanao ihany koa angamba ianao ary afa-po ny amin'ny maha-ianao anao amin'izao fotoana izao. Nisy fotoana iray teo amin'ny fiainan'i Paoly nahitana hoe somary nirehareha ny amin'ny maha-izy azy izy. Nanaraka ny fomba amam-panao ara-pivavahana rehetra izy; "Hebreo hiringiriny sady taranaka Hebreo" izy; nanaraka ny soratra rehetra tao anatin'ny lalàna izy ary navitrika izay tsy izy ka lasa nanenjika ireo izay tsy nanao izany izy (Fil 3:4-6). Rehefa nihaona tamin'ilay Kristy velona teny an-dalan'i Damaskosy anefa izy, dia lasa nahazo fomba fijery vaovao momba ny hoe iza marina moa i Kristy?

Na tena nahamenatra anao na tena nampirehareha anao ny tantaranao fahiny, dia tsy maintsy hialanao izany izay vao afaka ny ho tonga zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy ianao. Nilaza i Paoly hoe ataony "taimboraka" avokoa ny lasany, mba hananany fiainana (fahamarinana) ao amin'i Kristy fa tsy noho ny amin'ny fahatsaran'ny tenany manokana (amin'ny alalan'ny fiezahana mafy amin'ny fankatoavana ny lalàna) (andiniy 8). Nila niova tantara vaovao i Paoly.

Ahoana no ahavitana miala amin'ny tantaranao taloha ary miditra ao anatin'ny tantara vaovao? Afaka amin'ny tantaranao taloha ianao, amin'ny alalan'ny fahafatesana amin'izany. "Tsy misy fomba hafa handrodanana ny herin'ny lasa."* Ilay batisa, marika lehiben'ny maha-Kristiana, no mamela anao ho faty ny amin'ny tena, amin'ny alalan'ny firaisana amin'ny fahafatesan'i Jesosy, ary tahaka ny nananganana an'i Jesosy avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana, ianao ihany koa, rehefa tafavoaka avy ao anatin'ny rano, dia hatsangana amin'ny fiainana vaovao, izany hoe tantara vaovao (Romana 6:3-7). Vokatry ny fanomezana mahagaga avy amin'Andriamanitra, ny tantaran'ny fiainana tonga lafatr'i Jesosy dia lasa tantaranao ihany koa. Tsy andevon'ny ota intsony izany ianao. Misy hery ho anao ao amin'ny fitsanganan'I Jesosy tamin'ny maty.

* Jon Paulien, *Meet God Again for the First Time*, (Hagerstown, Md.: Review & Herald, 2003), t. 121.

"Raha toa ianao ka eo ambany fahasoavana, dia miaina tantara vaovao ao amin'i Jesosy Kristy. Eo anivon'ny zava-drehetra izay manahirana mihitsy no hanekena anao, ekena ianao, na avy taiza na avy taiza, na inona na inona nataonao. Ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanekeny no manao asa lehibe ao anatinao, izay manandratra anao sy manome hery vaovao hanombohanao ny tontolo andronao isan'andro. Tsy hoe mendrika handray izany akory ianao, fa satria Andriamanitra, noho ny fahasoavany, no manolotra izany ho anao ao amin'i Jesosy Kristy. Asa ambony indrindra izany, izay mahery tahaka ny tao amin'ny Eksodosy . . . Rehefa manao hadisoana ianao, rehefa mitady hiverina ilay tantaranao taloha, dia afaka 'manao ny tenanao' ho toy ny maty amin'ny fahotana indray ianao ary velona ao amin'i Kristy. Raha toa ka alaim-panahy hanao zavatra ratsy ny ampahany amin'ny vatanao, dia azonao atolotra an'Andriamanitra isan'andro izany ampahany izany. Tsy ny fahotana mihitsy no ho tomponao raha toa ianao ka miaina amin'ny fahasoavan'Andriamanitra isan'andro. Na dia mitohy hatrany aza ny ady atrehinao isan'andro, dia mandresy ny tantaranao taloha ilay tantaranao vaovao."*

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Mpamory Hetra:* Izy ireny dia olona izay tena nankahalaina manokana satria niasa ho an'i Roma ary matetika no mangataka vola tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy.

●*Jentilisa:* Izay olon-drehetra tsy Jiosy, tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao.

●*Dekapolisy:* Fitambaran'ny tanàna folo izay tena ivon'ny kolontsaina Grika sy Romana; maro kanefa iray ihany, any atsinanan'ny ranomasin'i Galilia sy ny Onin'i Jordana no misy azy.

●*Fariseo:* Antokom-pivavahana mandala ny nentim-paharazana, izay manamafy ny fisarahana amin'izao tontolo izao sy ny fahalotoany.

Mijery Akaiky Kokoa

Ny Nakana Fanahy An'i Jesosy

Mifanohitra amin'izay mety andrandraina, fakam-panahy lehibe miteraka ahiahy sy tsy fankatoavana matetika no mety miseho aorian'ny fiovam-po, na hetsika ara-panahy sasany manana ny lanjany. Tonga dia nalaim-panahy i Jesosy raha vao vita batisa sy voahosotry ny Fanahy Masina, ka nilaza ny Rainy hoe: "Ity no Zanako malalako."

* Jon Paulien, ibid., p. 123.

Tsy hoe nandeha nanatona fakam-panahy akory i Jesosy; fa nentin'ny Fanahy tany an'efitra kosa Izy. Teo amin'ny fotoana tena nahareraka indrindra ny ara-batany, 40 andro taorian'ny nifadiany hanina, dia tonga naka fanahy Azy i Satana. Tsy fahatokiana no nafafin'i Satana tao an-tsainy: Toy izao tokoa ve no fomba hikarakaran'Andriamanitra ny Zanany? Noho izany dia nalain'i Satana fanahy i Jesosy (1) hanao ny filàna ara-batana ho ambony kokoa noho ny filàna ara-panahy; (2) hampiasa ny hery tsy taka-maso hifaninana amin'Andriamanitra, izany hoe mampiasa ny fanomezam-pahasoavana nomena Azy ho an'ny tombontsoan'ny Tenany manokana; (3) ary mahazo hery sy fahefana kanefa tsy hiaritra ny Hazo Fijaliana. Ny fakam-panahy tsirairay avy dia samy antso ho amin'ny fisalasalana ny amin'Andriamanitra avokoa, ary fandavana ny loha-laharany.

Tao anatin'ny Teny no nahazoan'i Jesosy ny Hery. Vakio ny Salamo 119:11.

Ny Maha-Advantista

Olo-Malaza teo amin'ny Tantara

J. N. Andrews (1829-1883) Manam-pahaizana, mpanoratra; izay nalefa tany Suisse tamin'ny taona 1874, ho misionera Advantista voalohany tany amin'ny firenena ivelan'i Amerika Avaratra.

Joseph Bates (1792-1872) Kapitenin-tsambo, mpitory teny, iray amin'ireo nanangana voalohany ny Fiangonana Advantista.

Uriah Smith (1832-1903) Teo amin'ny faha-23 taonany izy no lasa mpanonta ny gazety boky "*Review and Herald"* (Lasa "*Revue Adventiste"* izy io amin'izao fotoana izao); fanta-daza tamin'ilay boky hoe: "*Daniela sy ny apokalypsy"*

Ellen G. White-(1827-1915) Niara-nanorina ny Fiangonana Advantsita Mitandrina ny Andro Fahafito; mpanoratra, mpampianatra, ary mpanolotsaina ny fiangonana, izay nanana ilay neken'ny Advantista hoe fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana, araka ny voalaza ao amin'ny Baiboly.

James White-(1821-1881) Mpanorina ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ary vadin'i Ellen White; mpamorona sy mpanonta voalohany ny "*Fahamarinana Ankehitriny", "Review and Herald"*, "*Signes des Temps"*, ary ny "*Youth's Instructor" (Mapanabe ny Tanora).*

Lesona 8

NY FAHARETAN'I JESOSYNIARAKA TAMIN'NY MPIANANY

Moa ve aho mbola mety ho mpianatr'i Jesosy ihany na dia efa avy nanota aza?
Misy lanjany amiko ve ny fahalavaoan'i Petera?
Mandrapahoviana no hampilamina ny fiainako?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

" 'Fa mandehana, lazao amin'ny mpianatra sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hhahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo.' " (Marka 16:7)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

I Petera no tena voatantara be indrindra amintsika tamin'ireo mpianatr'i Jesosy 12. Amin'ny maha-olona mitratrevatreva azy, dia izy matetika no nasaina nitondra teny sy nisolo tena ny mpianatra hafa. Nanditry ny fotoana niarahany tamin'i Jesosy, dia niainga tamin'ny finoana tena ambony izy ary niafara tamin'ny famadihana farany ambany indrindra. Na dia nisy fotoana nanomezan'i Jesosy tsiny an'i Petera aza, dia mbola nahoy ny fampianarany azy ihany Izy nandritra ireo telo taona niarahany tamin'ny mpianatra, ary nony farany dia namela ny helok'i Petera tamim-pahatsorana noho ny fahotany lehibe vitany, ka nampiandraikitra azy iraka lehibe. Amin'ny alalan'ny fomba maro no hahitana fa ny tantaran'i Petera dia maneho ny tantaran'ny mpianatra rehetra. Ary ny faharetana izay nananan'i Jesosy tamin'i Petera no mbola ampiasainy amintsika rehetra hatramin'izao fotoana izao.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Ady Maharitra Sy Sarotra

Jake Caldwell*

Tamin'ny tsy nampoizina no lasa nahatonga ahy nanao fanatanjahantena. "Baseball" no nataoko voalohany. Mpihazakazaka tsotra no nataoko tamin'ny voalohany. Taty aoriana aho dia nomen'ny iray tamin'ireo namako ilay hazo fivelesana baolina iny, ary nanomboka nanao io fanatanjahan-tena io amin'izay aho herintaona nanaraka izay. Teo amin'izay no niantombohan'ny rehetra: "ice hockey" (filalaovana baolina fisaka eny amin'ny ranomandry), baolina basikety, baolina kitra, baolina an-databatra, tenisy, ary "golf". Nilalao azy rehetra ireo aho. Fahavoazana teo amin'ny kianja filalaovana baolina kitra sy ratra hafa teo am-panaovana baolina kitra no namarana ilay asako, nialohan'ny

* Anaram-bositra.

tena naharavany tanteraka. Latsaka tanteraka tao anatin'ny fahakiviana aho, izay saika tsy nahatafarina ahy raha tsy folo taona taty aoriana.

Niovaova asa teny aho: namana mpisolo toerana ilay mpanao ady totohondry Kanadiana malaza; dia lasa mpanao ady totohondry; mpitantana toeram-pisotroana iray; mpampianatra mandihy. Tsy faly anefa aho. Indray andro aho niatrika ady tao anatin'ny toeram-pisotroana ary nahavaky ny tarehin'ny lehilahy iray tamin'ny alalan'ny totohondry.

Nony farany dia niasa tao amin'ny toeram-piasana iray mpanefy aho, an'ny Advantista roa, ary tao anatin'ny ririnina nanampiako azy ireo no nitondrana ahy ho eo amin'i Kristy. Fitoriana ny filazantsara nitohitohy no nahatonga ahy ho lasa mpino. Afaka tamin'ny fanandevozan'ny paraky aho, niato tamin'ny fisotroana tany amin'ny toerana fanaovana izany aho, ary nanomboka nandalina ny Baiboly niaraka tamin'ny pasitora teo an-toerana.

Nanomboka dia vaovao teo amin'ny fiainako aho, kanefa tsy nifarana ny ady. Kivy aho ary irery, ary mbola niharan'ny fikorontanana ihany. Sarotra ho an'ny olona nanodidina ahy ny nahazo aina tamin'ny fiarahana tamiko, vokatry ny fahatsorako sy ny tsy fahampiana fahaizana mifandray teo amiko. Nisy fotoana mihitsy aza nampitahotra ny olona tamin'ny fomba fijeriko toa mampahatahotra. Mbola tao anatiko ilay devolin'ny fifaninanana ara-panatanjahantena. Lasa toetra faharoa toa efa nandeha ho azy tamiko ny herisetra.

Feno fanantenana aho kanefa sahiran-tsaina taorian'ny batisa. Nanomboka nandalina ny Baiboly sy ny asa soratr'i E.G. White-aho. Nitondra fanantenana sy fifaliana izy ireny, kanefa nitondra fahamelohana ho an'ny tenako ihany koa.

Tamin'ny alalan'ny fanohanan'ny fianakaviana Advantista iray no niverenako indray tany an-tsekoly, kanefa tsy nahatody hatramin'ny farany mihitsy aho. Nihaona tamin'ny tovovavy iray aho fony nianatra tany amin'ilay sekoly Advantista ary nivady izahay. Azoko lazaina marina tokoa fa raha tsy noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia efa rava tao anatin'ny iray volana voalohany monja ny tokantranoko. Niezaka nampianatra ahy i Jesosy hoe tokony hialako ny toetrako taloha ary mamela an'Andriamanitra hampitoetra ny fiainany ato anatiko.

Tena ady naharitra sy sarotra tokoa no natrehiko, fito taona lasa anefa izay no efa nahitako ny làlana nivoahana tamin'izany.

Namaky ny boky: "*Practicing the Presence of God" (Mizatra ny Fanatrehan'Andriamanitra)* aho. Tia ny fanatrehan'Andriamanitra ilay mpanoratra. Nisy fotoana mbola nankahalany ny tenany, ary lasa raiki-tampisaka taminy mihitsy aza ny hakamoana, kanefa dia nataony teo ambany fanatrehan'ilay Ray be fitiavana ny zava-drehetra, toy ny atao ho an'ny Tompo, ary izany no tena nahaliana ahy.

Taty aoriana kely aho dia nanomboka nandalina ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana tamin'ny alalan'ny fomba fijery samihafa. Nanomboka nametraka fihaikana tamin'ny tenako aho mba hahitako an'Andriamanitra ho ilay hany Tokana afaka mitia ahy, eny fa na dia amin'ny maha-izaho ahy taloha aza, ary manana tanjona hanova ny foko. Nanampy ahy teo amin'ny tokantranoko sy ny fifandraisana hafa ihany koa izany.

Taorian'ny niandraiketako fananganana trano nandritra ny enin-taona, dia nanomboka nanokatra ny orin'asako mpanangana trano sy mpanao fanamboarana aho.

Niara-niasa tamin'Andriamanitra izaho sy ny vadiko. Nandoa ampahafolony roa izahay, herintaona sisa no hamerenanay ny volanay, ary nanome tsy tapaka ho an'ny mahantra izahay. Tiako ny mizara ny fananan'Andriamanitra amin'ny hafa, ilay Mpamonjy ahy sady Namako.

Tsy mbola izaho no lehilahy feno fanetren-tena indrindra tahaka an'i Mosesy, eto amin'ity tany ity. Hita niharihary izany fony aho nosakanan'ny mpitandro filaminana iray ary nampandoaviny lamandy vokatry ny tsy namatorako ny fehinkibo tamin'ny sezan'ny fiarako, kanefa dia mitombo amin'ny fahasoavana hatrany aho, eo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona.

Mbola eo anatrehako hatrany ny fahotan'ny fahatanorako, kanefa dia mahafantatra ny fitiavan'Andriamanitra aho ankehitriny, fa tsy toy ny taloha. I Jesosy no tonga vatolampy sy fierena ho ahy. Raisiko tanteraka ny fitiavany ary tsy mahalala afa-tsy Kristy aho, dia Izy nombohina ho tonga sakafom-panahy ho ahy.

Alatsinainy: Mampianatra Sady Manavotra Eny An-Dalana Eny

Matetika i Jesosy no mampianatra ny mpianany, lesona avy amin'ny fiainana niarahan'izy ireo. Maro ny fotoana nanomezan'i Petera tombontsoa nahafahan'i Jesosy nanitsy ny fiheveran-diso na tsy feno, na nanavotan'i Jesosy azy tamin'ny zavatra nataon'ny tenany ihany. Nianarantsika tamin'ny lesona teo aloha kely ny fomba nampiasan'i Jesosy teny mahery nanitsiana ny tsy fahazoan'i Petera any andraikitry ny atao hoe Mesia. Hojerentsika anio ny fomba nifandraisan'i Jesosy tamin'i Petera tao anatin'ny tranga telo.

Vao avy novokisan'i Jesosy tamin'ny alalan'ny fahagagana ny olona 5.000 lahy miampy zaza amam-behivavy. Faly aok'izany ny olona ka nikasa ny haka an-keriny an'i Jesosy ary hanao Azy ho mpanjaka (Jaona 6:15). Ahoana no fomba niatrehan'i Jesosy io tranga nampikorontana io? Vakio ny Matio 14:22, 23.

Vakio ao amin'ny andininy 24-43 ny tohin'ny tantara, izay miafara amin'ny tantaran'ilay alin'ny tafio-drivotra teo amin'ny ranomasin'i Galilia. Ahoana no fomba nanehoan'i Petera ny finoany sy ny ahiahiny?

●Raha toa ka ianao ka efa sady niatrika finoana no niatrika ahiahy, dia hazavao izany fanandramana izany.

Tamin'ny fotoana iray nampianaran'i Jesosy lesona maro manan-danja ho an'ny mpianatra, no niresahiny momba ny fomba tokony hifandraisantsika amin'ireo mpino namantsika rehefa manota amintsika izy ireny. Rehefa nifarana ny fampianaran'i Jesosy dia nametraka fanontaniana mahakasika ny famelan-keloka i Petera ary nahazo valiny nampisafoaka. Vakio ny Matio 18:21, 22. Ampifanalao ireo tarehimarika ireo.

Narahan'i Petera ara-bakiteny ireo tarehimarika nolazainy, ary nentim-pahatsorana izy. Maro ny raby tamin'izany andro izany no nilaza hoe terena hamela

heloka intelo monja ny olona iray. Inona no tian'i Jesosy hampianarina an'i Petera sy hampianarina antsika ao anatin'ilay isa be izay nomeny?

Vakio ao amin'ny Jaona 13:1-17 ny momba ny fisehoan-javatra iray tena nampihetsi-po, tao amin'ny Efi-trano Ambony rehefa nanasa ny tongotry ny mpianany i Jesosy. Araka ny hevitrao, inona no nahatonga an'i Petera nandà ny hanasan'i Jesosy ny tongony?

Nilaza i Jesosy hoe tsy hazava amin'i Petera velively ny hevitry ny fanasan-tongotra raha tsy aoriana kely. Inona no tokony nianaran'i Petera momba ny fomba tokony hampitantsika ny Asa sy ny fampianaran'i Jesosy?

Talata: Fandavana an'i Jesosy

Nandritra ny telo taona teo ho eo no nananan'i Petera tombontsoa nanaovana dia niaraka tamin'i Jesosy nanerana ny vohitra sy ny tanàna rehetra. Hitany ny nanasitranan'i Jesosy ny boka, namerenany ny fhahitan'ny jamba, nananganany an'i Lazarosy, namokisany vahoaka maro tamin'ny alalan'ny fampitomboana sakafo iray monja. Niara-nijoro tamin'i Jakoba sy Jaona teo an-tendrombohitra izy, nanatri-maso ny fiovan-tarehy namirapiratr'i Jesosy ary nandre feo avy tany an-danitra nanao hoe: " 'Ity no Zanako malalako izay sitrako.' " (Mat 17:5)

Rehefa nandeha teny ny fotoana dia hitany fa nanao ny zava-drehetra i Jesosy, ary ny iraka nampanaovina Azy ihany no nifantohan'ny sainy, kanefa tamin'ny fotoana farany niarahan'izy ireo, taorian'ilay Fandraisana Farany, dia mbola nanahy ny amin'ny zavatra izay nolazain'i Jesosy tamin'ny mpianany ihany i Petera. Vakio ny Marka 14:27-31. Inona no nolazain'i Jesosy hoe hitranga mialohan'ny fiafaran'ny alina?

●Ahoana no fomba nanoheran'i Petera any zavatra efa nolazain'i Jesosy mialoha?

Teo an-tokotanin'ny mpisoronabe no nisehoan'ilay tranga manaraka niarahana tamin'i Petera. Nanaraka an'i Jesosy teny lavitra teny izy ary miandry ny valin'ny fitsarana izay efa an-dalana ankehitriny. Vakio ny Matio 26:69-75. Mariho fa niha-mafy hatrany ny fandavana tsirairay avy:

1.

2.

3.

●Inona no fihetsika nasehon'i Petera rehefa reny naneno fanindroany ny feon'ilay akoholahy?

Vao ora vitsy talohan'izao i Petera no nihaniana ny ho faty raha toa ka mandà an'i Jesosy, kanefa dia nandà Azy izy, tsy hoe vokatry ny fandrahonana azy ho faty, fa vokatry ny nilazan'ny tovovavy kely iray hoe niaraka tamin'i Jesosy tany Galilia izy. Inona no olana teo amin'i Petera?

●Inona no nahatonga azy tsy nisalasala nandà ny Tompony?

Hevero Ity: Moa ve misy tranga mety hampitovy antsika amin'i Petera?

Alarobia: Famerenana amin'ny Laoniny

Taorian'ny nanomboana sy ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, dia niseho kely tamin'ny mpianatra nandritra ny 40 andro Izy. Tamin'ny iray tamin'ireo fotoana ireo no tsy nahombiazan'ny mpianatra tamin'ny jono nataony nandritra ny alina, ary rehefa nanatona ny morona izy ireo nony tonga ny maraina, dia nihaona tamin'i Jesosy, na dia tsy fantatr'izy ireo aza Izy tamin'ny voalohany. Vakio ny Jaona 21:1-14.

Taorian'ny nanomezan'i Jesosy sakafo maraina azy ireo dia nentiny nitokana i Petera ary nanaovany resaka tena nanana ny lanjany tokoa. Vakio ny andininy 15-19. Nampahatsiahy inona an'i Petera ireo fanontaniana telo naverimberina nanao hoe: "Moa tia Ahy va ianao?"

●Mariho ny naha-samy hafa ireo valin-tenin'i Petera. Ahoana ny fomba namaliany ilay fanontaniana voalohany?

●Ahoana no fomba namaliany ilay fanontaniana fahatelo?

●Inona no tao an-tsain'i Petera na ny fihetseham-pony, tamin'ny fotoana nametrahan'i Jesosy ilay fanontaniana fanintelony?

Tamin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana tsy niato nataon'i Jesosy no nanokafany ny fo maratran'i Petera, ary nanereny azy hiatrika ny fahalemen'ny tenany manokana. Isaky ny manaiky ny fitiavany an'i Jesosy i Petera, dia milaza aminy amim-panajana i Jesosy manao hoe: "Fahano àry ny ondriko," "Fahano àry ny ondriko," "Fahano àry ny ondriko." Inona tao anatin'io tranga io no nifandray tamin'ny fitiavana an'i Jesosy?

Rehefa nanoratra ny epistiliny ho an'ny Kristiana niparitaka tany Azia Minora i Petera, dia nampidiriny tao anatin'izany ny toro-marika ho an'ireo mpitondra fiangonana. Inona no teny hahitana taratra fa nandritra ny androm-piainan'i Petera dia tsy afaka tao an-tsainy mihitsy ny resaka nifanaovan'i Jesosy taminy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty? Vakio ny I Petera 5:2.

Ampitahao amin'ilay toro-marika farany nomen'i Jesosy an'i Petera tamin'io fihaonana farany io, ilay toro-marika nomeny an'i Petera tamin'ny fotoana voalohany

nihaonany taminy. Vakio ny Jaona 21:19; Marka 1:16, 17. Inona no ambaran'izany amintsika momba ny andraikitry ny mpianatra?

Alakamisy: Manompo Sady Mbola Mianatra Ihany

Taorian'ny nihaiken'i Petera ny helony sy ny nibebahany ary ny nahazoany antoka ny famelan-keloka avy amin'i Jesosy, dia vonona hanompo ny Tompo ny izy. Ny anarany no miseho voalohany eo amin'ny lisitr'ireo mpianatra izaynomena taorian'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra. Ary izy no nitarika ny fifidianana ny mpianatra iray hasolo an'i Jodasy. Vakio Asa 1:15-26.

Rehefa narotsaka tamin'ireo mpino tamin'ny andro Pentekosta ny Fanahy Masina, dia nomen'i Petera any "adiresin'ireo misonera" voalohany voarakitra ao amin'ny bokin'ny Asa. Natombony ny fanazavana ny antony nahatonga ny mpianatra hiteny amin'ny fiteny azon'ny olona avy any amin'ny firenena maro. Iza no niara-nijoro tamin'i Petera rehefa nanomboka ny toriteniny izy? Vakio ny Asa 2:14.

Ireo no lehilahy izay nahita sy afaka mijoro vavolombelona ny amin'ny fitsanganan'i Kristy. Vakio ao amin'ny Asa 2:14-41 ny lahateny nataon'ny mpianatra iray voaova sy nahazo hery avy amin'ny Fanahy Masina.
Inona no vokatry ny toriteny nataon'i Petera?

Nifarana ve ny andro nianaran'i Petera zavatra avy amin'i Jesosy? Na dia tsy niaraka tamin'i Petera mivantana aza ny vatan'i Jesosy, dia mbola manana lesona hampianarina azy Izy. Tamin'ny alalan'i Petera no nampianaran'i Jesosy ny fiangonana voalohany momba ny lesona ilaina hitondrana ny filazantsara manerana izao tontolo izao? Manomboka ao amin'ny Asa 10:1-8 ny tantara, miaraka amin'ny kapiteny Romana iray. Inona no nasaina nataon'ilay kapiteny?

Avaditsika any amin'i Petera indray izao ny resaka, izay nivavaka teo an-tampon-trano. Fhahitana hafahafa nanao ahoana no hitany? Vakio ny Asa 10:9-16.

●Inona no hevitr'ilay fahitana? Vakio ny andininy 17-48.

Io lesona izay nianaran'i Petera avy tamin'ny fanandramana io dia tena zava-dehibe ho an'ny fiangonana vao niforona, ka lasa nilaza azy io tamin'ny tsipiriany mihitsy i Lioka ary namerina azy io indroa. Vakio ny Asa 11; 15:6-9. Inona no sakana izay noravan'ny lesona?

●Inona no varavarana izay nosokafany?

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Ampifanaraho amin'ny lesona nampianarin'i Jesosy an'i Petera ny iray amin'ireo tranga nandraisan'i Petera anjara na ny fanambaràna nataony.

Tranga na Fanambaràna	Lesona voaray
___ 1. Vonona hamela heloka impito	A. Mibanjina an'i Jesosy.
___ 2. "Tsy handà Anao aho."	B. Handrotsaka ny Fanahiny amin'izay rehetra mino Azy Andriamanitra.
___ 3. Mino fa Andriamanitra dia tsy manaiky ny Jentilisa	D. Tokony hitondra fahasoavana ho an'ireo mila fanampiana hatrany ny mpino.
___ 4. Nanasa ny tongony i Jesosy	E. Ilaintsika ny mamantatra ny tena maha-isika antsika.
___ 5. Nandeha teny ambony rano	F. Matoky ny asan'i Jesosy, eny fa na dia tsy nazava aza izany.
___ 6. "Tsy fantatro io lehilahy io."	G. Matoky an'i Jesosy, na dia amin'ny tranga sarotra aza.

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Vakio amim-pitandremana ny lisitr'ireo lesona nianaran'i Petera. Fantaro amin'ireo lesona ireo ny roa izay heverinao hoe tena ilaina hianarana.

1.

2.

Ampitomboy ny Fahalalanao

Nanoratra epistily roa ho an'ny mpino namana i Petera. Ny epistiliny faharoa dia nosoratana tamin'ny vanim-potoana nanakaiky ny fahafatesany, ary heverina ho toy ny teny farany nataony. Vakio ilay ampahany manaporofo hoe tamin'ny fotoana nanakaiky ny fahafatesany no nanoratan'i Petera, ary saintsaino ny amin'ilay tranga izay nasongadiny ho toy ny porofon'ny hery sy ny fiandrianan'i Jesosy. Vakio ny II Petera 1:12-18.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana<http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Ireo Dingana Roambinifolo Malaza

Nisy fivoriana tany Akron, Ohio, ny taona 1935, nataon'i Bill W., mpamatsy entana tany New York, sy i Dr. Bob S., mpitsabo mpandidy tany Akron, izay nanavotra ny ain'ny

iray tamin'izy ireo ary lasa nanavotra aina an'arivony maro hafa. Samy mpisotro zava-pisotro misy alikaola nikoizana izy roa lahy ireo. Mbola misotro ihany i Dr. Bob. Fa i Bill kosa, vokatry ny fananarana ara-panahy nataon'ny mpitondra fivavahana episkopaly iray, nantsoina hoe Dr. Samuel Shoemaker, sy ny fanampiana avy amin'ny namana taloha, dia lasa tsy mamo intsony ary nahavita nijoro tamin'izany na dia niara-niasa tamin'ny olon-kafa mpisotro aza tsy vitany anefa ny nitarika azy ireny tsy hisotro.

Nanandrana ny tsy ho mamo i Dr. Bob indray andro kanefa tsy nahomby. Rehefa nifanatri-tava tamin'i Bill izy, izay mpiara-ory aminy fahiny ihany kanefa lasa mba netinety, dia lalina no fiantraikan'izany taminy. "Nanamafy i Bill hoe aretin-tsaina, aretina ara-pihetsehampo, ary aretina ara-batana, ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola."* Rehefa nanana io fomba fijery vaovao io i Dr. Bob dia tsy ela akory izy dia tsy mamo ary tsy niverina nisotro intsony.

Nanomboka niara-niasa tamin'ireo mpisotro tao amin'ny Hôpitaly tany Akron izy roalahy, "izay nahitana marary iray vetivety dia afaka tamin'ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola." † Izy telo lahy ireo no nandrafitra ny ivon'ny vondrona "Alcoholics Anonymous" (Mpisotro Alikaola tsy Mitonona Anarana) voalohany. Tamin'ny taona 1939 no nanontan'izy ireo ny boky "*Alcoholics Anonymous*". I Bill no nanoratra azy io, ary hazavain'ilay lahatsoratra ao ny filôzôfian'ny AA sy ny fomba fiasany, "izay fintinina amin'ny alalan'ilay Dingana Roambinifolo Fialàna Tanteraka efa fanta-daza amin'izao fotona izao."

Ireto àry ireo Dingana Roambinifolo tany am-boalohany.

1. Manaiky izahay fa tsy manan-kery handresena ny alikaola, izany hoe lasa tsy vitanay ny mifehy ny fiainanay.
2. Lasa mino izahay hoe misy Hery lehibe kokoa noho ny tenanay, afaka mamerina anay amin'ny fahasalamana.
3. Manapa-kevitra izahay hoe hametraka ny sitraponay sy ny fiainanay eo ambany fiahian'Andriamanitra, satria mazava tsara aminay ny momba Azy.
4. Nanao fikarohana izahay, sy fanadihadiana ara-môraly tsy tamin-tahotra mahakasika ny tenanay.
5. Ekenay eo anatrehan'Andriamanitra, sy ny tena, ary eo anatrehan'ny olombelona hafa, ny tena endriky ny fahadisoanay.
6. Vonona tanteraka izahay hamela an'Andriamanitra hanala ireo kileman-toetranay.
7. Mangataka Azy amim-panetren-tena hanala ireo fahalemenay.
8. Ataonay ny lisitry ny olon-drehetra izay noratrainay, ary vonona handoa onitra amin'izy ireny izahay.
9. Hifona mivantana amin'ireny olona ireny izahay, raha tsy hoe handratra azy any hafa indray angaha ny fanaovana izany.

---

* <www.aa.org/lang/en/subpage.cfm?page=288>, retrieved November 13, 2009.

† Ibid.

10. Hanohy ny fandinihan-tena, ary hanaiky avy hatrany fahadisoanay rehefa misy izany.

11. Hikatsaka amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fandinihan-tena, hanatsarana ny fifandraisanay ara-tsaina amin'Andriamanitra rehefa mazava tsara aminay ny momba Azy, ka ny fahalalana ny sitrapony ho antsika sy ny hery hanatontosana izany ihany no angatahana Aminy.

12. Rehefa nifoha ny ara-panahinay vokatr'ireo dingana roambinifolo ireo, dia hiezaka hitondra io hafatra io amin'ny olona mpisotro izahay, ary hampiasa ireo fomba fiasa ireo eo amin'ny adidinay rehetra.

Amin'izao fotoana izao dia misy olana hafa ankoatry ny famatoran'ny alikaola, izay fantatra fa mamatotra ihany koa. Natao hifanaraka amin'ny ankamaroan'ireny io fampianarana momba ny dingana 12 io. Nampiasain'ny Kristiana iatrehana ny "famatoran" ny fahotana ireo dingana 12 steps ireo, na toy inona na toy inona fisehon'ny endriny.

Ny Asa Fanompoana Famerenana amin'ny Laoniny Indray, izay tafiditra ao anatin'ny Departemantan'ny Fahasalamana eo anivon'ny Diviziona any Amerika Avaratra, ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, dia nanao fandaharam-potoana nahitana dingana 12 ihany koa, mitondra ny lohateny hoe: "Ny Dia ho any amin'ny Fahafenoana." Io fandaharam-potoana io no mitarika ny mpandray anjara ho amin'ny herin'Andriamanitra, handresena ny fitondrantena be fahotana.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

● *Efitrano Ambony:* Ny efitrano izay niarahan'i Jesosy sy ny mpianany 12 nisakafo tamin'ny fetin'ny Paska, izany hoe ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo.

● *Ny Fiovan-tarehy:* Niova ny endrik'i Jesosy ary tamin'ny voninahitra lehibe no nahitan'ireo mpianany telo Azy, izay niaraka taminy tamin'io fotoana io.

● *Ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo:* Ny sakafo farany niarahan'i Jesosy sy ny mpianany talohan'ny nisamborana Azy.

● *Pentekosta:* Ny andro faha-dimampolo taorian'ilay Sabata tao anatin'ny herinandron'ny Paska. Izy io no andro izay nidinan'ny Fanahy Masina tamin'ny mpianatra.

● *Epistily:* Taratasy nosoratan'ny apostoly iray, hahitana toro-marika ho an'ny fiangonana iray na mihoatra.

Mijery Akaiky Kokoa

Ny Faharetan'i Jesosy tamin'i Petera

Niala tamin'i Jesosy avokoa ny mpianatra rehefa nosamborina Izy. Nandà mihitsy aza i Petera taty aoriana kely hoe tsy nahafantatra Azy. Tsy nanary azy ireo anefa i Jesosy. Taorian'ny nitsanganany dia nisy anjely niteny tamin'ireo vehivavy tonga tao amin'ilay fasana foana nanao hoe: "Fa mandehana, lazao amin'ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo.' " (Marka 16:7)

Tsy nanala ny andraikiny tamin'ireto mpamitaka i Jesosy, amin'ny maha-mpianany azy ireo. Tamin'ny alalan'ny nanononany ny anaran'i Petera no nahalalan'i Petera hoe nanaiky ny fibebahany i Jesosy ary namela ny helony. Taty aoriana kely, teo am-pisakafoanana maraina teo amoron-dranomasina, ary teo anatrehan'ny mpianatra rehetra, "no nanehoan'i Petera ny halalin'ny fibebahany sy nanehoany fa tena nanetry tena mafy izao ilay mpianatra nirehareha fahiny."* Niatrika an'i Petera tamim-paharetana i Jesosy, rehefa voafingana avy amin'ny fiheveran-tena ho ambony i Petera, ka tonga tamin'ny fanekena tamim-panetrentena ny asa nomen'i Jesosy hiandraiketany.

Ny Maha-Advantista

Fomba Fiteny Iraisana

Asa Misionera: Kristiana mijoro vavolombelona amin'ny hafa, tsy voatery hoe mpitondra fivavahana.

Toy ny ravina manintsana: Fomba fiteny hamaritana ny fomba fizaràna trakta sy takelaka notsongaina miparitaka aok'izany.

Ilay mpanoratra tiako indrindra: Fomba an-kolaka hiantsoana an'i Ellen White.

Nandray antso: Nomena asa tontosaina ao anatin'ny asam-piangonana.

Tanan-kavanan'ny hafatra: Asa mahakasika ny fahasalamana na fampianarana fomba fiaina mahasalama.

Mpanompovavin'ny Tompo: Fomba hafa iantsoana an'i Ellen White.

Ambaran'ny Fanahin'ny Faminaniana hoe . . . Ambaran'i Ellen White-hoe . . .

* *Ilay Fitiavana Mandresy,* t. 871

Lesona 9

NY BAIBOLY, AMIN'NY MAHA TARI-DALANA HO AN'NY FIAINANA AZY

Ahoana no maha-tari-dalana ho an'ny fiainako ny Baiboly amin'izao fotoana izao, hatramin'ny nanoratana azy an'arivony taona maro lasa izay?
Moa ve misy fanampiana mifanaraka amin'ny olana atrehako amin'izao fotoana izao ao amin'ny Baiboly?
Mila fanabeazana any amin'ny ambaratonga ambony ve aho izay vao mahatakatra ny tian'ny Baiboly ambara?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny Teninao." (Sal 119:105)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Koa satria ianao mpanaraka vaovao an'i Jesosy, na niverina ho eo Aminy indray, dia mazava aminao fa lasa boky manan-danja indrindra eo amin'ny fiainanao ny Baiboly ary tokony ho izany mihitsy. Raha ny tena izy dia ao amin'ny Baiboly no hahitanao ny tombam-bidinao, ny tanjonao eo amin'ny fiainana, ary ny fomba fanarahana an'i Jesosy. Misy olana kely anefa eo amin'ny fanirianao hampiasa ny Baiboly ho tari-dalana ampiasainao eo amin'ny fiainana, sy ny fahafahanao manao izany: Tsy mba tahaka ny boky rehetra ny Baiboly. Boky 66 no mandrafitra azy io, nosoratana tao anatin'ny 1.500 taona, ary 2.000 taona lasa izay no nanoratana ny boky farany tao anatiny. Mihoatra lavitra noho izany aza, ny faritra ara-jeografia sy ny kolontsaina any anatin'ny boky rehetra dia efa mifanalavitra aok'izany amin'ny fiainantsika amin'izao fotoana izao. Ahoana fomba ahafahana mampifandray eo anatrehan'izany antsana lalina izany? Atombotsika amin'ity herinandro ity ny fanazavana izany dingana izany.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Miova Asa

David Browning*

Toa vao omaly no fitadidiako ilay andro iray izay. Vao nody tao an-trano hamonjy ny fialan-tsasatra aho no nandray antso avy any Montreal. Nomen'ilay olona niantso toerana aho, ho tonga mpitandro filaminana ao amin'ny Royal Canadian Mounted Police (RCMP). Diboky ny hafaliana aho! Tanteraka ny nofinofiko.

* Anaram-bositra.

Roa taona tany aloha aho no efa nangataka ny mba hiofana ho tonga mpitandro filaminana ao amin'ny RCMP, ary nandalo fitsapana mafy, fanadihadiana, ary fizahana eo amin'ny resaka fiarovana. Rehefa nekena àry aho dia niditra tao anatin'ny sekolin'ny mpitandro filaminana. Tsaroako fa tamin'ny andro nizaràna ny mari-pahaizako aho dia nijanona teo ivelan'ny vavahadin'ilay toeram-piofanana, ary somary nitodika. 22 taona aho tamin'izay, nahazo karama tsara, ary nanana ny marika maha-mpitandro filaminana ahy tany am-paosiko.

Nihazatra aho rehefa nandeha teny ny fotoana. Tonga àry ny fotoana niheverako fa mety nanao tsiky lehibe tamiko Andriamanitra teo am-pitenenana hoe "Tonga ny fotoana." Nomeko an'i Jesosy ny foko teo amin'ny fahatanorako, kanefa nihataka taminy aho avy eo. Mbola mihevitra ny tenako ho Kristiana aho, kanefa tsy manana fiainana maha-Kristiana.

Tao anatin'ny dingan'ny fanarahana ny fijoroana vavolombelona ataon'ny olona sy ny fakana sary an-tsaina no nihaonako tamin'ny fianakaviana iray nanana soavaly, indray andro. Noho ny fitiavako soavaly, dia niverina matetika tany an-tranon'izy ireo aho. Anisan'ny zavatra hafa nahasarika ahy tao amin'ilay fianakaviana i Marti izay zanakavavin'izy ireo nahasarika tokoa, ary lasa vadiko taty aoriana.

Niatrika olana izahay rehefa teraka ny zanakay voalohany. Te-hitondra azy tany am-piangonana izahay, kanefa fiangonana aiza? Lehibe tao anatin'ny tokantrano Advantista i Marti, fa antokom-pivavahana hafa mihitsy kosa ny an'ny fianakaviako. Noheveriko hoe zavatra mampihomehy ny fandehanana any am-piangonana rehefa Sabotsy. Rehefa avy nitondra ny fanontaniako tany amin'ny pasitoran'ireo fiangonana roa samihafa ireo aho dia nanomboka niara-nianatra tamin'ilay pasitora Advantista. Fotoana fohy taorian'ny nametrahako fanontaniana momba ny Sabata sy ny foto-pinoana hafa ary i Ellen White, dia natao batisa tao amin'i Kristy izaho sy Marti, ary lasa anisan'ny mambry ny Fiangonana Advantista.

Io andro nanan-danja io no nitarika ahy ho amin'ny fametraham-pialana tao amin'ny RCMP ary nidirako tao amin'ny "Canadian University College" (Oniversite-Kanadiana) handalina ny asa fanompoana.

Nandalo fanandramana maro teo amin'ny asa fanompoana amin'ny maha-pasitora izaho sy Marti, maro ny ambony ary vitsy ny ambany.

Nandramako tany amin'ny toerana rehetra izay nalehako ny nanao asa amin'ny maha-mpitandro filaminana "aumônier" ahy, tany amin'ny sampana misahana ny fitandroana ny filaminana izan-karazany. Tsy nisokatra mihitsy anefa ny varavarana. Rehefa izany dia nanana tombontsoa hahatongavana ho mambra mpisolo toerana ihany aho, raha lazaina amin'ny teny hafa dia mpirotsaka an-tsitrapo hiara-miasa amin'ny RCMP. Noheveriko fa hifanojo amin'ny fahalianako teo amin'ny fanamafisana ny fitandroana ny lalàna izany, kanefa raha vao nanomboka nirotsaka an-tsitrapo aho, dia fantatro fa tsy maintsy hiverina ho mpiasa raikitra indray.

Niverina tany amin'ny RCMP aho. Tsy nitsahatra nikoriana tao anatin'ny rako ny fanamafisana ny fitandroana ny filaminana. Rehefa tafaverina tany aho dia nanontanian'ny olona tao am-piangonana hoe ahoana no ahavitako mandao ny asa fanompoana. Nolazaiko tamin'izy ireo hoe tsy niala tamin'ny asa fanompoana aho, fa nanova kely ny endriky ny polpitrako fotsiny. Vita amin'ny hazo na "Plexiglas" izy io

raha ny mahazatra. Amin'izao fotoana izo kosa izy io dia vita amin'ny "goudron", fingotra, vy, ary, fahorian'olombelona.

Antsoina aho amin'izao fotoana izao, hanome ny zavatra ilain'ny olona eny an-dalana, na hisambotra pangalatra niditra tao an-tranon'izy ireny, na hampiato ny tanora amin'ny fandehanana mafy loatra amin'ny fiarakodia, mba tsy ahafaty ny tenany. Nantsoina aho hanao asa fanompoana amin'ny alalan'ny fampihatoana ady izay mety hitarika ho amin'ny faharatrana na fahafatesana, ary amin'ny alalan'ny fampandrenesana ny reny iray hoe maty ny zanany. nandeha tany amin'ny toerana tsy todin'ny pasitora aho. Tsy nialako mihitsy anefa ny asa fanompoana. Mbola nitory teny hatrany aho. Nisy ihany ny teny amin'ny polpitra, fa tamin'ny ankabeazan'ny fotoana dia tamin'ny alalan'ny fanampiana ny hafa tao anatin'ny fotoana nilan'izy ireo izany no nisehoany.

Alatsinainy: Ny Mpianatra sy ny Baiboly

Mitovy ihany ny mianatra ny ho tonga Kristiana sy ny mianatra ho tonga mpianatra. Ny Kristiana dia mpianatr'i Jesosy. I Jesosy mihitsy no nilaza tamintsika ny zavatra hita ao anatin'izany maha-anisan'ny mpianany izany. Jereo ny Lioka 9:23, 24. Nilaza Izy hoe tsy maintsy manaraka Azy isika. Mila mahafantatra Azy isika mba ahafahana manaraka Azy. Nohazavain'ny apostoly Jaona mpianatra ny fomba ahafahantsika milaza hoe mahalala an'i Jesosy tokoa isika ka mitoetra ao Aminy. Vakio ny I Jaona 2:3-6.

●Inona no porofo manamarina hoe mahafantatra an'i Jesosy isika?

●Inona no porofo manamarina hoe mitoetra ao Aminy isika?

Ny Baiboly irery ihany no loharano tokana ahalalantsika an'i Jesosy sy ny fampianarany, izay entin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. I Jesosy no mpandray anjara fototra ao amin'ny Baiboly. Izy no ivo ao amin'ny Testamenta Vaovao, izay nosoratana taorian'ny fiainany tety an-tany, sady ao amin'ny Testamenta Taloha ihany koa, izay nosoratana an-taonany maro talohan'ny niterahan'i Maria Azy. Hahitana teny fikasana maro ny Testamenta Taloha; ny Testamenta Vaovao kosa no hahitana ny fahatanterahan'izy ireny. Ny boky voalohany ao amin'ny Baiboly no manome fampahafantarana antsika ny teny fikasana izay efa novolavolaina, momba ny Mpamonjy izay ho avy. Vakio ny Genesisy 3:15.

●Iza no niresahin'Andriamanitra?

●Ny lohan'iza no hotorotoroina?

●Ny ombelahin-tongotr'iza no hotorotoroina?

Ao anatin'ny boky farany ao amin'ny Baiboly no namaritan'i Jaona momba ilay Krsity nomem-boninahitra izay hitany tao anaty fhahitana. Vakio izany ao amin'ny

Apokalypsy 1:12-18 izany famaritana izany. Inona no endrika nanaitra anao indrindra ao amin'io famaritana io?

Hatrany am-piandohana ka hatramin'ny fiafarana, ny Baiboly no tantara mirakitra ny fomba ifandraisan'Andriamanitra amin'ny olombelona. Azy izy io no tantaran'i Jesosy Kristy.

Hitantsika ao amin'ny Filazantsara hoe nampianatra ny mpianany i Jesosy. Ao anatin'ny Testamenta Vaovao sisa kosa no hianarantsika ny fomba fiasan'ny mpianatra taorian'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, rehefa tsy niaraka tamin'izy ireo ara-batana intsony Izy. Ananantsika izao ny topi-maso momba ny naha-zava-dehibe ny Soratra Masina tamin'izy ireo. Eny tokoa, ny Soratra Masina tokana izay nananan'izy ireo tamin'izany dia ny Testamenta Taloha ihany. Telo (Levy Matio, Jaona, ary Petera) tamin'ireo 12 no nanoratra boky tao amin'ny Testamenta Vaovao. Isaky ny niteny na nanoratra ho an'ny Jiosy izay mahahala ny Soratra Masina ny mpianatra, dia teny avy amin'ny asa-soratr'ireo mpanoratra telo ireo no nalainy. Ny Soratra Masina no nampiasain'izy ireo ho loharan-kevitra manam-pahefana .

Sokafy ny Baibolinao ary topazy maso kely ny toko sy andininy rehetra ao. Raha toa ka misy teny ao amin'ny Testamenta Taloha misongadina amin'ny alalan'ny soratra italika na misy toerana malalaka kely manoloana ny fiantombohany, dia ho hitanao hoe efa tena nahazatra ny mpianatra mihitsy ny Soratra Masina. Vakio ny Asa 2:14-41; Matio 1-3; ary ny II Petera iray manontolo. Moa ve tsy tokony ampiasain'ny mpianatra amin'izao fotoana izao ho toy ny fahefana manapaka aminy sy tari-dalana ho azy ihany koa ny Soratra Masina?

Talata: Ny fomba Nampiasan'i Jesosy ny Soratra Masina

Ny fandraiketan'ny Filazantsara an-tsoratra ny fiainan'i Jesosy dia nangina teo anelanelan'ny taona naha-zazakely Azy (fony Izy tafaverina avy tamin'ny fifindrana tany Egypta) sy ny fotoana tsy nahitan'ny ray aman-dreniny Azy nanditry ny fotoana fohy teo amin'ny faha-12 taonany, ka nahitan'izy ireo Azy tao amin'ny tempoly, nihaino sy nametraka fanontaniana tamin'ireo mpampianatra nanam-pahaizana. Azo antoka fa momba ny Soratra Masina ny lohahevitry ny resaka nifanaovan'izy ireo, ary nahafantatra zavatra maro momba izany i Jesosy. Vakio ny Lioka 2:41-52. Nanao ahoana ny olona rehefa nandre an'i Jesosy zaza?

Ny fakam-panahy no ady atrehantsika rehetra. Tao anatin'ilay tranga lehibe nakan'i Satana fanahy, no nanomezan'i Jesosy ohatra ny amin'ny fomba iatrehana ny fakam-panahy. Vakio ny Matio 4:1-11. Inona no nampiasai'i Jesosy hiadiana amin'ny fakam-panahy?

Izao no fanontaniana manahiran-tsaina antsika rehetra: "Inona no tokony ataoko amin'ny fiainako?" Tamin'ny alalan'ny firaisan'i Jesosy tamin'ny Rainy sy tao amin'ny Soratra Masina, no nahitany ny iraka manokana nampanaovina Azy teo amin'ny fiainana. Indray andro, tao amin'ny tanàna nahabe Azy, dia nijoro teo amin'ny synagoga

Izy ary nanambara ny iraka nampanaovina Azy teo amin'ny fiainana, tamin'ny alalan'ny namakiany teny avy ao amin'ny bokin'Isaia. Vakio ny Lioka 4:14-21.

●Fintino izay ambaran'io andalana io avy any amin'Isaiah, momba ny iraka nampanaovina an'i Jesosy.

Tamin'ny fampianaran'i Jesosy sy ny fifandraisany tamin'ny hafa matetika no nakany teny avy ao amin'ny Soratra Masina. Na dia sarotra aza ny milaza isa mitombina tsara, dia vinavinaina hoe tao anatin'ny boky maherin'ny 20 tao anatin'ny Testamenta Taloha no nakany ny teniny. Nahzatra Azy tanteraka ny Soratra Masina. Inona no antony nahatonga ny olona variana tamin'ny fahalalany lalina ny Soratra Masina? Vakio ny Jaona 7:14, 15.

Hita mazava tsara fa tena nandalina fatratra ny Soratra Masina i Jesosy. Ny tian'ny olona ambara amin'io fanamarihina io dia ny hoe tsy nisy fotoana nianarany tamin'ny mpampianatra Jiosy mihitsy. Mbola mitombina ao anatin'ny kolotsaintsika amin'izao fotoana izao ihany hoe tsy mila fanabeazana eny amin'ny ambaratonga ambony akory dia efa afaka mianatra ny Soratra Masina.

Alarobia: Ny Fomba Nanomezan'i Jesosy Lanja ny Soratra Masina

Tamin'ny alalan'ny fampiasana teny sasany namaliana ny fakam-panahy voalohany nataon'i Satana, no nanaovan'i Jesosy fanambaràna nanan-danja momba ny lanjan'ny Soratra Masina. Vakio ilay andininy nakana azy ao amin'ny Testamenta Taloha - Deotoronomia 8:3, sy ny nampiasan'i Jesosy izany ao amin'ny Matio 4:4. Inona no fomba fiasa ampianarin'io andininy io antsika mahakasika ny lanjan'ny Soratra Masina?

Nomen'i Jesosy lanja ny Soratra Masina, ho tari-dalana ho an'ny fitondrantenan'ny olona. Ao anatin'ny ampahany betsaka tamin'ilay Toriteny teo an-Tendrombohitra no nampiasan'i Jesosy teny avy ao amin'ny Soratra Masina, ary nanomezany fanazavana fanampiny momba ny dikany, hanehoany fa ny tsy ampy ny fijanona fotsiny amin'ny fitandremana ny tenin'ny lalàna. Natombony tamin'ny alalan'ny fanambaràna mazava momba ny maha-zava-dehibe ny Soratra Masina io ampahany io. Vakio ny Matio 5:17, 18. Inona no nolazain'i Jesosy hoe nampifandray Azy tamin'ny "Lalàna sy ny Mpaminany"?

Nisy vondrona Sadoseo tonga teo amin'i Jesosy indray andro, ary nampiatrika tranga tsy dia nahazatra azy. Rehefa avy nihaino ny tantaran'izy ireo i Jesosy dia nilaza fa nanao hadisoana roa izy ireo. Inona ireo fahadisoana roa ireo? Vakio ny Matio 22:23-33.

●Fahadisoana 1:

●Fahadisoana 2:

●Tamin'ny alalan'ny fomba ahoana no nahatonga ny valiteny avy amin'i Jesosy hanome lanja ny Soratra Masina?

Zava-dehibe ho an'ny mpianatra iray ny fahalalana ny Soratra Masina. Na dia ny Testamenta Taloha izay nosoratana talohan'ny vanim-potoanan'i Jesosy tety an-tany aza dia manampy antsika ahatakatra hoe Iza moa Izy ary inona no tanjony. Taorian'ny nanomboana Azy, kanefa talohan'ny nahalalan'ny mpianatra hoe efa nitsangana tamin'ny maty Izy, dia nihaona tamin'ny roa tamin'izy ireo tamin'ny làlana ho any Emaosy Izy, izay niresaka momba ny fahafatesany tamin'alahelo. Tsy mbola nolazainy tamin'izy ireo hoe iza moa Izy, fa niresaka tamin'izy ireo teny am-pandehanana hatrany Izy, ary tsy nahafantatra Azy izy ireo. Inona no votoatin-dresany? Vakio ny Lioka 24:25-27.

Azo antoka fa io votoatin-dresaka io no marika iray hafa aneho ny lanja nomen'i Jesosy ny Soratra Masina.

Alakamisy: Fitadiavana Tari-Dalana

Ahoana no fomba ahafahan'ny Soratra Masina manampy anao amin'ny fahafantarana sy fanarahana ny sitrapon'Andriamanitra? Fantatrao fa hatramin'izao fotoana izao aloha dia tsy mbola misy fomba ahafahanao mitady ao anatin'ny boky misy tari-dalana famakiana na amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana elektronika, hitadiavana valim-panontaniana mivantana toy izao ao anatin'ny Baiboly: Tokony hanambady ve aho sa ahoana? Tokony hijanona amin'ny asako izao ve aho sa hametra-pialana ary andeha hanao asa fanompoana amin'ny fotoan-drehetra? Tokony hindram-bola hividianako fiarakodia mafy kokoa ve aho sa mitazona ilay iray izay efa ahy amin'izao fotoana izao?

Mety efa renao angamba ny olona iray izay nitady valim-panontaniana manokana tamin'Andriamanitra, ka napetrany ilay fanontaniana ary nosokafany teo amin'izay tandrify azy ny Baiboly, natsotrany teo amin'ilay pejy ny rantsan-tanany, ary nojereny amin'izay ilay zavatra noheveriny hoe nolazain'Andriamanitra taminy. Tsy amporisihana mihitsy ny fanaovana io fomba io. Mitovy be amin'ny lalao kisendrasendra izany fa tsy amin'ny fitadiavana ny sitrapon'Andriamanitra. Mety hitombina ny fampiasanao andininy iray amin'ny alalan'ny fomba *mifanohitra* amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Mitodika amin'io fomba fametrahana fanontaniana io angamba ny olona satria sarotra sy mitaky fotoana bebe kokoa ny fomba sasany mahomby. Mba hamantarana ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainanao dia ilainao ny mizatra ny Baiboly. Ilainao fantarina ny zavatra ampianarin'i Jesosy. Tena tsotra ny zavatra sasany amin'ireny. Raha ny tena izy dia i Jesosy mihitsy no namintina ny fampianaran'ny Soratra Masina tamin'ny alalan'ny baiko roa monja. Inona ireo baiko ireo? Vakio ny Matio 22 34-40. Inona avy ireo baiko roa?

1.

2.

Fantatrao àry ankehitriny fa ny fanapahan-kevitrao dia ilaina harafitra hifanaraka amin'ireo baiko roa ireo.

Inona kosa àry no atao raha toa ny safidy rehetra handraisana fanapahan-kevitra ka ao mifanaraka amin'ireo baiko roa ireo avokoa? Efa iombonan'ny Kristiana maro ireo zavatra telo izay miara-miasa hanampiana ny Kristiana handray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Ireto avy izany:

●Andalana avy ao amin'ny Soratra Masina

●Fahatsapana ny bitsiky ny Fanahy Masina

●Trangan-javatra (ansian'izany ny toro-hevitra avy amin'ny mpino hafa)

Rehefa mitaona ho amin'ny famintininana mitovy ireo marika telo ireo dia mahazo mahatoky ianao hoe handray ny fanapahan-kevitra marina. Ny olona izay efa niara-nandeha tamin'i Jesosy nandritra ny fotoana naharitra o afaka manampy anao amin'ny famantarana ny sitrapon'Andriamanitra. Vakio ny tantara iray momba izany fanoroana hevitra izany, ao amin'ny I Samoela 3:1-18. Inona no tena nanaitra anao tao amin'ilay tantara?

Vitsy amintsika no tena mandre an'Andriamanitra miteny eo an-tsofintsika, kanefa fantatsika kosa fa ny Baiboly, amin'ny alalan'ny fametrahan'ny Fanahy Masina ao an-tsaintsika azy io, no Tenin'Andriamanitra amintsika. Ny fhahatongavana ho Kristiana te-hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra dia tsy midika hoe tsy hihaino ny feon'ny fieritreretanao manokana ianao ao anatin'ilay fandraisana fanapahan-kevitra. Ary tsy midika koa anefa izany hoe tsy handray fanapahan-kevitra diso mihitsy ianao. Araka ny tenin'i Jesosy, inona no tombontsoa azo amin'ny fanarahana Azy? Vakio ny Jaona 8:12.

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Ataovy ao anaty boribory ny valiny marina.

1. Inona no porofo hamantarantsika hoe nandalina ny Soratra Masina izay antointsika hoe Testamenta Taloha ankehitriny i Jesosy?

A. Naka teny avy ao amin'ny Soratra Masina i Jesosy handresena ny fakam-panahy

B. Tao anatin'ny Soratra Masina no nahitany ny iraka nampanaovina Azy teo amin'ny fiainana.

D. Noraiketin'i Matio an-tsoratra hoe hain'i Jesosy tsianjery ny Salamo iray manontolo.

E. Hain'i Jesosy tsara ny Soratra Masina ary nazava taminy ny fomba fampianarany.

F. Nampiasa teny avy ao amin'ny bokin'ny Testamenta Taloha i Jesosy.

2. Inona avy ireo ady atrehana amin'ny fampiasana ny Baiboly ho tari-dalana eo amin'ny fiainanao?

A. Taloha elabe no efa nanoratana ny Baiboly.
B. Tao anatin'ny taonjato maro nandikana ny Soratra Masina tamin'ny soratanana dia azo antoka hoe tsy maintsy efa nisy fahadisoana goavana tany anatin'ireny andininy ireny.
D. Tsy dia mahafantatra zavatra betsaka momba izay hampianarin'ny Baiboly aho.
E. Toa tsy mifanaraka amin'ny fanapahan-kevitra tsy maintsy raisiko ny Baiboly.
F. Tsy dia mandany fotoana firy handalinana ny Baiboly aho.

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Ahoana no fomba fandraisanao fanapahan-kevitra? Moa ve ianao manao lisitry ny eny sy ny tsia amin'ny safidy rehetra? Manontany olon-kafa ve ianao? Mangataka marika avy amin'Andriamanitra ve ianao? Mangataka tari-dalana ve ianao? Mivavaka ve ianao, ary manokatra ny Baiboly amin'ny alalan'ny kisendrasendra, mametraka ny rantsan-tananao eo amin'ny andininy iray ary miezaka mampifandray ilay andininy amin'ny fanapahan-kevitrao? Sa misy fomba hafa? Na inona na inona fomba ampiasainao, dia ahoana no hamelanao ny Soratra Masina sy ny Fanahy Masina hanampy anao amin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitrao?

Ampitomboy ny Fahalalanao

Ahoana no fomba ahafahan'ny Soratra Masina manampy anao hamantatra sy hanaraka ny sitrapo'Andriamanitra? Fantatrao fa hatramin'izao aloha dia tsy misy fomba ahafahanao mijery ao anatin'ny boky misy tari-dalana famakiana na amin'ny alalan'ny fanaovana fikarohana amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika, hahitana ny valiteny mivantana eo amin'ny fanapahan-kevitra tsy maintsy raisinao. Mba hahitanao fampahafantarana momba ny fampiasana ny Baiboly hotari-dalana ho an'ny fiainana dia jereo ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana www.xxx.org ny fanampim-panazavana ho an'ny lesona mandritra ity herinandro ity.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana<http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Ahoana No Fomba Hamantarako Ny Sitrapon'Andriamanitra?

Raha tianao ho fantatra ny sitrapon'Andriamanitra dia tsy maintsy fantarinao ny fomba famantarana ny feony. Misy feo maro hafa mifaninana amin'ny Azy.

Manodidina antsika ny tsy fahombiazana eo amin'ny resaka fifandraisana, kanefa soa ihany fa afaka tsy mandre isika raha tsy efa misafidy ny hanao izany. Alaivo sary antsaina hoe mizotra amin'ny làlana iray mitoman-davana ao anatin'ny toeram-

pitsangatsanganana iray ianao. Hitanao eny an-dalana eny ny ony mamiratry ny hazavan'ny masoandro. Rehefa hakarinao indray ny fijerinao dia mahatazana ny lanitra manga sy ny rahona fotsy. Mety ho renao amin'izany ihany koa ny feon'ankizy milalao.

Ny zavatra izay tsy ho hitan'ny masonao na ren'ny sofinao dia ny fandaharam-potoana an'arivony avy amin'ny onjampeo sy ny fahitalavitra izay mandeha eny an-habakabaka, na ny hafatra an-telefaonina sy ny fikarohana atao amin'ny alalan'ny "internet" manodidina anao. Ahoana re no mety nahazakana izany raha toa ka hitan'ny maso sy ren'ny sofina avokoa ireny zava-drehehtra ireny? Soa ihany fa rehefa manana ny fitaovana manokana azo handraisana azy ihany ianao izay vao afaka miserasera amin'ny alalan'izy ireny: vata fandraisampeo, fahitalavitra, finday, na solosaina. Tsy ho tafita aminao ilay hafatra raha tsy misy fitaovana fandraisana azy.

Toy izany ihany koa ny fomba fiasa miseho rehefa mikatsaka ny hamantatra ny sitrapon'Andriamanitra ianao. Tsy maintsy tonga mpandray ny hafatra ianao, izay mahay mamantatra ny feony. Hoy i Jesosy: " 'Ny ondriny manaraka Azy, satria mahalala ny feony ireo' " (Jaona 10:4). Mila mijanona akaikin'ny Mpiandry ondry ianao raha te-handre ny feony.

Azon'Andriamanitra ampiasaina ny fomba rehetra hitenenana amintsika. Indray andro aza moa Izy efa nampiasa boriky. (vakio ny Nomery 22:28-30.) na izany aza anefa dia asehony amintsika hatrany ny sitrapony, amin'ny alalan'ny Teniny voasoratra, amin'ny alalan'ny tranga avy any ambony, ary amin'ny alalan'ny bitsiky ny Fanahy.

Ny Teny Voasoratra, araka ny efa nianarantsika, ny Baiboly izany, dia efa voasoratra taonjato maro lasa izay, ary voarafitry ny asa soratra manana endrika isan-karazany. Tsy hisy tari-dalana mivantana amin'ny ankabeazan'ny fanapahan-kevitra tsy maintsy raisinao amin'izao fotoana izao. Amin'ny alalan'ny fanomezana fitsipika sy baiko amin'ny kapobeny ihany no hanomezan'ny Baiboly tari-dalana. Raha minia tsy mahahala ny baiko mazava avy amin'Andriamanitra isika, dia inona moa no tokony hikatsahana ny sitrapony amin'ny tranga iray manokana? Ohatra, raha toa misy lehilahy iray efa manambady misakaiza amin'ny mpiara-miasa aminy, dia tsy ho hafahafa aminy ve ny hanontany an'Andriamanitra hoe hangataka fisaraham-panambadiana amin'ny vadiny ve izy sa tsia?

Tranga avy any Ambony: Zava-miseho tsy dia mahazatra, tranga tsy nampoizina, tranga maromaro mifampitohy, ary ny hevitry ny namana iray, dia mety samy ampiasain'Andriamanitra hifandraisana amintsika avokoa. Ny tranga avy any ambony matetika dia ampiasaina ho fanamarinana ny safidy izay efa saintsaininao.

Bitsiky ny Fanahy Masina: Afaka miditra mivantana ao anatin'ny fontsika sy ny saintsika ny Fanahy Masina. Afaka manome hevitra antsika eo am-panatontosana ny asa tsy maintsy sahanintsika Izy. Indrisy anefa fa maneho ny faniriany ihany koa ilay maha-olombelona lavo antsika. Tsy mora ny mamantatra ny fahasamihafana misy eo amin'ny bitsiky ny Fanahy Masina sy ny fanirian'ny tenantsika manokana. Indraindray ny mpino sasany izay sady mahalala an'Andriamanitra no mahalala antsika dia afaka manampy antsika amin'ny fanavahana ny feon'ny Fanahy Masina.

Mifampiankina ireo làlam-pifandraisana telo ireo. Ny fiandrasana azy telo hifanaraka tsara, no ahazoanao ny antoka lehibe indrindra ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fanapahan-kevitra iray tsy maintsy raisinao.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

● *Fandosirana tany Egypta:* Rehefa nampitandreman'ny anjely iray i Maria sy Josefa, hoe mikatsaka hamono an'i Jesosy zaza i Heroda, dia niara-nitsoaka tamin'i Jesosy tany Egypta izy ireo ary nijanona tany mandra-pahafatin'i Heroda.

● *Toriteny tany an-tendrombohitra:* Ilay lahateny malaza na toriteny nataon'i Jesosy, izay nametrahany fomba fiaina ara-moraly sy ara-pomba amam-panao ambony indrindra.

● *Ny Lalàna sy ny Mpaminany:* Fomba fiteny ampiasain'ny olona tamin'ny androny'i Jesosy hilazana ny Soratra Masina iray manontolo, izay antsointsika amin'izao fotoana izao hoe Testamenta Taloha.

● *Sadoseo:* Antoko ara-politika sy ara-pivavahan'ny Jiosy vitsy an'isa tamin'ny androny'ny Testamenta Vaovao, maneho ny elatry ny fivavahana Jiosy izany, izay manan-karena, manana fahamboniana, malala-tsaina, ary manana fomba fiheverana mifanaraka amin'ny an'izao tontolo izao.

Mijery Akaiky Kokoa

Inona No Antony Tokony Hianarana Tsianjery Ny Soratra Masina?

"Tsy misy zavatra voavinavina hoe mampatanjaka ny ara-panahy ankoatry ny fandalinana ny Soratra Masina. Tsy misy boky hafa mahomby amin'ny fanandratana ny saina, izay mitondra hery ho an'ny eritreritra, toy ny fahamarinana mivelatra sy manandratra ao amin'ny Baiboly."[*]

"Tena ny fianarana tsianjery ny Baiboly mihitsy no fototry ny fampivelarana ny ara-panahy. Raha asaina misafidy amin'ireo fitsipi-pifehezana ny fiainana ara-panahy rehetra aho dia ny fanaovana tsianjery ny Baiboly no fidiko satria io no fomba fototra hamenoana ao an-tsaintsika ny zavatra tena ilainy."[†]

Amin'ny maha-mpianatra anao dia te-ho tahaka an'i Jesosy ianao, handeha tahaka ny nandehanany. Mila fanovana ny "tenanao taloha" ho tonga "tenanao vaovao" izany. Mamporisika anao i Paoly hoe: "Miovà amin'ny fanavaozana ny saina"

---

[*] *Ny Dia ho eo amin'i Kristy.*

[†] Dallas Willard ("Spiritual Formation in Christ for the Whole Life and Whole Person" ao amin'ny boky "*Vocation"*, vol. 12, no. 2, Spring 2001, t. 7).

(Rom 12:2). Ny famenoana ny saina amin'ny alalan'ny Soratra Masina natao tsianjery no hanampy anao amin'izany fanavaozana ny saina izany.

I Martin Luther ilay mpanavao fivavahana lehibe, dia nahavita nanao tsianjery ampahany maro tamin'ny Baiboly, ka rehefa hitany ny hevi-dalina nofonosin'ny Romana 1:17 momba ny fanamarinana amin'ny finoana, dia izao no nolazainy: "Izany no nitetezako ny fanaovana tsianjery ny Soratra Masina"* mba hanamarinako io hevi-dalina io.

* *Luther's Works (Ny Asan'i Lotera)*, 34:337.

Lesona 10

NY FAHEFAN'NY BAIBOLY

Inona no antony ananantsika Baiboly?
Inona no maha-samihafa ny Baiboly amin'ny boky hafa rehetra?
Ahoana no ahazoako antoka hoe tsindrimandry avy amin'Andriamanitra ny Baiboly?
Moa ve avy amin'ny tsindrimandry avokoa ny boky *rehetra* ao amin'ny Baiboly?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra." (II Tim. 3:16, 17).

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Ny fanontaniana fototra tena apetraky ny olona iray indrindra angamba dia ny hoe: "Nahoana eo no misy zavatra fa tsy hoe foana amin'izao fotsiny?" Inona no antony mampisy ny ranomasina, ny tany, ny hazo maniry, ny biby, ary ny olombelona? Iza na inona no nahatonga azy ireny ho àry?

Afaka mamaly fanontaniana maro momba ny natiora ny Siansa, kanefa tsy mahavaly ny fanontaniana hoe: "Avy aiza ny fiainana?" Namaly izany fanontaniana izany ny olona tao anatin'ny tantara voarakitra, tamin'ny alalan'ny finoana fa ny fiainana dia avy amin'izany karazana Andriamanitra manana hery tsy taka-maso izany. Ny natiora mihitsy anefa no manome fanampim-panazavana faharoa momba ny atao hoe Andriamanitra. Izay tian'Andriamanitra ampahafantarina momba ny Tenany ihany no fantatsika. Ary inoan'ny Kristiana fa tamin'ny alalan'ny tontolo nohariana sy ny Baiboly no nanaovan'Andriamanitra izany fampahafantarana izany. Ny endriky ny Baiboly no hojerentsika amin'ity herinandro ity, sy ny fomba ahazoantsika antoka ny fahefany ambony.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Nahita ilay Jesosy Tonga Lafatra

Teo amin'ny faha-20 taonany i Andrea no nandao ny fiangonana ary nanomboka "niaina araka ny fanaon'izao tontolo izao." Nataony avokoa izay tiany atao rehetra ary noheveriny ho olona tena nanaraka ny fandrosoana ny tenany. Rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka nantsoiny hoe tsy mpino ny tenany. "Noheveriko hoe misy hery ambony kokoa, fa tsy misy olona nahavita namantatra izany," hoy izy. Nisy vadin'ny namany nilaza taminy hoe ny vintana fotsiny izany no ninoany. Na inona na inona anefa ninoany dia tsy mba noresahiny firy izany.

Nony farany dia nihaona tamin'i Karl i Andrea, izay tsy nanana fahalianana tamin'ny resaka ara-pivavahana ihany koa. Olona nilamina tsara izy, ara-dalàna, tsy maneho fahalianana amin'ny olana ara-moraly mihitsy. Tsaroan'i Andrea ny nieritreretany hoe, *Jereo fa sambatra i Karl. Azontsika atao ny ho sambatra na dia tsy miaraka amin'Andriamanitra na Jesosy àry.* Hitany anefa fa ny fiainana dia sarotra kokoa noho ny fikatsahana fahasambarana tsotr'izao.

Tonga teo amin'ny fiainan'i Andrea ny kihon-dalana rehefa niteraka ny zanany voalohany izy. Nanapa-kevitra ny tsy ho be fihetseham-po izy tamin'ny andro nahaterahany. Ny fanofanana nomen'ilay mpitsabo mpanampy azy no nahatonga azy ho vonona hiatrika izay rehetra mitranga eo. Rehefa napetraka teo an-tanany anefa ilay zazavavy kely ary nijery azy, dia safononoky ny hafaliana izy. Nahita ny lafitsarany tamin'ilay fahaterahana nihoatra noho izy aza ilay vadiny tany amin'ny efitrano fiandrasana. Nanontanian'i Andrea an'i Karl hoe nanao ahoana ilay izy. Izao no nambarany: "Rehefa nivoaka ilay zaza dia nitodika ambony endriny, ary toa maty no fijery azy. Nikimpy ny masony ary tsy niaina izy. Tao anatin'ny iray segondra monja anefa dia nanomboka niaina izy."

"Fanatatro fa Andriamanitra no nanomea fiainana azy," hoy i Andrea. "Velona hatrany io zaza tao anatiko io. Tsy manana fanazavana momba izany ny tontolo ara-pahasalamana."

Nandritra ny herinandro vitsivitsy taorian'izany dia niverina niaina ilay fanandraman'ny fahaterahana hatrany izy. "Tena misy Andriamanitra. Tanteraka ny zava-nitranga, ary nahagaga aok'izany," hoy izy. "Nampiasain'Andriamanitra ho fitaovana hitomboako io fanandramana io." Niantso nyrainy izy tao anatin'ny iray volana ary nilaza hoe: "Te-ho any am-piangonana aho." Niverina tany amin'ilay fiangonana nanaovana batisa azy izy 15 taona taty aoriana.

Izao no nolazain'ilay olona mpanao tantara ho an'ny ankizy indray andro: "Tsikaritrareo ve fa nirehareha io tovovavy kely io? Tsy tian'i Jesosy hirehareha isika."

Nihevitra anefa i Andrea hoe: "Eny tokoa nirehareha izy. Tsara ny fireharehana." Mbola tao aminy ny fomba fisainan'izao tontolo izao, ary maro ny zavatra izay mbola tokony hianarany mahakasika ny fomba fijery amin'ny maha-Kristiana. "Toy ny namaofy tongolo mihitsy no nanalana izao tontolo izao tamiko. Kanefa vetivety foana dia afaka ireo ranomaso latsaka." Tsy vesatra no nahatsapany azy, fa fifaliana. "Te-hanompo ny Tompo aho," hoy izy nanazava.

Tetsy andanin'ny fandalinana ara-Baiboly indray mandeha isan-kerinandro dia nanohy ny famakiana ny boky "*Ilay Fitiavana Mandresy"* teo am-pandriany hatrany izy. Ny fanamby lehibe indrindra natrehany isan'andro dia ny fahavitana mamaky io boky io mialohan'ny hatoriany. "Toy ny hoe tia fatratra no fahatsapako ahy," hoy izy. "Tsapako hoe tsy ampy ilay izy rehefa tonga ny fotoana hanakombonako ilay boky." Nahita fifaliana tamin'ny fahatanterahan'i Jesosy izy, sy fahatanterahan'ny Teniny, izay nolazaina tamin'ny fotoana tanteraka. Na dia nikatsaka fahasambarana hatrany aza izy, dia tsapany fa ny zavatra tena nilainy kanefa tsy fantany, dia ny filàny ny fitiavana omen'i Jesosy azy.

"Mitady antsika amin'ny alalan'ny tranga ratsy na mampalahelo Andriamanitra indraindray," hoy i Andrea. "Fanandramana feno fahasambarana sy fifaliana aok'izany anefa no nikatsahany ahy."

Alatsinainy: Inona No Lazain'ny Zavaboary Momba An'andriamanitra

Vokatry ny vaovao taterina mampahatsiahy antsika hatrany momba fanimban'ny olombelona ny zavaboary noho ny asa ataony, dia maro ny tanora no miditra amin'ny asa izay miezaka mamerina ny fifandanjalanjana misy eo amin'ny zavaboary amin'ny laoniny. Efa manomboka mahita ny hatsarana ao anatin'ny zavaboary isika, ary rehefa mihanika tendrombohitra na mamakivaky renirano be na mijery sarimihetsika momba ny zava-manan'aina any anaty ranomasina na mahita zaza vao teraka isika, dia te-hidera sy hiankohoka eo anatrehan'ilay Tokana izay nanome antsika ireny zavatra ireny. Nolzain'i Davida mpanao Salamo ao amin'ny Salamo 19:1-4 ny fihetseham-pontsika. Inona no hafatra azony avy amin'ny zavaboary?

●Inona no nambaran'i Paoly hoe lazain'ny zavaboary amintsika momba an'Andriamanitra? Vakio ny Romana 1:20, 21.

●Inona no vokatr'io fahalalana io eo amin'ny olombelona raha toa tsy manome voninahitra Azy izy ireo?

Ny zavatra ambaran'ny natiora amintsika momba an'Andriamanitra no antsoina hoe "fanambaràna kapobeny." Ambaran'izany amintsika ny zavatra vitsivitsy amin'ny kapobeny momba an'Andriamanitra, kanefa mandefa hafatra mifangaro ihany koa izy io. Voalohany, misy hatsarana sy fahagagana ao anatin'ny zavaboary. Faharoa kosa anefa, misy hery mahery vaika sy mandrava ao anatin'ny zavaboary. Ny rivo-doza, ny rambon-danitra, ny horohoron-tany, ny "tsunami", ny tondra-drano, ny hain-tany—ireny zava-drehetra ireny dia mahatonga fahafatesana sy fahoriana lehibe ho an'ny olombelona sy ny manan'aina hafa eto an-tany. Moa ve ilay Andriamanitra manome hatsarana antsika eo amin'ny zavaboary ihany no Andriamanitra izay mitondra ireo fahasimban'ny natiora ireo?

Tsy manan-kolazaina eo anatrehan'izany fanontaniana izany ny zavaboary. Rehefa mampahafantatra ny Tenany ihany ilay Andriamanitry ny zavaboary izay vao fantatsika ny toetrany sy ny sitrapony. Mba hahafantarana an'Andriamanitra, dia tsy maintsy manana "fanambaràna manokana" avy Aminy isika. Inoan'ny Kristiana hoe avy ao amin'ny Baiboly io fanambaràna manokana io.

Talata: Ny Baiboly Amin'ny Maha-Fanambaràna Manokana Azy

Ireo olona tsy mino an'Andriamanitra dia manazava ny Baiboly amin'ny maha-olombelona azy, izay miezaka manazava ny zavatra hitany eo amin'ny zavaboary. Inoan'ny Kristiana kosa anefa fa ny Baiboly no mirakitra ny tsiambaratelo momba ny Tenan'Andriamanitra. Ny fanambaràn'i Paoly manao hoe "izay Soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra," no manavaka ny Baiboly amin'ny boky hafa rehetra. Vakio ny II Timoty 3:16, 17.

Ny Baiboly dia firaiketana an-tsoratra avy any ambony niarahana tamin'ny olombelona. "Tsy fampiarahana ny Tenin'Andriamanitra *sy* ny tenin'olombelona akory izy io. Ny tenin'Andriamanitra *atao miendrika* fitenin'olombelona no ambarany."[*] Hita ao anatin'ilay asa-soratra ny toetra maha-izy azy ilay mpanoratra, ny zavatra mandrafitra ny kolotsainy, ary ny fotoana manokana nanoratany. Tsy nilaza ny teniny tamin'olombelona mpitan-tsoratra Andriamanitra, fa nilaza ny teniny tamin'ny alalan'izy ireny.

Nampiasa fomba isan-karazany Andriamanitra, hitenenana amin'ireo mpanoratra ny Baiboly. Ao anatin'ny Baiboly ihany no hahitana ny sasany amin'ireny fomba ireny. Inona no lazain'Andriamanitra momba ny fifandraisana tamin'ny mpaminany? Vakio ny Nomery 12:6.

●Ahoana no fomba namaritan'i Petera ny dingana eo amin'ny tsindrimandry? Vakio II Petera 1:21.

Manana fanandramana manokana momba ny nifandraisan'izy ireo tamin'Andriamanitra ny mpaminany indraindray. Vakio ny Ezekiela 1:1; Isaia 6:1, 8, 9; Apokalyspy 1:10. Inona no tsipiriany asongadin'ireo fanandramana ireo, izay maneho hoe tamin'ny fotoana manokana no nandraisan'izy ireo ny hafatra?

Azo antoka fa tsy ny boky rehetra ao amin'ny Baiboly no hahitana resaka momba ny fahitana sy ny nofy. Misy boky sasany izay firaiketana an-tsoratra momba ny tantara niseho fotsiny. Ahoana no fomba nanangonan'i Lioka ireo singa ho an'ny Filazantsara nosoratany? Vakio ny Lioka 1:1-4.

Raha tsy jerena ny fomba nahazoan'ny mpanoratra ny Baiboly ny zavatra nosoratany ao anatin'ny bokiny, dia mahatoky amim-pinoana isika hoe Andriamanitra no nitarika izany dingana izany. Fony i Jesosy niaraka tamin'ny mpianany dia nampianatra azy ireo mivantana Izy, nifanatri-tava. Inona no nambarany azy ireo momba ny fahafenoan'ny fianarana nomena azy ireo? Ary inona ny teny fikasana nataony, izay ahafahantsika mahita ny fomba fijerin'Andriamanitra ny fanoratana ny Soratra Masina? Vakio ny Jaona 16:12, 13; 14:25, 26.

---

[*] Richard Rice, *Reign of God (Ny Fanjakan'Andriamanitra)*, (Berrien Springs, Mich.: Andrews University Press, 1985), p. 26.

●Inoa no zavatra nianaran'ny mpianatra?

●Inona no teny fikasan'i Jesosy?

Amin'ny maha-Avo indrindra sy Olombelona an'i Jesosy, ilay Teny Velona, no mahatonga ny Teny Voasoratra ho firaiketana an-tsoratra avo indrindra sy ho an'olombelona ihany koa.

Alarobia: Ireo Porofon'ny Fidiran'ny Avy Any Ambony An-Tsehatra

Hita mazava tsara ny fandraisan'ny olombelona anjara tamin'ny Baiboly. Olona maro isan-karazany nandritra ny fotoana naharitra no nanao soratsoratra teny amin'ny tanimanga, na hazo, na hodi-biby nohamainina, na "papyri" (karazan-java-maniry afaka nanoratana) handraiketana ny teny. Somary takona indray kosa ny fandraisan'ny avo indrindra anjara. Tsy tafiditra amin'ny asan'ny Fanahy Masina any anatin'ny sain'ny mpanoratra mihitsy mantsy isika. Ny tokony ataontsika kosa dia ny mijery ny porofon'ny fandraisan'ny avo indrindra anjara eo amin'ny famitana ilay boky, sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny olombelona. Ireto avy ireo marika telo maneho ny fandraisan'ny avo indrindra anjara: tokana ny lohahevitry ny Baiboly, mahagaga ny nitehirizana azy nanditry ny taonjato maro, ary ny fiantraikany eo amin'ny olombelona.

Lohahevitra Iray. Andriamanitra no mpandray anjara fototra ao amin'ny Baiboly, ary ny fifandraisany tamin'ny olombelona dia voatantara nanomboka tany amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy. Araho ato anatin'ireto santionana andininy manerana ny Soratra Masina ireto ny toetran'Andriamanitra sy ny fihetsiny amin'ny zanany. Vakio ny Genesisy 3:15; 12:1-3; Eksodosy 3:7-10; Isaia 53:4-6; Lioka 2:8-15; Jaona 3:16; II Petera 3:9; Apokalypsy 21:1-4. Fintino izay ambaran'ireo andininy ireo momba ny toetran'Andriamanitra sy ny fihetsiny amin'ny olombelona.

Fitehirizana Mahagaga. Raha miainga avy amin'ireo tranga maro nahitana daty ao amin'ny Testamenta Taloha, dia azo antoka fa teo anelanelan'ny taona 1446 hatramin'ny 1406 talohan'i Kristy no efa nanoratana ireo boky voalohany tao amin'ny Baiboly, izay nosoratan'i Mosesy nandritra ny fotoana nampivenjivenjy azy tany an'efitra. Ny antony mahatonga ireny asa soratra ireny sy ny boky hafa rehetra ao amin'ny Baiboly ho voatahiry mandritra ny arivo taona dia hitakiana fanazavana lava be. Niha-nitombo aza ny maha-marina ireo dika mitovy amin'ireny asa-soratra tany amboalohany ireny, tamin'ny taona 1947, rehefa hita ireo horonana tany amin'ny Ranomasina Maty. Ireny andininy ireny, izay avy amin'ny taonjato voalohany na fahatelo talohan'i Kristy, dia nirakitra teny izay voamarika fa tena mitovy amin'ny ao amin'ny Baiboly eny an-tanantsika amin'izao fotoana izao. Mahazo mahatoky isika fa ny Baibolintsika dia matoky amin'ny hafatra nosoratan'ireo mpanoratra tany amboalohany.

Ny Fiantraikany amin'ny Olombelona. Amin'ny alalan'ny fanandraman'ny tenantsika manokana sy ny fanandraman'ny hafa no hahitantsika porofo hoe misy hery

manova olona ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra. Endrika inona amin'ny olombelona no azon'ny Teny ovaina? Vakio ny Hebreo 4:12.

Na izany aza anefa dia mety hitombina ihany koa ny hoe voavaky ny Baiboly kanefa tsy manova antsika akory izany. Hafahafa ihany ny fahitana manam-pahaizana omem-boninahitra ambony momba ny Baiboly, izay tsy mino an'Andriamanitra. Efa hitan'i Jesosy tamin'ny androny ny mety hisehoan'izany. Inona no nolazainy tamin'ireo raby nanam-pahaizana mahakasika ny fandalinan'izy ireo ny Soratra Masina? Vakio ny Jaona 5:39.

●Inona no antony nahatonga an'i Paoly nanazava hoe toa tsy misy fiantraikany amin'ny olon-kafa ny Soratra Masina? Vakio ny I Korintiana 2:13, 14.

Alakamisy: Ny Fahefana Faratampony

Omen'ny Soratra Masina tsikelikely ny fanehoana ny Tenan'Andriamanitra. Tsy nazava tamin'ny mpaminanin'ny Testamenta Taloha aza moa ireny asa-soratra ireny indraindray, izay nilaza mialoha ny fiavian'ny Mpamonjy, eny fa na dia naniry fatratra hahalala izany aza izy ireo. Hatramin'ny anjely aza nanontany tena. Ahoana no mahatonga ny asa-soratr'ireo mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny an'ireo aposotly (ireo izay nitory ny Teny) ao amin'ny Testamenta Vaovao hiara-miasa ho an'ny tombontsoantsika? Vakio ny I Petera 1:10-12.

Ny fanehoana ny tenan'Andriamanitra faratampony dia naseho tamin'ny alalan'ny nahatongavan'i Jesosy Kristy ho Olombelona. Ahoana no fomba fanazavan'ny mpanoratra ny Hebreo ny fisehoan'ny endriky ny Tenan'Andriamanitra miandalana? Inona no teny mahery indrindra heverinao hoe nilaza fa i Jesosy no fanehoana ny Tenan'Andriamanitra? Vakio ny Hebreo 1:1-3.

Ny toetra nasehon'i Jesosy sy ny nampiasany ny Soratra Masina no nahatonga ny Soratra Masina hanana ny fahefana ambony. Tamin'ny fotoana nahatongavan'i Jesosy tety an-tany dia efa voafaritra sy voarafitra tsara ny fitsipika (Testamenta Taloha) ao anatin'ny Soratra Masina. Inona no lanja nomen'i Jesosy ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha? Vakio ny Matio 5:17; Lioka 24:44; Jaona 10:35; 22:29; Lioka 24:44.

> Nanamafy ny fahefana feno ananan'ny Asa-soratra ao amin'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Nomeny fahefana toy izany ihany koa ny Teniny fony Izy nampianatra olona. Inona no "raiki-pohy" nampiasainy tamin'ilay Toriteny tao an-Tendrombohitra, nilazany ny sokajin'ny fampianarany? Vakio ny Matio 5:21-22, 27-28, 31-32.

Ny fepetra nanan-danja indrindra nifidianana ny boky nampidirina tao amin'ny Testamenta Vaovao dia ireo izay nosoratan'ny olona nifandray akaiky tamin'i Jesosy na

tamin'ny iray tamin'ireo mpianany. Ireto avy ireo mpanoratra ny Testamenta Vaovao valo na sivy, sy ny fifandraisany tamin'i Jesosy na tamin'ny iray amin'ireo apostoliny: i Matio, Jaona, Petera, ary i Paoly no apostolin'i Jesosy. I Marka no mpiara-miasa tamin'ny apostoly Petera sy Paoly. I Lioka no niara-nanao dia lavitra tamin'i Paoly. I Paoly na olona izay nifanerasera taminy no nanoratra ny Hebreo. I Jakoba sy Joda kosa dia karazan'ny rahalahin'i Jesosy ihany, ary mpiara-miasa tamin'ireo apostoly tao amin'ny Fiangonana Voalohany. Ny fahefana avon'ny Testamenta Taloha sy Vaovao izany dia miankina amin'ny fahefan'i Jesosy, ilay Teny izay Andriamanitra. Vakio ny Jaona 1:1.

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Farito ao anaty boribory ny valiny marina rehetra.

1. Tamin'ny alalan'ny fomba ahoana no nanomezan'i Jesosy fahefana ambony ny Testamenta Taloha?

A. Matetika Izy no nampiasa teny avy amin'ireo bokin'ny Testamenta Taloha, ary nampiasa azy ireny ho toy ny asa-soratra manana ny fahefany.
B. nilaza tamin'ireo mpitondr afivavahana Izy hoe diso fihevitra izy ireo vokatry ny tsy fahalalany ny Soratra Masina.
D. Nohazavainy tamin'ny tsipiriany ny fomba fiasan'Andriamanitra niaraka tamin'ny mpaminany sy ny fotoana nanoratan'izy ireny azy.
E. Nampiasa ny Soratra Masina tao amin'ny Testamenta Taloha Izy, hamantarany momba ny sitrapon'ny Rainy sy hampazava Aminy ny iraka nampanaovina Azy.

2. Tamin'ny alalan'ny fomba inona no nanomezan'i Jesosy fahefana ambony ho an'ny Testamenta Vaovao?

A. Tao anatin'ilay Toriteny teo an-Tendrombohitra no nilazany fa ny teny izay naveriny dia manana fahefana mitovy amin'ny an'ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha ihany.
B. Taorian'ny nitsanganany, kanefa talohan'ny niakarany tany an-danitra, dia nisy apostoly sasany nirahany handrakitra an-tsoratra ny fiainany sy ny fampianarany.
D. Nampanantena Izy hoe rehefa tsy miaraka amin'ny mpianany intsony dia hanampy azy ireo ahatsiaro ny Teniny ny Soratra Masina.
E. Ny fepetra manan-danja indrindra ekena amin'ny fampidirana boky ao amin'ny Testamenta Vavao dia ny hoe: tsy maintsy apostoly na mpiara-miasa akaiky tamin'ny apostoly no nanoratra azy.

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

"Raha fintinina dia misy fitsapana fototra roa hamantarana ny maha-mitombina ny Baiboly. Ny iray tsy hita maso, ary ny iray kosa hita maso. Izao no fanontaniana mipetraka amin'ilay fitsapana tsy hita maso: Moa ve misy dikany ny Baiboly? Moa ve tena voalaza marina ao ny toerana misy antsika olombelona? Moa ve misy soso-kevitra

mitombina momba ny olantsika ao? Moa ve misy dikany ny fampianarany iray manontolo? Moa ve mifanohana izy ireny tsirairay avy? Ilay fitsapana hita maso kosa dia mahakasika ny fitokian'ny tena manokana amin'ny Baiboly. Afaka mahatoky ny fanambaràna ao anatiny ve aho, ary manankina ny fianako amin'ny teny fikasany? Misy fetra azontsika hifanakalozan-kevitra momba ilay fitsapana voalohany ampahibemaso. Fa ilay faharoa kosa dia tena manokana aok'izany. Ao anatin'ny sehatry ny fiainantsika manokana ihany isika vao afaka mampihatra izany.."* Ahoana no fomba nahitanao hoe mahatoky eo amin'ny fiainanao manokana ny Baiboly?

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana<http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Mampiseho Ny Lasa Nafenina

Ao anatin'ny Arkaeolojia no hahitana ny fahazoantsika ny kolontsaina, ny politika, ny fivavahana, ary ny fiainana andavan'andron'ny olona velona tamin'ny vanim-potoana isan-karazany voalazan'ny Baiboly. Indraindray dia ny sombin'akora hita tamin'ny alalan'ny fikarohana natao no manome porofo ny amin'ny maha-mitombina ny tantara ara-Baiboly, ny olona, ary ny toerana. Ny fahalianan'ny Advantista amin'ny Baiboly no nitarika azy ireo ho liana amin'ny arkaeolojia.

I Siegfried Horn (1908-1993), izay arkaeolojista sy manam-pahaizana momba ny Baiboly, no nanangana ny tranom-bakoka voalohany (izay nampitondraina ny anarany taty aoriana) tao amin'ny Sampam-Pianarana Teolojian'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, any amin'ny Oniversiten'i Andrews. Ny taona 1968 no nanomezany baiko hanaovana fandavahana tany amin'ny toeram-pikarohana tany Tall Hisban. Io toerana io ankehitriny no nivelatra ho lasa tetikasa ansoina hoe "Madaba Plains Project"(tetikasa ao amin'ireo lemak'I Madaba), izay manana ny foibeny ao amin'ny Departemantan'ny Arkaeolojia ao amin'ny Oniversite-Andrews.

Nisy fitambaran'ny sekoly sy oniversite-Advantista nanohana ny tetikasa "Madaba Plains Project", izay eken'ny fahefan'ny "American Schools of Oriental Research" (Sekoly Amerikana Mpanao Fikarohana Any Amin'ny Firenena Tatsinanana). Eo anelanelan'ny Ranomasina Maty sy ny tanànan'i Amman, Jordania, izay firenena hita ao amin'ny Baiboly nihavian'ny Amorita, sy ny Amonita, ary ny Moabita, no misy ny faritr'i Madaba Plains. Fandavahana maro no atao amin'ny iray na maro amin'ireny toeram-pikarohana ireny isan-taona, afa-tsy amin'ny fotoana maha-voararan'ny fitondrana ara-politika azy ihany, dia ao Tall al-'Umayri,Tall Hisban,ary Tall Jalul. Ireto manaraka ireto avy ny Oniversite-Advantista mivondrona ao anatin'ny tetikasa "Madaba Plains Project":

- Andrews University, Berrien Springs, Michigan, USA.
- Canadian University College, Lacomb, Alberta, Canada.

* Richard Rice, ibid. t. 28.

●La Sierra University, Riverside, California, USA.



Jereo ao amin'ny tranonkalam-pifandraisanam-pifandraisana www.andrews.edu/archaeology raha te-hahazo fanazavana fanampiny.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Horonana Tany Amin'ny Ranomasina Maty:* Horonana hita teo anelanelan'ny taona 1947 sy 1956, tany anaty lavabato nanakaiky ny Ranomasina Maty; nahitana ny hany dika mitovy sisa tavela tamin'ny Testamenta Taloha nosoratana talohan'ny taona 100.

●*Papyri:* Asa-soratra atao amin'ny "taratasy" vita amin'ny zava-maniry antsoina hoe "papyrus", izay maniry eny amoron'ny Renirano Neily.

Mijery Akaiky Kokoa

Ny Nifidianana Ireo Boky Nandrafetana Ny Baiboly

Ny teny hoe "canon" dia entina milaza ireo boky izay nampidirina tao anatin'ny Baiboly ary ekena ho avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, izany hoe manana fahefana avo indrindra.

"Tsy voatahiry ny fitantarana momba ny nandrafetana ny Testamenta Taloha, na ao amin'ny Soratra Masina na ao amin'ny rakitra ara-tantara mari-pototra hafa."* Ny

* Siegfried H. Horn, et al., *Seventh-day Adventist Bible Dictionary* (Washington, D.C.: Review & Herald, 1960), t. 172.

teny nalain'i Jesosy avy tao amin'ny "Soratra Masina" sy ny nampiasany azy ireny no naneho fa tamin'ny androny dia nahitana fanangonana asa-soratra izay noheveriny fa nanana fahefana ambony.

Ny nandrafetana ny boky rehetra ao amin'ny Testamenta Vaovao kosa indray dia dingana nandeha miandalana nanomboka tamin'ny taonjato faharoa ka hatramin'ny fahefatra. Ireo boky 27 ao amin'ny Testament Vaovao, araka ny hahitantsika azy amin'izao fotoana izao, dia niseho voalohany tamin'ny taona 367 taorian'i Kristy, tao amin'ny taratasin'ny Paska nosoratan'i Athanase, Eveka tany Alexandria. Nony farany, tamin'ny taona 397 taorian'i Kristy no nahatapa-kevitra ny "Third Council of Carthage" (Fivoriana Fahatelon'ny Komity Tany Carthage) "handany ireo boky ireo ary nanala ny boky hafa rehetra ka nandrara ny fampiasana azy ireny tany am-piangonana. Tsy nisy fifandirana nahakasika ny fahamarinan'ireo boky 27 nandrafetana ny Testamenta Vaovao intsony tamin'ny fiafaran'ny taonjato fahefatra."*

* Ibid., t. 176.

Lesona 11

NY FOMBA FANDALINANA NY BAIBOLY (1)

Ahoana no fomba hahatakarana ny Baiboly?
Maharitra hafiriana vao mahatakatra ny tian'ny Baiboly ambara?
Inona no loharanon-kevitra afaka manampy ahy?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Dia ho tahaka ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay nampandehanako azy." (Isa 55:11)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Boky sarotra ny Baiboly. Izany hoe fitambarana boky 66 izy io; 39 no ao amin'ny Testamenta Taloha, ary 27 ny ao amin'ny Testamenta Vaovao. Efa naharitra arivo taona maro izay ireo boky isan-karazany ireo, ary nosoratana ho an'ny olona izay velona tamin'ny kolontsaina efa tsy misy intsony amin'izao fotoana izao.

Mihoatra lavitry ny fahazarana eo amin'ny famakiana, ny fahatakarana ny Baiboly sy ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra ho antsika amin'izao fotoana izao. Nahazatra ny Kristiana fahiny ny fandalinana ny Baiboly amim-pitandremana, raha ampitahaina amin'ny Kristiana amin'izao fotoana izao. Tsy manana fahalianana manokana amin'ny famakiana ny Baiboly ny olona manana ny fomba fijerin'izao tontolo izao, ary toa sahirana loatra sy varimbariana kosa ny ny Kristiana ka tsy manokana ilay fotoana tena ilaina. Hevero anefa ny zavatra izay tsy mba hitan'ny Kristiana. Ao anatin'ireo pejy ao amin'ny Baiboly no hanehoan'Andriamanitra ny Tenany sy ny tanjony ho antsika. Atombotsika amin'ity herinandro ity ny andraikitra amin'ny fianarana mandalina ny Baiboly.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Nisy Manam-Pahaizana Ara-Baiboly Iray Nanome Toro-marika Hitandremana Amin'ny Fandalinana Atao

Nampiasa ity tantara iray nahazatra ity tao anatin'ny iray tamin'ireo bokiny, i Dr. Jon Paulien, izay manam-pahaizana momba ny Testamenta Vaovao: Niatrika fanapahan-kevitra nanan-danja ny tovolahy iray tsy dia mpandalina ny Baiboliny, ary nila fitarihana avy amin'Andriamanitra. Natsipiny teo ambony latabatra ny Baiboliny rehefa avy nivavaka izy, ary navelany nisokatra tamin'izay toerana "nanokafan'ny Fanahy azy." Tsy nijery ilay Baiboly akory izy fa tonga dia nametraka ny rantsan-tanany teo amin'ny andininy iray ary namaky izany: "Dia nivoaka i Jodasy ary nanantona ny tenany." Nahakivy izany toro-marika izany azy toa tsy nifanaraka tamin'ny fanapahan-keviny manokana, noho izany dia nandramany indray mandeha ilay fomba. Izao indray no

hitany tamin'io indray mitoraka io: "Mandehana dia manaova toy izany koa." Io tantara mampihomehy io no manazava ny zava-doza amin'ny fiezahana mandray ny teny ambaran'ny Baiboly amin'ny kisendrasendra. Azo antoka fa misy fomba tsara kokoa.

Vao nanomboka tamin'ny manam-pahaizana ara-Baiboly azy ny fiainan'i Dr. Paulien dia tsapany fa mety hanova ny zavatra tena ambaran'ny Baiboly ny olona kanefa tsy mahatsapa izany akory ny tenany, amin'ny alalan'ny fanandraman'ny tenany manokana na ny fomba fijeriny izao tontolo izao. Ho fisorohana izany olana izany dia nanao izao vavaka izao izy talohan'ny fandalinana nataony: "Te-hahalala ny fahamarinana aho na inona na inona sandany." Hamaly izany vavaka izany Andriamanitra ary handoa ny sarany ilay olona, hoy i Paulien.

Ho an'ny olona izay te-hianatra ny zavatra hampianarin'ny Baiboly kanefa tsy manam-pahaizana ara-Baiboly, no nanomezan'i Paulien ireto fampitandremana manaraka ireto eo amin'ny fandalinana ny Soratra Masina:

1. Mivavaka ary Tsy Matoky Tena. Rehefa mangataka ny fitarihan'ny Fanahy Masina ianao (satria tsy maintsy manao izany), dia mety ho tafalatsaka ao anatin'ny fahatokisan-tena hoe marina ny fahazoanao izay tian'ilay andininy ambara. Ny fitsaratsaranao mialoha na ny tsy fahampian'ny fahalalanao anefa no mety hanakona ny fahitanao. Mila mivavaka ihany koa ianao manao hoe: "Asehoy ahy ny fahamarinana, na inona na inona sandany." Ary izany sandany izany dia mety hitondra anao hatrany amin'ny dingana mankarary aza, eo amin'ny fahatsapana ny fo mpamitaky ny tenanao.

2. Mampiasa dikan-teny isan-karazany. Rehefa hitanao ny fomba isan-karazany nandraman'ny mpandika teny samihafa hanehoana ilay teny Hebreo na Grika tany am-piandohana, dia hazava kokoa aminao ny zavatra tian'ny mpanoratra nambara.

3. Amin'ny ampahany mazava indrindra amin'ny Soratra Masina handaniana ny ankamaroan'ny fotoanano. "Ho lasa adala ianao raha toa ka lanianao amin'ny zavatra tsy dia mahaliana fotsiny ny fotoananao," izany no nosoratan' i Dr. Paulien. "Tsy hifandray amin'i Jesosy intsony ny fandalinana ara-Baiboly ataonao." Ny ampahany mazava kokoa amin'ny Soratra Masina no hametraka fototra miorina tsara eo amin'ny fandalinana ara-Baiboly ataonao.

4. Lanio amin'ny famakiana ny Baiboly ny ankamaroan'ny fotoana anananao, fa tsy amin'ny alalan'ny fanaovana fikarohana ao anaty kônkôrdansy. Amin'izao fotoana ahafahana manao fikarohana ao anatin'ny fitaovana elektronika izao dia lasa alaim-panahy ny olona hihevitra hoe ao anatin'ny fahalalana voarakitra ao anaty milina no misy ny fahamarinana rehetra. Tsy vitan'ny olona ny mamaky ny Baiboly iray manontolo.

5. Saintsaino ny tsikera nataon'ny manam-pahaizana maro, mialohan'ny handraisana ny fanapahan-kevitra farany. Mety hanao fahadisoana miharihary ianao raha tsy mahafantatra ny teny nihavian'ilay andininy sy ny kolontsaina nitrangany. Tsy tokony ho kivy ny amin'ny fihaikana atrehinao eo amin'ny fiezahana manakatra ny Baiboly ianao. Hoy i Jesosy: " 'Raha maharitra amin'ny Teniko ianareo, dia ho mpianatro tokoa' " (Jaona 8:31)

Alatsinainy: Ny Fepetra Manan-Danja Indrindra

“Ny fomba fisainana madio no fepetra manan-danja indrindra eo amin’ny fandalinana mahomby ara-Baiboly. Mba hamantarana izay tian’Andriamanitra lazaina amintsika ao amin’ny Baiboly, dia tsy maintsy fomba fiasa mifanaraka tsara amin’ny tokony ho izy amin’ny eritreritra no ampiasaina. Anisan’izany ny fanekena ny fahefan’ny Baiboly, ho tena Tenin’Andriamanitra. Tsy maintsy vonona hampilefitra ny safidintsika sy ny faniriantsika eo ambany fampianaran’ny Teny isika. Tsy maintsy vonona ny hianatra isika, fa tsy mitady fomba hanamafisana ny fitsarana mialoha ataontsika fotsiny. Mila mikatsaka fitarihana avy amin’ny Fanahy Masina ihany koa isika. Tsy vitan’ny hoe mirakitra ny teny nolazain’Andriamanitra tamin’ny lasa fotsiny ihany ny Baiboly, fa io ihany koa no fitaovana izay hitenenan’Andriamanitra amintsika amin’izao fotoana izao. Mila ny fanampian’ny Fanahy isika amin’ny fiezahana mamantatra izay tiany ho rentsika.”*

Tsy misy mpanoratra hafa izay mitahiry ny Tenin’Andriamanitra mihoatra noho i Davida, ao amin’ny Baiboly. Maro amin’ny Salamony no maneho fifaliana ny amin’ny Teny. Fony izy nanoratra ny Salamo 119 dia nametraka fihaikana lehibe tamin’ny tenany, tamin’ny alalan’ny nanaovany azy io hanana endrika “acrostic” (endriky ny tononkalo hahitana litera mitovy any amin’ny voalohany na any amin’ny faran’ny isan’andalana.) Nozaraina ho paragrafy 22 io Salamo io, ka ny litera ao anatin’ny alfabeta Hebreo no naseho tao anatin’izy ireo tsirairay avy, ary ny andalana tsirairay avy ao anatin’ny paragrafy iray dia manomboka amin’ny litera iray tsy miova. Na izany aza anefa dia tonga indray ny fihaikana tena lehibe indrindra, fony izy nifidy hanoratra momba ny loha-hevitra iray monja: Ny Fitiavany ny Teny. Nampiasainy tany amin’ny ankabeazan’ ny andininy tsirairay avy ny teny hoe “Teny” na ny mitovy hevitra aminy. Vakio ny Salamo 119:97-104. Farito ny toetra nasehon’i Davida teo anatrehan’ny Teny.

Ao antin’ny bokin’ny Salamo iray manontolo no nampiasan’i Davida teny 9 samihafa, nentina nilazana ny Teny. Vakio indray ny Salamo 119:97-104 ary soraty ireo teny nilazana ny hoe “Teny” ao anatin’io paragrafy io.

Raha heverina àry fa manana ny toetra mahitsy iatrehana ny Baiboly isika, dia misy fomba roa miavaka hita ao anatin’ny fandalinana azy satria tsy vitan’ny hoe fandraketana an-tsoratra ny tenin’Andriamanitra tamin’ny lasa fotsiny ihany izy io, fa dia fitaovana voalohany hitenenany amintsika ihany koa amin’izao fotoana izao. Ilaintsika ny manaiky ireo asa roa ireo ary vitantsika izany amin’ny alalan’ny famaliana fanontaniana roa:

1. Inona no hevitr’ilay andininy tamin’ny mpanoratra azy sy ny olona niantefany tany am-boalohany (ny hevitr’ilay andininy tamin’izany fotoana izany)?
2. Inona no tian’ilay andininy ambara amintsika amin’izao fotoana izao (ny hevitr’ilay andininy amin’izao fotoana izao)?

Ny olon-drehetra, na mpino na tsia, dia afaka mamaly io fanontaniana voalohany io avokoa, fa ilay fanontaniana faharoa kosa dia natao ho an’ny mpino izay misokatra

* Richard Rice, *Reign of Andriamanitra*, Berrien Springs, Mich.: Andrews University Press, 1985, p. 39.

amin'ny fotoana fanendren'ny Soratra Masina ihany. Tsy feno ny maha-fampaherezana avy any ambony ny Baiboly raha tsy efa mamaky azy ny olona iray, milefitra eo ambanin'ny toro-marika sy ny fananarana na ny famporisihana, ary manaraka ny Teniny.

Talata: Ny Sary Lehibe Maneho Ny Baiboly

Raha toa iverenantsika jerena ny Baiboly ka manao famintinana kapobeny momba ny fahitana azy isika, dia ho hitantsika fa tantara iray no voalazan'ireo boky 66, dia ny tantaran'Andriamanitra sy ny fomba nifandraisany tamin'olombelona izany. Voalamina hifanaraka amin'ny fitantarana io tantara miezinezina io ny Baiboly, izay antsoin'ny Advantista hatramin'izay hoe: "Hery Mifanandrina."

Ireo toko 11 voalohany ao amin'ny Genesisy dia maneho ny tranga tany am-piandohana, tamin'ny Famoronana, ny Fahalavoana, ny Tondra-drano, ary ny Tilikambon'i Babela. Nanomboka teo amin'ny niantsoana an'i Abrahama tao amin'ny Genesisy 12, no nahitana fa ny sisa rehetra amin'ny Testamenta Taloha dia mirakitra ny tantaran'ny olom-boafidin'Andriamanitra, dia ny Israelita izany. Tao anatin'io tantara io no nanomanan'Andriamanitra ny toerana ho an'ny fanambaràna lehibe nataony, dia ny fhahatongavan'i Jesosy Zanany ho olombelona taty aoriana. Tafiditra tao anatin'ny antsipirian'io tantara io avokoa ny tantara tsirairay avy ao anatin'ny Testamenta Taloha. Inona no tombambidy izay mbola hitan'i Paoly ao anatin'ireny tantara ireny ho antsika amin'izao fotoana izao? Vakio ny I Korintiana 10:1-11.

Toa tantara tsy mbola nifarana no fhahitana ny Testamenta Taloha, izay nofenoina tamin'ny alalan'ny Testamenta Vaovao. Manome tatitra efatra momba ny fiainana sy ny fampianaran'ilay Zanak'Andriamanitra tonga nofo ny Filazantsara. Ny sisa amin'ny Testamenta Vaovao, izay mamerina indray ny filazana tany amin'ny Testamenta Taloha mifanaraka amin'ilay Kristy natsangana, dia mirakitra ny fiandohana sy ny fiparitahan'ny maha-Kristiana, ary manome toro-marika ny amin'ny fomba tokony iainan'ny Kristiana. Ny Apokalypsy izay boky farany, no mirakitra ny drafi-pamonjen' Andriamanitra amin'ny alalan'ny famaranana be voninahitra. Inona no teny avo indrindra izay nanambàran'i Kristy hoe: ny tantaran'Andriamanitra sy ny olombelona iray manontolo dia tena momba Azy tokoa? Vakio ny Apokalypsy 22:12, 13.

Alarobia: Inona No Tian'izany Ambara? Ny Fotoana Sy Ny Toerana Nitrangan'ny Zavatra Iray.

Hanao fampiharana momba ny "fandalinana" ny Baiboly isika. Azo antoka fa araka ny efa fantatrao, dia misy ambaratonga samihafa eo amin'ny famakiana sy ny fandalinana ny Baiboly. Tsy mila fanampiana akory dia vitanao ny mamaky ny ampahany sasany amin'ny Baiboly, mianatra zavatra bebe kokoa momba ny fitiavan'Andriamanitra ny olombelona sy ny zavatra nomeny azy ireo ary ny zavatra andrandrainy avy aminy. Na izany aza anefa dia azonao atao ny mandray zavatra bebe kokoa avy amin'ny fandalinanao ny teny, raha toa ka fantatrao ny fomba hirosoana amin'izany ary manana fitaovana fototra vitsivitsy hanampiana anao hahatakatra izany ianao. Araka ny efa

nianarantsika teo aloha kely dia ny famaliana izao fanontaniana izao no asa voalohany atao rehefa mandalina ny Baiboly: “Inona no hevitr’ilay andininy amin’ny mpanoratra sy ny olona niantefan’izany?” Noho io fanontaniana io mihitsy no tena ilantsika ny fitaovana ho an’ny fandalinana ara-Baiboly. Rehefa mampiasa izany fitaovana izany ianao dia tsy maintsy ekenao hoe hevitr’olombelona avokoa ireny fitaovana ireny, izay mety ho diso indraindray.

Inona avy ny fitaovana ilaina? Anisan’ny fitaovana miavaka handalinana ny Baiboly ny dikan-teny tsara nandikana ny Baiboly, ny kônkôrdansy, ny raki-bolan’ny Baiboly, ny tari-dalana ho an’ny Baiboly, ary ny famakafakana mari-pototra tsara. Mba ahafantaranao bebe kokoa momba ny fepetra manokana takiana amin’ireny loharanon-kevitra ireny dia jereo ao amin’ny tranonkalam-pifandraisana <www….org>.

Mety efa anananao ny fitaovana sasany. Raha toa ka tsara ny karazana Baiboly anananao, dia hahitana lohateny kely isaky ny fizaràna ilay izy, ny tenin’i Jesosy miloko mena, tononkalo miseho amin’ny tena endrika tononkalo, fanampim-panazavana ery ambany, naoty mampifandray amin’ny andininy hafa, ary sarin-tany sy kônkôrdansy fohy any amin’ny farany angamba. Vakio ny Teny Mialoha na ny Fampidirana ny Baibolinao, mba hianaranao ny fomba fampiasana ny fanampim-panazavana sy ny naoty mampifandray amin’ny andininy hafa.

Ao amin’ny Marka 10:17-27 no andalana hanaovantsika “fampiharana”, izay mirakitra ny tantaran’ilay “tovolahy mpanapaka mpanan-karena.”
Mba ahafahana mamaly ilay fanontaniana hoe: “Inona no hevitr’ilay andininy amin’ny mpanoratra sy ny olona niantefan’izany?” dia samy ilaintsika fantarina na ny *toerana sy ny fotoana nitrangan’ilay tantara* na ny *zavatra voarakitra ao anatiny*. Vakio àry aloha ilay andalana.

Ny atao hoe toerana sy ny fotoana nisehoan’ilay tantara. Raha amin’ny heviny voafetra, ny atao hoe “toerana sy fotoana nisehoan’ny tantara” dia hita ao amin’ireo andininy manodidina ilay andalana. Raha ny tena izy anefa dia voasokajy ho roa ny resaka toerana sy fotoana nisehoan’ny tantara: miankina amin’ny tantara sy miankina amin’ny asa-soratra. Ny fahafahana mamaly azy ireo araka ny tokony ho izy dia mitaky loharanon-kevitra hafa, hanampiana izay efa ambaran’ny Baiboly.

Ny “miankina amin’ny tantara” dia entina hilazana ny fotoana nitrangan’ilay tantara sy/na ny fotoana nanoratan’ny mpanoratra ny hafatra nampitainy. Anisan’izany ny rivotra niainana ara-politika, ara-pivavahana, ara-piaraha-monina, ary ny tranga sy ny tanjona izay namporisika ny mpanoratra hanoratra ilay izy. (Tena nahaliana an’i Marka ny fanazavana momba ny naha-Mesia an’i Jesosy amin’ny maha-mpanompo Ory Azy. Ninoana fa nianarany tamin’i Petera ny zavatra nosoratany.)

Ny “miankina amin’ny asa-soratra” indray kosa dia entina hilazana ny endrika asa-soratra hisokajiana ilay boky. (Filazantsara ny bokin’i Marka, izay karazana boky tokana nitantara ny fiainana sy ny fampianaran’i Jesosy.)

Alakamisy: Inona No Tian’izany Ambara? Ny Zavatra Voalaza Ao Anatiny

Rehefa fantatrao amin'izay ny toerana sy ny fotoana nisehoan'ny tantara ao amin'ilay andalana hanaovanao fandalinana, dia vonona hiatrika ny zavatra voalaza ao anatiny amin'izay ianao.

Ny atao hoe zavatra voalaza ao anatin'ny tantara. Na dia toa tsotra aza ny fhahitana azy dia tsy maintsy hamafisintsika ny maha-zava-dehibe ny famakiana amim-pitandremana sy amim-piheverana ny andalana ao amin'ny Baiboly. Vakio indroa ny Marka 10:17-27. Hametraka fanontaniana fototra vitsivitsy nasongadin'io tantara io isika. Raha toa efa nahazatra anao ny Testamenta Vaovao, dia mety afaka hamaly ireto fanontaniana ireto ianao. Koa satria amin'ny alalan'ny fizahana loharanon-kevitra hafa ihany izay vao hita ny valin'ny sasany, dia misy valiny fohy natao ao anaty fonon-teny ireo. Raha toa ianao manana loharanon-kevitra hafa dia ampitahao amin'ny fanazavana hitanao reto fanazavana manaraka ireto.

●Nolazain'i Marka hoe 'tovolahy" fotsiny ilay lehilahy izay tonga nanatona an'i Jesosy. Inona no antony niantsoana io lehilahy io hoe ilay "tovolahy mpanapaka mpanan-karena" ? (Any amin'ny andalana mitovy amin'io izay nosoratan'i Lioka no nanamarihany hoe "mpanapaka" ralehilahy. Nampian'ireo nanonta ny boky hoe "nanan-karena" teny amin'ny lohateny satria nanana "harena be ralehilahy"; azo antoka fa nampian'izy ireo hoe "zatovo" satria ny naha-zatovo azy no nambaran-dralehilahy.)

●Inona no zavatra mety nandraisan'ilay tovolahy mpanapaka sy ny sasatsany tamin'ireo Jiosy ny tenin'i Jesosy nanao hoe: "Andriamanitra irery ihany no tsara"? (Koa satria ninoan'ny Jiosy hoe Andriamanitra irery ihany no tsara, dia mety nihevitra angamba izy ireo hoe nilaza ny tenany ho Andriamanitra i Jesosy.)

●Rehefa nitanisa ireo didy enina farany i Jesosy, dia inona no antony nanovany ny hoe: "Aza mitsiririritra" ho lasa hoe: "Aza manambaka"? (Ny fanambakana dia ohatra iray maneho ny fitsiririritana, ary io no fakam-panahy manokana mahazo ny mpanan-karena.)

●Inona no "nahagaga" ny mpianatra rehefa nilaza i Jesosy hoe sarotra amin'ny olona manana harena be ny miditra amin'ny fanjakan'ny lanitra? (Nihevitra ny Jiosy fa ny harena no fitahiana omen'Andriamanitra vokatry ny fahamendrehan'ny olona iray.)

●Inona no tena tian'i Jesosy nambara rehefa niteny Izy hoe: "moramora kokoa ny hidiran'ny rameva amin'ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran'ny manan-karena amin'ny fanjakan'Andriamanitra"? (Tsy hoe nisy vavahady nantsoina hoe "vodi-fanjaitra akory tany Jerosalema tamin'ny fotoana nanoratana io tantara io. Nampiasa sary an'ohatra fotsiny i Jesosy mba hanehoana hevitra mahery vaika.)

Vakio indray àry ny Marka 10:17-27.

Hotohizana amin'ny herinandro ny fandalinantsika io andalana io, hamaliana ilay fanontaniana hoe: "Inona no hevitra tian'izany ampitaina amintsika amin'izao fotoana izao?"

Zoma: Fitsapam-Pahaizana

Apetraho eo amin'ny toerana malalaka aorian'ny tarehimarika ny litera mifanaraka amin'ny famaritana ny teny. (Fanamarihina: Mihoatra iray amin'ny famaritana ny teny.)

Famaritana	Teny
1. ___ Andraikitra voalohany amin'ny fandalinana ara-Baiboly	A. Karazana asa-soratra
2. ___ Andraikitra faharoa amin'ny fandalinana ara-Baiboly	B. Hery Mifanandrina
3. ___ Lalàna, mpaminany, asa-soratra, filazantsara, epistily	D. Ny hevitra tiana ambara amin'izao fotoana izao
4. ___ Andininy voatanisa eo afovoan'ny takila ao amin'ny ankabeazan'ny Baiboly ary manampy ny fanazavana eo amin'io takila io	E. Ny toetra mifanaraka amin'ny tokony ho izy
5. ___ Boky 27	F. Ny toerana sy ny fotoana nisehoan'ny tantara
6. ___ "Sary lehibe" na maneho ny antsipirian'ny tantara ara-Baiboly	G. Kônkôrdansy
7. ___ Ny fepetra manan-danja indrindra hanaovana fandalinana ara-Baiboly mahomby	H. Testamenta Taloha
8. ___ Boky 39	I. Testamenta Vaovao
9. ___ Ohatra: tononkalo, fitantarana, tantara, taratasy	J. Ny hevitra tiana ambara fahiny
10. ___ Fotoana sy kolontsaina izay nanoratan'ny mpanoratra ny Baiboly	K. Andininy mifandray amin'ny andininy hafa
	L. Ampahany amin'ny Baiboly

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Mariho "X" amin'io tsipika etsy ambany io ny toerana misy anao amin'ny fahalalana ara-Baiboly amin'izao fotoana izao. Mariho "*" eo amin'ilay tsipika kosa ny toerana tianao hisy anao afaka dimy taona.

Tsy mahalala na inona famakafakana ara-Baiboly	Mahay ny fomba amin'ny fanoratana	Manam-pahaizana na inona momba ny Baiboly
		fampiasana loharanon-kevitra eo amin'ny fandalinana ara-Baiboly

|----------|

Ampitomboy ny Fahalalanao

Raha toa ny Baibolinao misy naoty mampifandray amin'ny andininy hafa, dia vakio ny Teny Mialoha sy/na ny Fampidirana ilay Baiboly, mba hahitanao ny hevitra tiana aseho amin'ilay marika ampiasaina. Raha toa tsy hahitana naoty mampifandray amin'ny

andininy hafa ny Baibolinao, dia mividiana Baiboly hahitana izany. Mety afaka manampy anao hahazo izany ny pasitoranareo na ny mpitarika ny vondrona misy anareo raha toa ianao ka tsy manana fahafahana ara-bola hividianana izany.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam- pifandraisana<http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Inona No Dikan-tenin'ny Baiboly Tokony Ampiasaiko?

Sahirana ny olona amin'ny fanavahana ny dikan-teny tena tsara na marina indrindra, eo anatrehan'ny dikan-teny maro izay misy, nandikana ny Baiboly. Rehefa hanapa-kevitra ny amin'ny dikan-teny hovidiana ianao dia mila mahafantatra ny foto-pisainana izay nentin'ilay mpandika teny nandika azy.

Tsy maintsy manapa-kevitra ny mpandika teny hoe hiezaka handika ny teny tsirairay avy ve izy sa handika ny hevitra sa handika mifanaraka amin'ny fehezanteny ao anatiny mihitsy. Raha toa izy ka mandika ny teny tsirairay avy dia hitovy tanteraka tamin'ny fehezanteny niaingana ny fehezanteny voadika, kanefa mety tsy hilamina tsara ny firafitry ny teny, tsy mahafinaritra ny firindrany, na lasa hafahafa ny dikany raha toa ka misy fomba fiteny manokana ampiasaina ao amin'ilay fehezanteny niaingana. Raha toa ka ny hevitra indray no nadikany dia toa mahafinaritra ny firindran'ilay teny ary mora azo izay tian'ny fehezan-teny ambara, kanefa mety ho very ny hevi-dehibe avy amin'ny teny niaingana. Raha toa ka famerenana tanteraka izay voalaza no nataon'ilay mpandika teny (izay olon-tokana ny ankabeazany), dia averiny lazaina tanteraka araka izay vitany aloha izay ambaran'ilay andininy niandohana, miaraka amin'ny fahalalany manokana ara-teolojia, ka arafiny amin'izay ny teny hifanaraka amin'ny fomba fiteny mifanaraka amin'ny fampiasa amin'ny boky rehetra amin'izao fotoana izao.

Ny tanjonao no manampy anao hamaritra ny dikan-teny izay mety indrindra aminao. Saintsaino ny amin'ny dikan-teny isan-karazany nitohy nandritra ny fotoana naharitra, manomboka amin'ilay manakaiky indrindra ny tany am-piandohana (teny nadika tsirairay avy) hatramin'ny dikan-teny nifanalavitra indrindra tamin'ny tany am-piandohana (fandikana ny hevitra). Raha te-handalina ny Baibolinao amin'ny tsipiriany ianao, dia Baiboly dikan-teny natao tamin'ny alalan'ny nandikana ny teny tsirairay avy ampiasaina. Raha te-handalina Baiboly mora azo tsara sy mahafinaritra vakiana eny ampahibemaso ianao dia fidio ny dikan-teny mifanaraka amin'ny sokajy nandikana ny foto-kevitra. Raha tianao ho fantatra ny hevitra kapobeny ambaran'ny Baiboly ka fantatrao ihany koa ny fahaizana nentin'ilay mpandika teny nandrafitra ny teniny, dia azonao fidiana ny dikan-teny milaza ny hevitra kapobeny.

Amin'ny alalan'ny fampitahana ny dikan-teny maro nandikana ny Baiboly mahakasika ny andininy iray no hahitanao ny fahasamihafana kely eo amin'ny dikany, satria mpandika teny maro no efa miezaka manao izay tsara indrindra vitany amin'ny fandikana ny hevitra izay tian'ilay mpanoratra tany am-boalohany ampitaina. Tadidio fa

ny Baiboly nadika araka ny hevitra hita ao anatiny no antsoina hoe famakafakana ny Baiboly amin'izao fotoana izao.

Mba hahatonga anao ho manam-pahaizana ara-Baiboly tokoa dia ilainao hianarana ny teny Hebreo sy Grika, ary azonao atao ny mampiasa ny Baiboly misy elanelana malalaka tsara, hahitana ny teny Hebreo na Grika miaraka amin'ny teny Anglisy mitovy dika aminy, eo ambanin'ny teny tsirairay avy.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Asa Soratra:* Sokajin'ny fomba fanoratra mifototra amin'ny endrika, rafitra, ary ny zavatra voarakitra ao anatiny.

Mijery Akaiky Kokoa

Mahatakatra ny Baiboly

Ny fhahatakarana ny Baiboly amin'ny alalan'ny fomba lalindalina kokoa dia andraikitra mitohy hatrany, izay sahanin'ny vondron'ny mpino Kristiana iray manontolo. Nolazain'i Petera fa tsy efan'ny fisainan'ny olon-tokana fotsiny ihany izany (II Pet 1:19, 20). Na izany aza anefa dia tsy maintsy mandalina izany ny isam-batan'olona mba hahazoan'ny tenany tombontsoa.

Lehibe ny velarana hisokajiana ny fahalalana ara-Baiboly, manomboka amin'ny Kristiana vaovao izay maty tsy hahay mitady boky ao anatin'ny Baiboly akory, hatramin'ny manam-pahaizana izay nanoratra ny famakafakana ny Baiboly. Tsy misy na dia olona iray aza, na taranaka iray manontolo, mahatakatra ny zava-drehetra voalaza ao anatin'ny Baiboly, satria seha-pikarohana tsy misy fetra no hita ao anatiny. Na dia misy Kristiana vitsy aza antsoina ho tonga manam-pahaizana hanompo ny fiangonana, ny Kristiana rehetra dia antsoina handalina ny Baiboly, mba hahafahana mivelona amin'ny maha-tena mpianatra.

Lesona 12

NY FOMBA FANDALINANA NY BAIBOLY (2)

Inona no azoko atao mba hahatonga ny Baiboly hanana ny lanjany eo amin'ny fiainako? Moa ve ampy ny famakiana sy ny fandalinana ireo fitaovana misy eo anatrehako? Moa ve mitondra fahalalana sy fifaliana ho ahy hatrany ny famakiana na ny fandalinana ny Baiboly?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

"Fa velona sy mahery ny Tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo." (Heb 4:12)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Rehefa fantatrao ny fitsipika fototra amin'ny fianarana mamantatra ny hevitr'ilay andalana ara-Baiboly eo amin'ny mpanoratra, sy ny hevitra miantefa amin'ireo olona nanoratana tany am-boalohany, dia vonona ianao hamantatra ny hevitra tian'ilay andalana ampitaina aminao amin'izao fotoana izao. Ny "fahalalan'ny saina" no karazana fomba fianarana voalohany; ny "fahalalan'ny fo" no faharoa. Ilay "sabatra roa lela" dia mety hanindrona ny fitaovana mpamitaka hiarovanao ny tenanao, amin'ny fotoana tsy voafarotra eo amin'ny fandalinana ataonao.

Samy zava-dehibe ireo karazana fianarana roa ireo, araka ny nasehon'i Jesosy ny mpianany tamin'ny làlana ho any Emaosy. Nisy mpianatra roa nahatsiaro ny fihetseham-pon'izy ireo fony i Jesosy nampianatra: " 'Tsy nangorakoraka va ny fontsika raha . . . namoaka ny hevitry ny Soratra Masina tamintsika [Izy]?' " (Lioka 24:32) Izany no fihetseham-po ho tsapanao rehefa miteny aminao amin'ny alalan'ny Soratra Masina i Jesosy, ary hainao ny tena tiany ambara amin'ny tenanao manokana.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Ilay Dingana Nanalana ny Tsy Nety

Fredrick Russell

Tsy ny mpino vaovao ihany akory no mandalo ny "dingana fandavana ny tena" mba hanarahana an'i Jesosy. Ny Pasitora ihany koa dia tsy maintsy "mamery ny fiainany mba ahazoany izany."[*]

[*] "The Stripping Process" first appeared in the September 2004 issue of *Ministry*,® International Journal for Pastors, <www.MinistryMagazine.org>. Nahazoana alalana.

Mbola tsy renay akory ny momba ilay fiangonana talohan'ny nanendrena anay. Nekenay ny Antso na dia tsy mbola hitan'ny masonay akory aza ilay toerana. Fantatray fa fiangonana hahitana mambra vitsy kokoa noho ny fiangonana efa niandraiketanay taloha ny "Miracle Temple"(Tempoly Fahagagana), nekenay ihany anefa izany.

Tanàna hahitana trano mitandahatra i Baltimore, izay nahazo ny "satroboninahitry ny hatsarana" teo amin'ny lafiny ara-panorenana trano, tamin'ny fotoana nampiroborobo azy. Toerana maro any amin'io tanàna io amin'izao fotoana izao no hahitana tanora matihanina eny an-drenivohitra, izay mifindra ary maka an-keriny amin'ireo trano mitandahatra, fa ilay faritra nisy ny fiangonana teo an-tanàna kosa dia tsy niteraka fanahiana momba ireto tanora matihanina eto an-drenivohitra ireto, na fanahiana ny amin'ny mety hividianan'ny olon-kafa ny tanàna eo amin'ny manodidina azy.

Misy rihana iray vita amin'ny biriky mena ilay trano fiangonana, hahitana vato fehizoro manambàra avy hatrany hoe tamin'ny taona 1866 no nanorenana ilay trano. 20 taona mahery izao no nampiasan'ny mpiangona ao amin'ny "Miracle Temple" io trano io.

Noraisin'ny diakona telo tamin-kafanana izahay. Nahakasika ny foko ny hafanan'izy ireo, kanefa taitra tanteraka aho raha vao nahita ilay toerana. Nadio aok'izany ilay trano, saingy nisy zavatra iray nahatsapana hoe tena efa antitra ilay trano. Hita niharihary hoe nisy fiezahana natao nanatsarana ny zavatra tao anatiny kanefa mbola hita hoe maizimaizina sy vasobasoka ihany ny tao anatiny.

Tsy vitan'ny hoe nisedra ady sarotra fotsiny ny "hambom-poko amin'ny asa fanompoana" tamin'ny andro voalohany naha-tao amin'ny "Miracle Temple" ahy, fa dia latsaka anaty faharesena tanteraka mihitsy. Ny hany mba nanodidina ahy dia ny marika nazava sy tsy diso mihitsy, manondro hoe "latsaka an-katerena" aho, ao anatin'ny faritra ratsy amin'ilay tanàna, hahitana mpiangona vitsy ao anatin'ny trano izay mba mahita mangirana ihany.

Telo herinandro taorian'ny Sabata voalohany naha-tao amin'ny "Miracle Temple" dia nijoro teo am-baravarankelin'ny rihana voalohany izay toerana nisy ny biraoko aho, tao amin'ilay fiangonana anisan'ny trano nitandahatra. Taim-boalavo no teny amin'ny latabatro, tsy niloko ilay rindrina feno pentina mavo, ary nangatsiaka ilay efitrano. Tsapako ankehitriny fa niteny tamiko momba ny toetrako feno fitiavan-tena Andriamanitra; momba ny fangatahako ny ho ambony indrindra foana; momba ny olan'ny fireharehako; ary momba ny tsy fianteherana Aminy efa nahazatra ahy. Tao anatin'izay fotoana fohy tsy nampoizina tao anatin'ny saiko izay no nahitako ny sasany tamin'ireo "haizina" tao anatin'ny foko, ary tsy tiako ny zavatra nasehon'Andriamanitra ahy.

Nanao fangatahana tamin'Andriamanitra aho, izay hanova ny fiainako rehefa avy manao ity vavaka tsotra ity aho: "Andriamanitra o, mba omeo fhahitana mahakasika an'i "Miracle Temple" aho fa omeko ho an'io toerana io avokoa izay rehetra ananako." Tampoka teo dia nisy fiadanana sy fahatoniana tonga tamiko.

Nikorontana aok'izany ny valo taona taorian'io fotoana io. Nampianatra ahy isan'andro Andriamanitra, nanolokolo ny fiankinako taminy, ary nandresy lahatra ahy ny

amin'ny tombam-bidin'ny fifohazana maraina hikatsahana ny tavany. Tsy azo hiadian-kevitra ny vavaka amiko. Manana faniriana lalina hiaraka bebe kokoa amin'Andriamanitra aho, araka ny efa faniriany hiaraka amiko hatrany. Mitovy tadin-dokanga izahay ankehitriny. Eny tokoa, misy fotoana mbola hanaovako ady amin'ny "zavatra ao am-po", kanefa tonga dia tsapako ilay izy ary hibebahako avy hatrany raha vao tonga ao an-tsaiko. Nijery an'Andriamanitra nanao dingana "fanalana ny tsy nety" teo amin'ny fiainako aho, izay tsy maintsy nampietry ahy, mba ahafahako miarina indray handeha eo amin'ny làlany. Niady tamin'Andriamanitra aho, ary soa ihany fa resy.

Alatsinainy: Mandre Ny Teny

Rehefa niseho tamin'i Jaona tao anatin'ny fahitana tany amin'ny Nosy Patmosy ilay Kristy natsangana tamin'ny maty, dia nanome hafatra ho an'ireo fiangonana fito. Tao anatin'ny hafatra nomeny ho an'ny fiangonana fahafito, dia ny fiangonan'i Laodikia izany, no nampidiran'i Kristy ny teny fikasany: "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko." (Apok 3:20)

Hitantsika eto i Kristy izay nanao ny dingana voalohany hiresahana amintsika, hiarahana misakafo amintsika. "Ny fiaraha-misakafo" no sary an'ohatra tena mifanaraka amin'ilay andraikitra faharoa eo amin'ny fandalinana ara-Baiboly, dia ny fiezahana mitady ny hevitra tian'ilay andalana ampitaina amintsika amin'izao fotoana izao izany. Vakio indray ilay teny fikasana. Inona ireo zavatra roa tokony ataontsika ho setrin'ny fanasan'i Kristy hiara-misakafo?

1.

2.

Manokàna fotoana hisaintsainana momba ny mety ho endrik'ireo asa ireo eo amin'ny fiainanao manokana.

Ny teny hoe "mandre" amin'ny teny Hebreo (teny nampiasaina tao anatin'nyTestamenta Taloha) sy amin'ny teny Grika (teny nampiasaina tao amin'ny Testamenta Vaovao) dia manana heviny lehibe tokoa, hahitana ny fitambaran'ny hoe "mihaino" sy "mitandrina" izay miafara amin'ny fanaovana ny zavatra renao.

Ny teny hoe "mandre" no teny voalohany ao anatin'ny "Shema", ilay fanekem-pinoana lehibe fanaon'ny Jiosy ary notanisain'i Mosesy ihany koa rehefa nanomana ny olona hiditra tany amin'ny Tany Nampanantenaina izy. Vakio ao amin'ny Deotoronomia 6:4-9 izany "Shema" izany. Ahoana no fomba tokony handraisan'ny olona ny Teny nomena tamin'ny alalan'ny mpaminany?

Teo amin'ny kihon-dalana iray nanana ny lanjany teo amin'ny tantaran'ny famonjena, no nitenen'Andriamanitra mihitsy. Inona no niseho tamin'izay fotoana izay ary inona no tian'Andriamanitra ataon'ny mpianany? Vakio ireo andininy mialoha sy aorian'ny Matio 17:5.

Samy hahitana fifandraisana ao anatin'ny teny hoe "misakafo" sy "mihaino". Manasa antsika hiara-misakafo Aminy i Kristy, ary asain'Andriamanitra Ray mihaino ny zavatra ambaran'i Kristy isika. Rehefa miditra ao anatin'ny fifandraisana Aminy isika ary mihaino ny Teny momba an'i Kristy sy avy Aminy, dia tena tohina tanteraka isika. Inona no fihetsika nasehon'ireo olona nihaino an'i Jesosy tamin'ireto tranga tsirairay avy eto ambany ireto?

●Marka 1:22 (ny vahoaka)

●Jaona 7:45-47 (mpiandry raharaha an'ireo "fahavalon" i Jesosy')

●Lioka 24:27, 32 (ireo mpianany)

Rehefa manokatra ny fonao hadre sy hihaino ny Teny ianao, izay andraikitra faharoa rehefa mandalina ny Baiboly, dia ho tafiditra ao anatin'ny fifandraisana amin'i Jesosy. Izany no ambaran'ny Apokalypsy 3:20.

Talata: Mikatsaka Fanovana

Tian'Andriamanitra "hifanaraka amin'ny endriky ny Zanany" (Rom 8:29) ny olombelona. Koa satria mpanota ny olombelona, dia tsy mandeha ho azy io dingana io; tsy maintsy ovaina amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra isika. Nanao ny olombelona tamin'ny alalan'ny Teniny tamin'ny andron'ny Famoronana Andriamanitra. Mbola ny Teniny ihany koa no ampiasain'Andriamanitra hamoronana antsika indray. Vakio ireto andininy manaraka ireto ary hazavao izay ambarany aminao momba ny dingan'ny fiovana hanana endrika mitovy amin'ny an'i Kristy: Romana 12:2; Filipiana 2:5; II Korintiana 10:4, 5; Filipiana 4:8.

●Aiza ny fanovana no miseho?

●Inona no ohatra alain-tahaka eo anoloantsika?

●Aiza no tokony hitoeran'ny saintsika?

Rehefa tonga mpanaraka an'i Jesosy ianao, dia azo antoka fa nanomboka nahita zavatra sasany teo amin'ny fiainanao, izay tsy dia tena tafiditra ao anatin'ny fiainana Kristiana loatra, mety hoe zavatra toy ny fifosana, fitsiriritana, fitondrantena feno fanararaotana, fahazarana sarotra hialana. Inona no mety ho vokany raha toa ka tsy soloina zavatra tsara na fahazarana tsara ireny zavatra ireny? Nitantara fanoharana iray i Jesosy ho famaliana io fanontaniana io mihitsy. Vakio ny Matio 12:43-45.
What will happen?

Mampitahotra ny mahalala hoe tsy ho tanteraka amin'ny hery maha-olombelona mihitsy ny tena fanovana hitoviana tanteraka amin'ny endrik'i Kristy. Ny zavatra mahagaga tsara ho fantatra dia ny hoe, rehefa miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra dia "azo atao avokoa ny zava-drehetra." Sokafantsika amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ny tenantsika, eo am-panatontosantsika ny andraikitra faharoa amin'ny famakiana sy fandalinana ny Teniny. Ireto avy ny dingana hitadiavana ny "hevitra tian'ilay Teny ambara amintsika":

1. Vakiana tsara amim-piheverana ilay andininy.
2. Saintsainina ilay andininy.
3. Mivavaka mba hanaovana fampiharana avy amin'ilay andininy.
4. Mifidy fehezanteny na hevitra entinao manompo sy mankato.

Hanao fampiharana io fandalinana io ianao, amin'ny ampahan'ny lesona ao anatin'ny roa andro manaraka.

Alarobia: Mamaky Amim-Pitandremana

Nianarantsika tamin'ny herinandro lasa hoe hahitana andraikitra roa ny fandalinana ara-Baiboly: Fantarina ny (1) hevitra tiany nambara tamin'ilay mpanoratra sy ny olona niantefan'izany, ary (2) ny hevitra tian'izany ambara amintsika amin'izao fotoana izao. Tamin'ny alalan'ny fampiasana ny Marka 10:17-27 no nanaovantsika fampiharana ilay andraikitra voalohany. Mbola hampiasa io andalana io ihany isika anio sy rahampitso, hanaovana fampiharana mahakasika ilay andraikitra faharoa.

Dingana 1: Mamaky ny andininy amim-pitandremana. Angataho hitari-dalana ny fahalalanao ny Fanahy Masina; rehefa izany dia vakio indroa ilay andalana. Koa satria notantaraina ilay tantara, dia mety afaka "miditra" amin'ilay tantara ihany koa ianao raha toa ka alainao sary an-tsaina hoe nijoro teo akaiky teo ianao na lehiben'ny fanaovana sarimihetsika izay te-hanao haka sary ilay tranga. Mametraha amin'izay àry fanontaniana miavaka tsara mahakasika ilay tranga. Vakio ny Marka 10:17-27. Ireto misy santionana fanontaniana.

●Inona no zavatra notadiavin'ilay zatovo mpanapaka nanan-karena?

●Araka ny hevitrao, karazan'olona manao ahoana no mety ho niheveran'ny olona ilay zatovo?

Inona no fihetseham-po miseho eto amin'ity andalana ity . . .

●ny an'i Jesosy? (vakio ny andininy 21)

●ny an'ilay zatovo mpanapaka nanan-karena? (vakio ny andininy 22)

●ny an'ny mpianatra? (vakio ny andininy 24, 26)

Heverinao ve fa tsapan'ilay tovolahy hoe nisy zavatra nihazona azy tsy ahazo ny zavatra niriany? Na heverinao fa mba te-ahazo sitraka avy amin'i Jesosy fotsiny izy noho ny amin'ny maha-"tovolahy ambony" azy?

Nilaza tamin'ilay tovolahy nanan-karena i Jesosy hoe diso zavatra iray loha izy. Tsy nambaran'i Jesosy ny zavatra tsy ampy taminy, fa dia nolazain'i Jesosy azy fotsiny hoe inona no tokony atao eo anatrehan'izany. Inona avy ireo zavatra telo nasain'i Jesosy nataony?

1.

2.

3.

●Noho izany, araka ny hevitrao, inona no tsy ampy taminy?

Inona no fifandraisana misy eo amin'ny valin-tenin'i Jesosy tamin'ilay tovolahy ao amin'ny andininy 19 sy ny valiteniny ho an'ny mpianany ao amin'ny andininy 27? Mitovy ireo fanontaniana.

Moa ve nantenain'i Jesosy hivarotra ny fananananany sy hanome vola ho an'ny mahantra ary hanaraka Azy avokoa ny mpianatra rehetra?

Moa ve i Jesosy misolovava ny fiainana feno fahantrana na fiainana maha-mpianatra na ny fomba fiaina hafa?

Alakamisy: Misaintsaina ilay Andininy

Rehefa avy namaky ilay andalana ara-Baiboly tamim-piheverana ianao dia apetraho ny fanontaniana hahitanao ny tsipiriany rehetra, ary vonona hiatrika ny dingana manaraka amin'izay ianao ankehitriny, izany hoe ny fisaintsainana. Rehefa voatonona ny teny hoe "fisaintsainana", dia misy Kristiana sasany somary sahiran-tsaina satria hita ao anatin'ny kolotsaintsika fa misarika ny saina ho amin'ny endrika fisaintsainana (méditation) ataon'ny firenena Tatsinanana izy io matetika, izay fotoana hanesoran'ny olona iray ny zava-drehetra ao an-tsainy, mba ahafahana miray tanteraka amin'ny any amin'ny tsy taka-maso any."

Mifanalavitra be amin'izany endrika izany ny fisaintsainana Kristiana. Ny fisaintsainana Kristiana dia famenoana ny saina amin'ny alalan'ny fisaintsainana voahevitra momba ny Teny. "Mampiditra antsika ao anatin'ny dingan'ny "fo" ny fisaintsainana, eo amin'ny lafiny ara-Baiboly, izay hitambaran'ny tsiaro, fanandramana, fiheverana, fihetseham-po, fanantenana, faniriana, vinavina, ary ny fikasana."[*]

[*] Marjorie Thompson, *Soul Feast: An Invitation to the Christian Spiritual Life* (Louisville, Ky.: Westminster Knox Press, 1995), p. 23.

Dingana 2: Misaintsaina ilay andininy. Samy manana ny asany ny famakiana sy ny fisaintsainana, kanefa tsy voatery atao amin'ny fotoana samihafa. Mety hifandimbiasanao matetika eo ny famakiana sy ny fisaintsainana. Ao anatin'izany dingana rehetra izany anefa dia izao no hevitra kapobeny tokony ho ao an-tsainao: "*Inona no tian'Andriamanitra ambara amiko amin'ny alalan'io andininy io?*

Vakio indray ny Marka 10:17-27 ary saintsaino ireto fanontaniana ireto, izay ohatra omena maneho ireo fanontaniana mendrika apetraka amin'ny fisaintsainana.

●Moa ve misy zavatra hafa manan-danja mihoatra noho ny famonjena amiko?

●Raha eny, inona no mety asain'i Jesosy ataoko mba hanitsiako ny loha-laharana eo amin'ny fiainako?

●Inona no azoko hianarana momba an'i Jesosy ao amin'io andalana io?

●Tsapako ve hoe raha amin'ny alalan'ny herin'ny tenako manokana dia tena tsy ho tanteraka mihitsy ny famonjena?

●Mahafantatra namana na havana izay nanaiky ny fanasan'i Jesosy hanaraka Azy ve aho, ary olona izay nandà ny fanasany? Manao ahoana ny fiainan'izy ireny amin'izao fotoana izao?

Zoma: Manao Fampiharana Ilay Andininy

Eo am-pamakianao sy hisaintsainanao momba ilay andalana ara-Baiboly, dia mety ho hitanao fa nampiasain'ny Fanahy Masina ilay Teny hoe toy ny "sabatra roa lela", mba handidiana ny fonao ary hanehoana aminao ny ampahany amin'ny tenanao izay mbola tsy fantatrao mihitsy. Na mety ho hitanao tsara amin'izay hoe iza moa i Jesosy ary inona no nataony sy mbola hataony aminao. Mila valiny avy aminao io izany antso ho amin'ny fahalalana vaovao izany. Ary ny vavaka no valiny voalohany.

Dingana 3: Mivavaka mba hanaovana fampiharana ilay andininy. Hotohizantsika ny fandalinana momba ilay tovolahy mpanapaka nanan-karena. Vakio indray ny Marka 10:17-27. Na dia efa fantatr'i Jesosy aza hoe hifidy ny tsy hanaraka Azy ilay tovolahy mpanapaka, dia mbola nijery azy Izy ary "tia azy."

Moa ve izany milaza zavatra momba an'i Jesosy aminao? Mahatsiaro te-hidera Azy vokatry ny fitiavany lehibe ho an'ny mpanota ve ianao? Derao amin'ny alalan'ny vavaka àry Izy. Mahatsapa tahotra ve ianao hoe misy zavatra mety ataonao manan-danja kokoa noho ny fanarahana an'i Jesosy eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao? Raha eny, maniry hanitsy ny loha-laharanao ve ianao? Na vonona hanitsy azy ireny ve ianao farafaharatsiny? Mangataha faharisihana sy tanjaka avy amin'Andriamanitra. Izany no dingana voalohany amin'ny fankatoavana ny Teny.

Dingana 4: Mifidy fehezanteny na hevitra entinao manompo sy mankato. Rehefa vitanao ny fandalinanao hamantarana "ny hevitra tian'ilay andininy ampitaina aminao" dia maniry hifidy fehezanteny na hevitra hotadidiana ianao, ary hiainana amin'ny alalan'ny fanompoana sy ny fankatoavana. Ireto misy soso-kevitra sasany mahakasika ilay andalana nanaovanao fandalinana:

●Andriamanitra irery ihany no tsara.

●Nijery azy i Jesosy ary nitia azy.

●Endrey izany hasarotan'ny fidiran'ny olona matoky harena any amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

●Mety avokoa ny zava-dreheta rehefa miaraka amin'Andriamanitra.

Io dingana iray manontolo hanaovana fandalinana, fisaintsainana, ary hanaovana fampiharana ny Teny am-bavaka io, dia mitondra anao ho amin'ny fifandraisana amin'i Jesosy, ilay Teny tonga nofo.

Mandalina Ny Fanandraman'ny Tenanao Manokana

Fanandramana vaovao ho anao ve ilay fomba nandalinana ny Baiboly nataonao nandritra ny roa herinandro lasa? Hitanao ve ny lanjany? Hifanakaozy hevitra miaraka amin'ny tarika misy anao ireo fanontaniana ireo.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Fandalinana ara-Baiboly Hanova ny Fiainanao

Nianarantsika nandritra ny roa herinandro lasa izay ny fomba fandalinana ny Baiboly. Nolazaintsika hoe nisy ampahany roa na andraikitra roa tao anatin'ilay dingana. Hofintinintsika ao anatin'ny takila iray avokoa ireo andraikitra roa ireo, mba hananan ao toro-marika tonga dia vonona.

Andraikitra Voalohany

Inona no tian'ilay andininy ambara amin'ny mpanoratra sy amin'ny olona hiantefany?

Atombohy amin'ny alalan'ny vavaka fangatahana ny fitarihan'ny Fanahy Masina hatrany ny fandalinana ara-Baiboly ataonao.

●Vakio amim-pitandremana ny andininy na ny andalana, indroa fara-fahakeliny.

●Diniho ny toerana sy ny fotoana nisehoan'ny tantara.

◦Endrika asa-soratra inona no nanoratana ilay andalana (fanoharana, tantara, tononkalo, sns.)?

◦Inona no hevitr'ireo andininy manodidina ny andalana hanaovanao fandalinana?

◦Nosoratan'iza ho an'iza ilay andalana?

◦Inona no tanjon'ilay mpanoratra?

●Diniho ny zavatra voalaza ao anatiny.

◦Vakio amim-pitandremana ny fehezanteny sy ny teny tsirairay avy, ary apetraho amin'ny tenanao ny fanontaniana hoe: "Ahoana no fomba mety

nahatakaran'ireo mpihaino taloha io andalana io?" Azo antoka fa tsy maintsy mikaroka loharanon-kevitra hafa ianao.

◦Inona no zavatra nianaranao momba an'i Jesosy?

Andraikitra Faharoa

Inona no tian'ilay andininy ambara amintsika amin'izao fotoana izao?

Tohizo amin'ny alalan'ny fangatahana fanampiana avy amin'ny Fanahy Masina ny fandalinana ataonao, fa izany no hanampy anao "handre" ny zavatra tian'Andriamanitra ambara aminao amin'ny alalan'io andalana io.

●Vakio amim-pitandremana amin'ny alalan'ny fandinihana izay mety ho heviny aminao, ilay andininy.

◦Raha toa ka tantara ilay izy, dia mipetraha amin'ny toeran'ny olona "mihaino sy mijery" ao anatin'ilay tranga.

●Saintsaino ilay andininy.

◦Hevero ny amin'ny teny sy ny fehezanteny tsirairay avy.

◦Ampitahao amin'ny fiainanao manokana ny fampianarany. Inona no hafatra entin'Andriamanitra ho anao? Inona no asain'i Jesosy fantarinao sy ataonao?

●Ento am-bavaka ny fanaovanao fampiharana izay voalaza ao amin'ilay andininy: fiaiken-keloka, fibebahana, fiderana, hery, sns.

●Mifidiana fehezan-teny na hevitra iray hotadidianao mandritra ny tontolo andro.

FANAZAVANA FANAMPINY

Teny Fototra

●*Shema:* Fanekem-pinoana Jiosy ary vavaka famerina indroa hita ao amin'ny Deotoronomia 4:6-9.

●*Laodikia:* Fiangonana fahafito farany ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy; fantatra amin'ny maha-matimaty azy.

●*Nosy Patmosy:* Nosy kely Grika any amin'ny Ranomasina "Egée", izay toerana nanaovan'ny Emperora Domitien sesitany an'i Jaona.

Mijery Akaiky Kokoa

Maka Sary An-Tsaina

Matahotra ny teny hoe *maka sary an-tsaina* ny olona sasany. Ny hafa kosa anefa dia mahita fa ny fakana sary an-tsaina dia fanomezam-pahasoavana lehibe na fitaovana hahafahana mamorona sy mahatakatra zavatra iray. Inona no mahatonga ny

fahasamihafana? Anisany nahatonga ny fifangaroana ny teny hoe *"maka sary an-tsaina"* sy *"ny hoe mamorona ny tsy misy"*. Ny hoe mamorona ny tsy misy dia midika hoe "tsy misy fomba hahatanteraka ilay zavatra mihitsy." Ny maka sary an-tsaina dia midika hoe "fahafahana mamorona hidirana amin'ny tranga iray na hamoronana zavatra iray izay tsy mbola fantatra taloha mihitsy." Ny fampiasana ny fakana sary an-tsaina eo amin'ny fandalinana ara-Baiboly dia midika ho fametrahana ny tenanao ao anatin'ny zavatra voaresaka ao amin'ilay andalana mihitsy.

Mariho ny fomba namporisihan'i Ellen White ireo mpamaky ilay Toriteny tao an-Tendrombohitra: "Andeha hiverenantsika alaina sary an-tsaina io sehatra io, ary eo ampiarahantsika, mipetraka miaraka amin'ny mpianatra eo an-tendrombohitra, no hidirantsika amin'ny hevitra sy ny fihetseham-po izay mety nameno ny fon'izy ireo. Rehefa mazava amintsika ny dikan'ny tenin'i Jesosy niantefa tamin'ireo izay nihaino Azy, dia haintsika manavaka ao anatin'izy ireny ny famirapiratana sy ny hatsarana vaovao, ary ho voaraintsika ho an'ny tenantsika ihany koa ny lesona lalina tiany ampitaina."*

Ny Maha-Advantista

Teny Hilazana Ny Resaka Ara-Tsakafo

"Haystacks": Sakafo mahazatra sy fanta-daza eo amin'ny tanora, izay hahitana katsaka voatoto nofisafisahana, tsaramaso, saosy tongolo, tongolo, salady, voatabia, ary fromazy voakiky, izay atambatra eo ambony lovia.

Sakafo Mahasalama: iantsoana ireo vokatra eo amin'ny resaka ara-barotra izay natao hitovitovy endrika amin'ny hena isan-karazany; tsy milaza velively ny hatsaran'ilay sakafo.

"Végétarien": Olona iray izay tsy mihinana afa-tsy legioma, voankazo, voanjo, voamaina, atody, ary zavatra vita avy amin'ny ronono.

"Végétalien": Olona iray izay tsy mihinana *afa-tsy* legioma, voankazo, voanjo, ary voamaina.

* *Thoughts From the Mount of Blessing,* t. 1.

Lesona 13

MANOKANA FOTOANA HO AN'ANDRIAMANITRA

Ahoana no fomba ahafahako mijoro tsy hanaraka ny fironan'ny kolontsaina maha-eo amin'izao tontolo izao ahy, ka mety hisalasalako ny amin'Andriamanitra?
Manao ahoana ny habetsahan'ny fotoana ilaina hamantarana an'i Jesosy?
Inona no singa izay manampy amin'ny famoronana fanoloran-tena feno ny Fanahy?

Ny tsianjery amin'ity herinandro ity:

" 'Izaho no voaloboka, ianareo no sampana. Izay miray Amiko ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; faraha misaraka Amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.' " (Jaona 15:5)

Alahady: Fampidirana ny Lohahevitra

Mila manokana fotoana ho an'Andriamanitra isika satria velona ao anatin'ny faritra misy fahavalo tsy mitsitsy mihitsy, faritra izay mandà an'Andriamanitra, minia tsy mahalala Azy, sy miteny ratsy Azy. Araka ny nomarihin'ny manam-pahaizana momba ny fiaraha-monina dia tsy misy olona maharo-tena ho azy amin'ny firehana ao anatin'ny kolontsainy. Vao tsy ela akory izay ny tokantranonay no tonga fiarovana kely izay tsy miserasera amin'ny haino aman-jery mihitsy, izay lasa lehiben'ny fanapariahana ny kolontsaina amin'izao fotoana izao. Tsy naharitra anefa izany. Nilaza fanambaràna isan-karazany ny fahitalavitra sy ny "internet", tsy teo an-tokonam-baravaranay ihany fa hatrany amin'ny faritra mitokantokana izay tsy voambina tao an-tokantranonay. Amin'ny alalan'ny fanaovana sy fihazonana ny fanoloran-tena hitambatra amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Teniny sy ny vavaka, no ahafahantsika mandà ny fiainana ankasitrahana eo anivon'ny kolotsaintsika sy mivelona amin'ny fiainana izay nohariany ho antsika indray, amin'ny alalan'ny fahasoavany.

Miara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny Tontolo Tena Misy

Mitia Ny Zavatra Mahitsy

Eugene Matios*

Malaza ny tantarako. Nobeazina tao amin'ny tokantrano Advantista aho. Loholona ny raiko. Natao batisa teo amin'ny faha-14 taonako aho. Efa nanesy ny famakiana ny Baiboliko mihitsy aza aho tao anatin'ny fandaharam-potoanan'ny Mpisavalalana. Tsy dia tena mpandray anjara navitrika tao am-piangonana anefa aho sady tsy nanaraka

* A pseudonym.

an'Andriamanitra araka ny tokony ho izy. Niaina fiainana feno fahotana aho nandritra ny efapolo taona.

Nony farany, amin'ny mpanamari-kaonty ahy dia niasa tany amin'ny toeram-piasana isan-karazany tao amin'ny governemanta aho. Nahita asa be karama be tao amin'ny orinasa misahana ny ara-bola amin'izay àry aho, ary mpanao fandalinana momba ny resaka ara-bola no asako tao. Nahazatra ahy sy ny mpiara-miasa tamiko ny nandeha tany amin'ny toeram-pisotroana, ary "niboboka labiera" aho nandritra ny takariva na dia tsy tiako aza ny tsirony.

Indray takarivan'ny Zoma, rehefa namily fiarakodia BMW izay loka azoko, nandeha nody tany an-trano aho, dia nisy fiara vaventy nijanona tampoka teo alohako. Nidona tamin'io ny fiarako ary potika tanteraka. Tsy dia naratra firy aho noho izany dia lasa nandeha tongotra ihany. Voaroaka anefa aho tapa-bolana taty aoriana.

Teo ho eo amin'ny volana Marsa no niantso ahy ny rahalahiko mba hilaza hoe misy fandaharana vaovao tohanan'ny Advantista ao amin'ny fahitalavitra, antsoina hoe "Hope Channel". Tsy noheveriko hahaliana ahy mihitsy izany resa-pivavahana amin'ny fahitalavitra izany. Mpankafy baolina kitra aho ary andry niankinan'ny ekipa nantsoina hoe "Dallas Cowboys". Lasa tia fatratra ny fandaharan'ny fahitalavitra "Hope" anefa aho. Tsy nijery zavatra hafa ankoatra azy io mihitsy aho nanomboka tamin'ny volana Marsa hatramin'ny Jolay.

Tsy dia nilamina ny fifandraisanay mivady. Vadiko fahatelo izy, ary tsy mbola nanambady vehivavy Advantista mihitsy aho. Niady hevitra izahay indray maraina ary nolazaiko taminy hoe tsy nohevriko hilamina mihitsy ny tokantranonay.

"Moa ve efa tena nitia olona ianao teo amin'ny fiainanao?" hoy izy nanontany.

Nanosika ahy hanao zavatra izany. Tsy nilaza na inona na inona aho, fa nanomboka nanao jery todika ny fiainako lasa nandritry ny taona maro. Marina ny teniny. Tsy mbola nitia olona afa-tsy ny tenako aho. Tia tena aho, tsy nihevitra afa-tsy ny tenako, ary nirehareha. Nidina tany amin'ny efitrano ambany aho ary nandohalika nivavaka ka nangataka an'Andriamanitra hanampy ahy.

Nandeha tany am-piangonana aho ny Sabata. Nandeha tany am-piangonana hatrany aho nanomboka tamin'io fotoana io. Niova ny fiainako. Averina atao batisa tsy ho ela aho.

Novako ho tonga efitrano fandinihan-tena ny trano fijerenay sarimihetsika. Ary anisan'ny dingana fanadiovana nataoko ny nanariako sarimihetsika maherin'ny 600, ka ny masina ihany no notazoniko. Manao fanompoam-pivavahana irery aho isan'andro, maraina sy hariva. Tsy liana amin'izany ny vadiko, saingy hisoloako tena eo anatrehan'Andriamanitra isa-maraina sy isan-kariva izy sy ireo zanany roa vavy. Heveriko fa ilay "izaho taloha" angamba no tian'ny vadiko kokoa, ilay olona mpiady aminy kanefa nanan'asa.

Manao vavaka fohy aho amin'ny fanompoam-pivavahana maraina, ary mamaky toko maro ao amin'ny Baiboly aorian'izany. Mamaky ny *Dia ho eo amin'i Kristy* ihany koa aho (fanindroany), *Ilay Fitiavana Mandresy*, ary ny "Henoinareo ny Fanoharana ". Rehefa izany dia aborako amin'Andriamanitra amin'izay ny foko. Koa satria aho tsy miasa, dia maharitra hatramin'ny adin'iray ny fotoanako ho an'Andriamanitra.

Nanomboka nanao diary isan'andro aho rehefa nahita izany soso-kevitra izany tao anatin'ny boky novakiako. Diarim-bavaka izy io, fitehirizana ny zavatra rehetra angatahako amin'Andriamanitra sy ny valin'izany. "Ny Diako Ara-Panahy" no hiantsoako azy io, ary io no misarika ahy hisaintsaina ny zava-bitako nandritra ny tontolo andro. Manomboka milaza zavatra tsy dia tsara aho indraindray, ary miato avy hatrany. Manampy ahy hifehy ny tenako ny Fanahy Masina, anisan'izany ny saiko, ny teniko, ary ny asa ataoko. Noho izany dia manao izao vavaka izao aho isa-maraina: "Te-ho tahaka an'i Jesosy aho anio." Mahagaga ny zavatra vitan'Andriamanitra ho antsika rehefa avelantsika manao izany Izy. Vaovao amiko izany fiainana izany, kanefa dia nanandratra ahy. Tsy mba zatra nitandrina ny zavatra lazaiko na nataoko izany aho.

Mbola mitady asa aho amin'izao fotoana izao ary efa ambanan-doza ny tranonay izay natao antoka. Mivavaka aho hoe: "Ray o, na inona na inona mitranga, dia aleo hitranga. Faly fotsiny aho satria miaraka Aminao." Inoako fa efa potika ny ara-panahiko, ary mila fotoana hamerenana azy amin'ny laoniny indray aho. Mety anisan'ny ampahany amin'ny famerenana ahy amin'Andriamanitra ny fahaverezan'ilay trano. Na inona na inona anefa mitranga dia manam-piadanana aho.

Alatsinainy: Fanarahana ny Onjan'izao Tontolo izao

Raha toa ianao ka Kristiana vaovao na mambra vaovao ao anatin'ny Fiangonana Advantista, dia mety hijery ireo olona manodidina anao ao am-piangonana ary hanontany tena hoe: "*Moa ve tsy tokony ho faly kokoa noho ny amin'i Jesosy ny Kristiana izay efa naharitra an-tanonany maro? Moa ve izy ireo tsy tokony havitrika eo amin'ny filazana amin'ny hafa momba ny zavatra nataon'i Jesosy ho azy ireo sy ny mbola ataony?*"

Mitombina izany indraindray. Na izany aza anefa, mahavariana fa toa miha-tsy mavitrika ny hafa. Antony iray lehibe nosoratan'i Jon Paulien tao anatin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe "*Present Truth in the Real World" (Ny Fahamarinana Ankehitriny ao anatin'ny Tontolo Tena Misy)* ilay antsoina hoe "fanarahana ny onjan'izao tontolo izao." Tsy misy Kristiana manapa-kevitra hivadika ho anisan'izao tontolo izao. Koa satria tahaka ny renirano lehiben'izao tontolo izao ny kolontsaina, ary ny olona tsirairay avy dia ao anatin'ny sambo kely eo ambonin'io renirano io, dia manaraka ny onjany eny fotsiny isika raha tsy manapa-kevitra hanohitra izany.

Misy Kristiana sasany miezaka miala amin'io renirano io. Izany hoe manandrana mandositra ny kolotsainy izy ary mipetraka any amin'ny toerana mafy orina izay namboarin'ny tenany manokana. Inona no nambaran'i Jesosy mahakasika izany olana izany? Tao anatin'ny vavaka tamin'ny alina nisamborana Azy, fony Izy mbola niaraka tamin'ny mpianatra, no nivavahany ho azy ireo manokana. Vakio ny Jaona 17:15-19. Fifandraisana sarotra nanao ahoana no tian'i Jesosy ananan'ny mpianany miaraka amin'ny tontolo nanodidina azy ireo?

●Teo andanin'ny fangatahan'i Jesosy mba hiarovan'ny Rainy ny mpianatra, inona no nolazainy fa "hanamasina" azy ireo?

Avy amin'ny taona maro nitandreman'i Paulien amin'ny maha-pasitora Advantista sy mpampianatra amin'ny seminera azy, no nanazavany ny dingana fanarahana ny onjan'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny resaka dingana. Na dia mety ho samihafa amin'ny olona tsirairay avy aza ireo dingana, dia mety hanabe antsika rehetra.

1. Ny vavaka ataon'ny tena manokana no miala voalohany.

2. Voakasika amin'izay ny fandalinana ara-Baiboly. Na dia mety mitohy aza ny fandalinana ara-Baiboly, dia lasa tsy dia misy lanjany firy amin'ny tena manokana intsony.

3. Manomboka miha-potika ny fitondrantena mifanaraka amin'ny tokony izy eo amin'ny tena. Io no mety marika voalohany hamantarana ampahibemaso ny fanarahana ny onjan'izao tontolo izao.

4. Lasa tapatapaka ny fandehanana any am-piangonana, mandra-pahatongan' izany ho lasa zavatra tena hiadiana mafy na dia tsy tsy tokony ho izany akory aza.

5. Mahatonga ny olona iray hanahy, ny fironana avy amin'ny fiaraha-monina: manahy ny Baiboly, manahy ny fiainana aorian'ny fahafatesana, manahy hoe tena misy tokoa ve Andriamanitra?*

Noho izany, inona no miaro mba tsy hanarahana ny onjan'izao tontolo izao?

Talata: Ny Fomba Nanokanan'i Jesosy Fotoana ho An'Andriamanitra

Rehefa "nonina tamintsika ny Teny tonga nofo" (Jaona 1:14), dia niditra tao anatin'ny faritra tsy dia mahafinaritra i Jesosy ka naka ny endrik'olombelona mba hivelona ao anatin'ny tontolo miaraka amin'ny mpanota. Talohan'ny nahatongavany ho nofo dia nifanatri-tava nivantana tamin'Andriamanitra Ray Izy. Rehefa tonga olombelona Izy dia naka endrika izay azontsika rehetra ampiharina, ny fomba fifandraisany tamin' Andriamanitra Ray. Ny fifandraisany akaiky tamin'ny Ray no nahalalany ny sitrapon'ny Ray sy ny hery ahafahana manatanteraka izany.

Mifandray Amin'ny Ray Amin'ny Alalan'ny Vavaka. Iray amin'ireo zavatra voalohany fantatsika momba an'i Jesosy ny hoe nanan-danja taminy ny vavaka. Vakio ireto andininy manaraka ireto ary saintsaino ny zavatra ambarany amintsika momba ny fiainam-bavak'i Jesosy: Marka 1:35; Lioka 5:15, 16; 6:12. Fotoana inona ao anatin'ny tontolo andro no tena nivavahan'i Jesosy?

●Farito ireo toerana nivavahany.

●Hafiriana no nivavahan'i Jesosy fony Izy niatrika fanapahan-kevitra na fihaikana nanan-danja? Vakio ny Matio 26:36-40; Lioka 6: 12, 13.

---

* Jon Paulien, *Present Truth in the Real World: The Adventist's Struggle to Keep and Share Faith in a Secular Society (Ny Ady Atrehan'ny Advantista Eo Amin'ny Fihazonana Sy Fizaràna Ny Finoany Ao Anatin'ny Fiarahamonin'izao Tontolo Izao)* (Nampa, Ida.: Pacific Press Publishing Association, 1993), pp. 62-65)

Mifandray Amin'ny Ray Amin'ny Alalan'ny Soratra Masina. Ny ankabeazan'ny zavatra fantatsika momba ny nandalinan'i Jesosy ny Soratra Masina dia avy amin'ny famintinana ny zava-niseho, izany hoe haintsika fa nandalina ny Teny Izy satria nampiasa teny avy ao matetika. Na vao 12 taona monja aza Izy dia efa nahalala zavatra be dia be momba ny Soratra Masina. Tamin'ny fotoana iray tao amin'ny synagoga no namakiany teny avy ao amin'ny horonam-bokin'Isaia (Lioka 4:16-19). Araka ny nambaran'i Jesosy, inona no loharanon'ny fampianarany (foto-pinoana, teny)? Vakio ny Jaona 7:16, 17; 12:49, 50.

Mifandray Amin'ny Ray Amin'ny Alalan'ny Fankatoavana. Fantatry ny mpanabe fa ny karazana fomba fianarana mahery indrindra dia ny fianarana ao anatin'ny fanandramana. Mianatra amin'ny alalan'ny fampiharana isika. Mampivelatra ny fifandraisantsika amin'ny hafa ny fiaraha-miasa amin'izy ireny. Akaiky tokoa ny fifandraisan'i Jesosy tamin'ny Ray, ary nofaritan'i Jesosy hoe "fitoerana ao Aminy" (fijanonana eo Aminy) izany. Inona no namorona izany fifanakaikezana teo amin'izy ireo izany? Vakio ny Jaona 15:9, 10.

Misy fifandraisana akaiky ny mahafantatra sy ny manao. Ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra no valisoa.

Alarobia: Ireo Fanoloran-tena Fototra Atao Isan'andro

"Tahaka ny diera miahanahana maniry rano an'ony no anirian'ny fanahiko Anao Andriamanitra o.
Mangetaheta an'Andriamanitra ny fanahiko, dia Andriamanitra velona."
(Sal 42:1, 2)

Ao anatin'ireo teny miendrika tononkalon'ny mpanao Salamo ireo no hahafantaratsika ny maha-zava-dehibe voalohany ny fanoloran-tena isan'andro: faniriana fatratra an'Andriamanitra. Tonga eo amin'ny fanatrehany miaraka amin'ny saina te-hidera isika. Ho fanampin'ny saina tia midera, ny ankamaroan'ny Kristiana dia manaiky hoe singa manan-danja hafa ho an'ny fanoloran-tena isan'andro ny vavaka sy ny fandalinana ara-Baiboly, anisan'izany ny fandinihan-tena.

Ny famakiana/fandalinana Baiboly sy ny fandinihan-tena. Raha toa ianao ka manao fanadihadiana amin'ny olona izay manao fandinihan-tena isan'andro ka manontany azy ireny hoe: "Ahoana no fomba hifidiananao ny zavatra hovakianao?" dia ho hitanao ny valiny. Ny sasany mampiasa boky fandinihan-tena isan'andro, ny sasany mamaky ny toko mifanesy ao amin'ny boky iray ao amin'ny Baiboly, ny sasany rehefa hanomboka hivavaka izay vao manapa-kevitra ny amin'izay "zavatra hovakiany". Ny hafa mety hifantoka amin'ny lohahevitra iray; vitsy kosa ny manao fihaikana hamaky ny Baiboly iray manontolo ao anatin'ny taona iray. Mitaky fotoana anefa ny fandalinana ara-Baiboly amim-pitandremana, ary tsy maintsy ferana ho ampahany kely amin'ny Soratra Masina ihany.

Ny fifohazana maraina sy ny fandraisana fanapahan-keitra hoe: *Mila mandray zavatra [izay ilainao hoe tsapanao amin'io fotoana io] avy amin'ny Baiboly aho*, dia mety hanampy be amin'ny fotoana manokana, kanefa tsy izany no drafitra mafy orina amin'ny resaka famakiana Baiboly.

Mila manana drafitra ao an-tsaina ianao. Raha izay efa fantatrao no fidianao hovakiana, dia voafetranao ny zavatra tian'Andriamanitra ambara aminao. Raha toa ianao ka mahatoky amin'ny drafitra maty paika famakiana ny Baiboly, dia ho hitanao fa ampiasain'ny Fanahy Masina matetika ireo teny ho an'io tontolo andro io, hanomezana anao teny avy amin'ny Tompo, izay mahagaga fa mifanaraka indrindra amin'ny zavatra ilainao.

Vavaka. Rehefa renao miteny aminao amin'ny alalan'ny famakiana sy ny fandinihana ny Soratra Masina Andriamanitra, dia voasarika hamaly Azy ianao. Ataonao izany amin'ny alalan'ny: (1) fiderana Azy noho ny hatsarany, ny fanolorany famelan-keloka sy fiainana mandrakizay, ary ny fitiavany lehibe ho anao; (2) fihaiken-keloka ataonao; ary (3) fangatahana hery avy Aminy hanaovana ny sitrapony, ary ny fitahiany ho an'ny tenanao sy ny hafa ary asany eto amin'izao tontolo izao. Amin'ny alalan'ireo fomba fifandraisana roa ireo, dia ny Teniny sy ny vavaka, no ahalalanao ny fanatrehan'Andriamanitra.

Alakamisy: Sehatra Hafa Izay Tokony Heverina

Rehefa nampianatra ny mpianany i Jesosy, dia matetika Izy no nampiasa fanazavana avy amin'ny natiora. Ho fanazavana ny fifandraisana akaiky izay tiany ananana amintsika tsirairay avy dia nampiasa sarin-teny mahafinaritra Izy, momba ny voaloboka sy ny sampany. Vakio ny Jaona 15:5-8. Inona no vokatry ny fitoeranao ao amin'i Jesosy?

●Inona no mitranga rehefa tsy mitoetra ao Aminy ianao?

●Ao amin'ny andininy 7 i Jesosy no maneho ny fifandraisana akaiky misy eo amin'ny fitoeranao Aminy sy ny fitoeranao amin'ny inona ihany koa?

Eto no hahitanao zavatra mamporisika anao amin'ny fanaovana ny fotoam-bavaka ho loha-laharana eo amin'ny fiainanao.

Ny Fotoana: Inona no sakana voalohany lazain'ny olona hoe tsy ahafahany manao fotoam-bavaka matotra na tsy ananany fotoana iarahana amin'Andriamanitra? "Tsy manam-potoana." Mbola mitombina hatrany ity fomba fijery efa hatramin'ny taloha ity: Rehefa ao any faniriana, dia misy làlana hatrany. Raha toa ianao ka vaovao amin'ny fanombohana manao fotoam-bavaka, dia manan-danja kokoa ny fijanonana ho mahatoky amin'ilay izy noho ny hoe mandany fotoana be hanaovana azy. Mifidiana fe-potoana azo tanterahana tsara ary araho amim-pahamatorana izany. Rehefa miha-zatra manolotra fotoana ho an'Andriamanitra ianao, dia tsara kokoa ny manana fotoana mipetrapetraka tsara noho ny hoe manana fotoana lava be vokatry ny fitiavanao te-hamaky sy handini-tena ary hivavaka.

Ny Fiverimberenana Matetika: Misy toro-marika telo farafahakeliny, mahakasika ny fiverimberenan'ny fotoana natokan'i Jesosy nifandraisana tamin'ny Ray: Ny vavaka niverimberina nataony, ny famerenana teny matetika avy ao amin'ny Soratra Masina, ary ny filazany matetika hoe manao ny sitrapon'ny Rainy Izy. Notaterin'i Lioka mihitsy aza ny fiverimberenan'ny fotoana nanokanan'i Jesosy tena sy nivavahany. Vakio ny Lioka 5:15, 16. Inona no tatitra nataon'i Lioka momba ilay fiverimberenana?

Izao no ambaran'ny olona manana ny fihevitr'izao tontolo izao: "Eny amin'ny toeran-drehetra izay misy ny tena ny fanjakan'ny tena. Mirosoa ho amin'izany." Namporisika antsika hiditra ao amin'ny "fanjakan'Andriamanitra" i Jesosy? Ny teny Grika nandikana ny hoe "fanjakana" dia mety hazava kokoa rehefa nadika hoe "fitondrana." Araka ny hitantsika izany dia mifanohitra amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny fanjakan'ny tena. Inona no nolazain'i Paoly hoe tsy maintsy ataony mba handreseny ny fanjakan'ny tena ary isaky ny inona izy no manao izany? Vakio ny I Korintiana 15:31.

●Inona no nolazain'i Jesosy hoe tsy maintsy atao raha te-hiditra ny fanjakan'Andriamanitra? Vakio ny Jaona 3:3.

Mba ahazoana ilay fiainana be dia be dia nampanantena i Jesosy hoe mila fanoloran-tena isan'andro ahafahana mandà ny fanjakan'ny tena (maty isan'andro ny amin'ny tena) ary milefitra eo ambanin'ny fanjakan'Andriamanitra (ateraka indray). Andraikitra tsy ho vitan'ny tenantsika irery mihitsy ny fanatanterahana io fanoloran-tena io, kanefa inona no teny fikasana efa nomen'i Jesosy antsika? Vakio ny Marka 10:23-27.

Zoma: Sehatra Fanampiny Tokony Heverina

Ny Toerana: tsara kokoa raha amin'ny toerana tsy miova no hanaovana ny fotoam-bavakao isan'andro. Io toerana io dia mety ho efitrano, zoron-trano, latabatra, na seza tsotra fotsiny. Indray mandeha ny pasitora Dwight Nelson dia nanazava tamin'ny vondrona mpanatrika seminera, momba ny maha-zava-dehibe ny toerana tsy miovaova. Nambarany fa ny fiovana kely eo amin'ilay toerana dia mety hitarika tsy fifantohana. "Mipetraka amin'ny toerana tsy ahatazanako ny any ivelan'ny varavarankely aho satria na dia ny fiovan'ny toetr'andro aza dia mety tsy hampifantoka ahy," hoy izy.

Ny Maha-Irery: Zava-dehibe ny fiaraha-mivavaky ny fianakaviana sy ny fiaraha-mandalina ataon'ny tarika madinika, kanefa tsy tokony hasolo ireny ny fotoana manokana anananao isan'andro eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Mety tsy ho irery ianao ao an-tokantrano raha tsy efa matory avokoa ny rehetra, na nandao ny tokantrano nandritra ny tontolo andro. Inona no lazain'ireto andininy ireto amintsika momba ny toerana nofidian'i Jesosy nivavahana? Marka 1:35; Lioka 5:16.

Fanoloran-tena sy Faharetana: Mety hihamaro kokoa angamba ny olona hahatoky amin'ny fanaovana vavaka isan'andro raha toa ka mandalo fanandramana

mivaingana ny amin'ny fanatrehan'Andriamanitra foana izy isan'andro. Tsy voatery ho izany foana anefa no mitranga. Indraindray toa hita hoe manalavitra antsika Andriamanitra. Vakio ny Salamo 22:1-2. Fantatrao ve hoe iza ao amin'ny Testamenta Vaovao no nindrana io tenin'ny Salamo io?

Izao no nambaran'ny mpanofana tamin'ny seminera iray: "Mbola misy andalana izay dinihako hatrany hatrany, hiandrasako ny Teny, kanefa dia mbola tsy tonga ihany izy hatramin'izao. . . . Ny tsiambaratelo anefa dia ny famerimberenana mijery sy mandinika ireny andalana ireny, sady mifantoka tsara sy mihaino. Na dia tsy mandre na inona na inona aza isika, ny fihetsika maneho izany fombafomba izany dia mamolavola ny ara-panahy."*

Boky Fanaovana Fotoam-Bavaka Manokana. Maro ny boky fanaovana fotoam-bavaka manokana feno ny Fanahy (anisan'izany ny boky efa natao hodinihana isan'andro) izay afaka mampianatra anao momba ny làlan'Andriamanitra. Samy boky tena tsara azonao hanombohana avokoa "Ny *Dia ho eo amin'i Kristy"*, *"Ilay Fitiavana Mandresy"*, ary ny "*Thoughts From the Mount of Blessing"* izay nosoratan'i Ellen White. Azonao fantarina hoe boky fanaovana fotoam-bavaka manokana tokoa ny boky iray raha toa ka mitarika anao ho amin'ny famakiana ny Baiboly ataon'ny tenanao manokana.

Fanaovana Diary. Ny fanaovana diary dia fandraiketana an-tsoratra tsotra, ny zavatra nosaininao nandritra ny fotoana nanaovanao vavaka manokana. Maro ny karazan-javatra izay raiketin'ny olona an-tsoratra: ny heviny momba ny zavatra fonosin'ilay andininy, ny hafatra izay tsapanao hoe omen'Andriamanitra anao, ny vavaka asandratra amin'Andriamanitra, ny valim-bavaka.

Misy loharanon-kevitra fanampiny mahakasika ity lohahevitra ity ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana <http://sabbathschoolpersonalministries.org/article.php?id=2>

Hevero Ity

Santionana Fotoam-Bavaka Manokana Ataon'ny Tena Isan'andro

Fidio ny fotoana tena mety indrindra hanaovanao vavaka manokana. Mety ho voatery hizara ny fotoam-bavakao manokana amin'ny fotoana samihafa ao anatin'ny tontolo andro angamba ianao vokatry ny fandaharam-potoananao.

Fotoam-Bavaka Mandritra ny 15-minitra	Drafitra Fotoam-Bavaka 60 minitra A*
●Angataho ny fitarihan'ny Fanahy	●Vakio/ataovy tsianjery ny

* Robert M. Mulholland, *Shaped by the Word: The Power of Scripture in Spiritual Formation* (Nashville, Tenn.:Upper Room, 1985), p. 115.

Masina
●Hianaro ny Leson'ny Sekoly Sabata
●Mivavaha

Drafitra Fotoam-Bavaka 30 minitra A

● Angataho ny fitarihan'ny Fanahy Masina
●Mamakia andalana avy ao amin'ny Baiboly, atomboka avy ao amin'ny filazantsara iray
● Ianaro ny Leson'ny Sekoly Sabata.
●Mivavaha

Drafitra Fotoam-Bavaka 30 minitra B*

● Angataho ny fitarihan'ny Fanahy Masina
●Manaova hira fiderana
●Mamakia andalana avy ao amin'ny Baiboly, ka miezaka mamita boky iray ao amin'ny Testamenta Vaovao
●Manao diarin'ny hevitra fototra amin'ny fianarana sy ny fanontaniana
●Mivavaha

Apokalypsy 3:20
● Angataho ny fitarihan'ny Fanahy Masina t
●Mamakia/ataovy vavaka isan'andro ny Salamo iray
●Manaova fandalinana andalana iray amin'ny alalan'ny fomba roa: mampiasà loharanon-kevitra rehefa misy fotoana mahamety izany, raiketo an-tsoratra ny hevitra fototra sy ny fanontaniana rehetra.
●Mivavaha, ary vavaka fanelanelanana no aoka tena ataonao.

Drafitra Fotoam-Bavaka 60 minitra B*

● Angataho ny fitarihan'ny Fanahy Masina
●Manaraha drafitra famakiana ny Baiboly mandritra ny roa taona, ka samy vakiana ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao
● Mivavaha, ary vavaka fanelanelanana no aoka tena ataonao.
●Manaova diarin'ny vavaka
●Mamakia boky fanaovana fotoam-bavaka manokana ataon'ny tena (Raha toa ka tsy hianarana mandritra io fotoam-bavaka io ny leson'ny Sekoly Sabata dia mifidiana fotoana hafa ao anatin'ny tontolo andro handalinana azy io.)
●Miderà amin'ny alalan'ny fanaovana hira fiderana.*

Aoka Ho Tonga Tena Zava-Misy Ny Zavatra Nianaranao

Tonga àry ankehitriny ny fotoana tokony hanaovanao fampiharana ny zavatra nianaranao nandritra ity herinandro ity momba ny fotoam-bavaka ataon'ny tena manokana. Manaova drafitra ho an'ny fotoam-bavaka ataonao manokana isan'andro. Zarao ao anatin'ny tarika miara-mianatra aminao izany na amin'ny olona iray farahafaharatsiny. Aoka mba hanampy anao ho tena tompon'andraikitra ny amin'ny fampiharana io drafitra io ilay tarika misy anao na ny namanao.

Sekoly Sabata sy Asa Fitoriana IOUM